


Fanambarana avy any ambony momba ny helo

Nosoratan'I **Mary K. Baxter**

<http://www.DivineRevelations.info/MALAGASY>



Henoy ny fanambaran'ny nanatrimaso ny amin'ny fisian'ny helo marina tokoa. I Mary Katherine Baxter dia nofidian'Andriamanitra hampahalala an'izao tontolo izao momba ny helo. Nitranga tamin'I Mary Baxter nandrity ny 40 alina misesy Jesosy ka nitondra azy nitsidika ny helo sy ny Lanitra. Niaraka tamin'I Jesosy izy niatrika ny horohoron'ny helo sy niresaka tamin'olo-maro tao. Nasehon'I Jesosy azy izay mitranga amin'ny fanahin'ny maty sy izay mahazo ny tsy mino sy ny mpanompon'Andriamanitra tsy manoa ny antsony.

Fizahantakila

Savaranonando

Fampidirana

Ho an'I Kathryn Avy amin'I Jesosy

Fizaràna

1. Ho any amin'ny helo
2. Ny ranjo havian'ny helo
3. Ny ranjo havanan'ny helo
4. Lavakafo maro hafa
5. Ilay tonelin-tahotra
6. Asa atao ao amin'ny helo
7. Ny kibon'ny helo
8. Ny Fonjan'ny Helo
9. Ny horohoron'ny helo
10. Ny Fon'ny Helo
11. Aizina any ivelany
12. Tandroka
13. Ny sandry havanan'ny helo
14. Ny sandry havian'ny helo
15. Ny andron'I Joela
16. Ny Ivon'ny Helo
17. Ady eny amin'ireo lanitra
18. Fahitàna misokatra tao amin'ny helo
19. Ny Valanoranon'ny Helo
20. Lanitra
21. Finoana sandoka
22. Ny mariky ny bibidia
23. Ny Fiverenan'I Kristy
24. Fiangavian'Andriamanitra Farany
25. Fahitana momba ny Lanitra
26. Faminaniana avy tamin'I Jesosy
Fehiny
Momba ny mpanoratra

Savaranonando

Il Marcus Bach dia namaritra matetika ny boky ho zanaky ny atidoha, ary marina ny azy. Tsy toy izay nateraky ny nofo sy ny ra nefy izy ireny izay vokatry ny safidy na kisendrasendra fa nalahatra banana ny fiainany manokana. Ny tranga iainan'izy ireo dia azo ampitahaina tsara amin'ny fanatitra miavaka. Ao aminy avokoa ny fihetseham-pon'olombelona. Ary tsy isasalàna fa ny tahony miafina dia izy hapetraka eo amin'ny fitoeram-boky dia ho hadino tanteraka.

Ity boky ity kosa dia inoako fa velomin'ny Fanahy Masina hitoetra mandrakizay. Ny tranga rehetra ao sy ny hafatra dia tena zava-dehibe amintsika tenan'I Kristy. Ny hosotr' Andriamanitra dia inoako fa hitoetra amin'ity boky ity sy ny minisiteran'izay mamaky azy.

Fanoloran-kafatra

Ity dia atolotra manokana ny voninahitr'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary ny Fanahy Masina, angady nananana sy vy nahitana azy.

Fampidirana

Miaiky aho fa raha tsy noho ny hery miafin'I Jesosy, tsy misy boky momba ny any ankoatry ny fahafatesana voasoratra na ity ny ireo hafa. I Jesosy irery no mihazona ny fanalahidin'ny helo sy efa nanefa ny vidin'ny hidirantsika any an-Danitra.

Tsapako fa nandany fotoana, nahamanirery sady nanahirana ny nanoratra ity boky ity. Taona maro izy ity vao nivoaka. Tamin'ny taona 1976 no tonga tamiko ny fanambaran'ny Tompo. Naharitra 8 volana ny fandraketana azy an-taratasy. Taona maro vao vita ny fandrafetana, mbola niampy taona iray hafa nampidirana tsirairay ireo andinin-tsoratra masina. Ny famaranana azy dia nandany ny ampahany betsaka tamin'ny ririnina 1982 sy ny taona 1983. Ankoatr'izay, nandrity ny 30 alina dia nentin'I Jesosy tany amin'ny helo aho, avy teo tany andanitra nandrity ny 10 alina manaraka.

Tsapako izao fa efa nanomana ahy ny amin'ity boky ity Jesosy fony izaho mbola zaza raha nanonofy an'Andriamanitra. Rehefa nateraka indray aho dia tany amin'ireo very ny foko, tiako izy ireo raha mba avotra.

Nony elaela tamin'ny 1976 dia nitranga tamiko Jesosy ka nilaza fa nosafidiana hanao asa manokana aho, Hoy izy, "Anaka, Hiseho aminao ny voninahitro hanalanao ireo ao anaty aizina ho amin'ny fahazavàna. Satria misy antony ny nisafidianan'ny Ray anao; Hanoratra sy handrakitra izay hasehoko sy holazaiko aminao.

"Hatoroko anao izay mitranga marina ao amin'ny helo, amin'izay mba ho maro angamba no hovoavonjy, maro no hibebaka amin'ny haratsiany mba tsy ho tara loatra.

"Halaiko, izaho Jesosy Kristy Tompo, tao anaty vatanao ny fanahinao, ka hoentiko any amin'ny helo sy toeran-kafa tiako hohitanao. Izaho koa hampahita anao ny Lanitra sy toeran-kafa maro ka hanome anao hafatra maro."

Mary Kathryn Baxter

Ho an'I Kathryn Avy amin'I Jesosy

Izao no nahaterahanao, hanoratra sy hitantara izay nasehoko anao. Fa mahatoky sy marina izany. Ny antsonao dia hilaza amin'izao tontolo izao fa misy ny helo ary Izaho Jesosy dia nirahin'ny Ray hamonjy ny olona amin'io Fijaliambé io.

Fizaràna 1

Ho any amin'ny helo

Tamin'ny martsa 1976 raha nivavaka tao an-trano aho dia novangian'I Jesosy Kristy Tompo. Nivavaka tamin'ny Fanahy nandrity ny andro maro aho no nahatsapa ny fanatrehan'Andriamanitra. Nanerana ny trano ny heriny sy ny voninahiny. Hazavànabe no nameno ilay efitra nivavahako, nahatsapa ho feno fiadanana tsy misy toy izany aho.

Hazavana mihindinkodina toy ny rano sady mivalombalona sy mifampiditra, nefo koa mihoronkorona sy mifampihataka. Nahavariana ny njery azy! Dia nanomboka niteny tamiko ny Tompo.

Hoy Izy, "Izaho no Jesosy Kristy, Tomponao, Te-hanome anao hafatra aho hanomanana ireo masina sy hiverenan'ireo ivelan'ny vala ho amin'ny fahamarinana. Tena misy ny herin'ny maizina ary tena marina ny fitsaroko.

"Anaka, hoentiko any amin'ny helo amin'ny fanahiko ianao, ka hatoroko zava-maro tiako ho fantatr'izao tontolo izao. Hiseho aminao imbetsaka Aho; Halaiko amin'ny vatanao ny fanahinao ka hoentko any amin'ny helo.

"Tiako ianao hanoratra boky sy hiteny izay nampahitana anao. Hitsidika ny helo miaraka isika. Raketo izany rehetra izany izay efa nisy, izay mbola misy, ary izay ho avy. Marina ny teniko, sady mahatoky no mendrika. Izaho no Izy, ary tsy misy ankoatra Ahy."

"Tompo malalako," Hoy aho niantso mafy, "Inona no tianao hataoko?" Te-hikiaka mafy ho an'I Jesosy avokoa ny amiko manontolo, hisaotra noho ny fanatrehany. Ny farany azoko amaritana azy dia, ampoky ny fitiavany aho. Izany no fitiavana tsara indrindra, feno fiadanana, mahafaly indrindra, ary mahery indrindra tsapako.

Nanomboka nitroatra ny onjam-piderana tato anatiko. Tiako hatolotra Azy indray manome hampiasainy ny amiko manontolo, hoenti-mamonjy ny olona amin'ny otany. Fantatro tamin'ny alalan'ny Fanahiny fa tena I Jesosy no tao anefitro tamin'io. Tsy hitako ny fomba hilazana ny fanatrehany izay avy any ambony. Fantattro fotsiny fa ny Tompo io.

"Izao anaka," Hoy Jesosy, "Hoentiko any amin'ny helo amin'ny Fanahiko ianao mba ho afamitatitra izay tena misy any, hilaza manerantany fa tena misy ny helo, hanala ny very ao anaty aizina ka hampiditra azy ireo amin'ny fahazavan'ny filazantsaran'I Kristy."

Teo noho eo dia nalaina tao amin'ny vatako ny fanahiko. Nentina niakatra nivoaka ny tranoko ho eny amin'ny habakabaka aho. Fantatro avokoa izay nitranga tamiko. Hitako ny ankohonako matory eo ambany.

Toy ny hoe maty aho ka navela ny vatako, ny fanahiko kosa niakatra niaraka tamin'I Jesosy ho any ambony trano. Toy ny ningaina ny tafo ka hitako ny vady aman-janako matory.

Reko ny kasik'I Jesosy raha nanao Izy hoe:"Aza matahotra. Tsy haninona izy ireo." Fantany ny eritreritro.

Hezahiko araka izay vita ny hilaza aminao ny dingana rehetra nolalovako. Tsy azoko ny zavatra sasany tamin'izay. Nohazavain'I Jesosy tamiko ny ankamaroany fa nisy tsy nambarany.

Fantattro, na tamin'izany na izao, fa tena nitranga ireny, ary Andriamanitra irery no afananeho azy. Deraina ny Anarany Masina. Ry olona, minoa fa tena misy ny helo. Nentina im-betsaka tany tamin'ny alalan'ny Fanahy aho nandrity ny fanomanana ity tatitra ity.

Tsy ela dia tonga tany an-danitra izahay. Nitodika tany amin'I Jesosy aho. Feno hery sy voninahitra Izy, sady niboiboika fiadanana. Nitantana ahy Izy sady nanao hoe:"Tia anao Aho. Aza matahotra, miaraka aminao Aho."

Teo dia vao may niakatra izahay, dia hitako teo ambany ny tany. Lantonara maro no indro nivoaka avy tao sady neparitaka saiky manerana ny tany manondro ny ivony dia avy eo niditra indray. Miakatra ambonin'ny tany izy ireo ka toy ny bacollant ngeza sy malotobe mihetsika. Miakatra saiky avy amin'ny tany manontolo izy ireo. "Inona ireny?" Hoy aho nanontany ny Tompo raha nanatona iray izahay.

"Ireo no lala-mankany amin'ny helo," Hoy Izy. "Iray amin'ireo no hidirantsika any."

Poatoizay dia niditra tamin'ny lantonara iray izahay. Toy ny tonelina izy avy ao anatiny, mihodinkodina dia miverina indray.

Aizin-kitroka no nameno ny tontolo, injany fofona maimbobe nanempotra ahy. Amin'ny sisin'io tonelina io misy zava-miaina maro miraikitra amin'ny rindriny. Mivolon-davenona antitra, mihetsika izy ireo sady mitaraina mafy aminay rehefa lalovanay. Fantattro avy hatrany na tsy nambara aza fa fanahy ratsy ireo.

Afa-mihetsika izy ireo saingy miraikitra amin'ny rindrina hatrany. Fofona maharikoriko no mivoaka avy aminy, izy amin'izay mikiakiaka mafy mahatsiravina aminay. Tsapako nisy fanahy ratsy tsy hita koa nihetsika tao amin'ilay tonelina.

Matetika ao anaty aizina dia mahaavaka endrika ihany aho. Zavona maloto no manarona ny ankamaroany. "Tompo, inona ireo?" hoy aho nanontany sy namikitra mafy ny tanan'I Jesosy.

Hoy Izy, "Fanahy ratsy ireo, efa vonona haparitaka eny an-tany vantany vao mibaiko I Satana."

Arakaraky ny nidinanay ilay tonelina no nihomehezana sy niantsoantsoan'ireo fanahy ireo anay. Te-hikasika anay izy ireo fa tsy afaka noho ny herin'I Jesosy. Maloto sy ratsy ny rivotra iainana, ny fanatrehan'I Jesosy ihany no tsy nampikiaka ahy noho io horohoro mamenio.

Ie, miasa avokoa ny retsika amiko-Mahare aho, mandre fofona, mahita, mahatsapa, eny mahare tsiron-devoly koa amin'io toerana io. Vao may mitombo aza ny retsi-pandreko rehetra, Nila harary aho noho ny loto sy ny fofona masiso.

Nony nanakaiky ny fanambanin'ilay tonelina izahay dia kiakiaka no nameno ny tanàna. Feo mankarenin-tsofina no nitsena anay avy tao ambany. Feo isankarazany. Tahotra sy fahafatesana ary ota no tsapako nanodidina ahy.

Fofon-dratsy tsy mbola reko hattrizay no nameno ny tontolo. Fofo-nofotra lo, avy amin'izay itodihana rehetra. Tety an-tany aho tsy mbola nandre tolokon-kakiviana sy haratsiana toy izany. Tsy ela dia ho fantatro fa hay feon'ireo maty izany, feno ny fitarainany ny Helo.

Nandre rivo-doza nifofofo mafy sy tafika nialoha anay aho. Nisy toy ny tsela-baratra na herinaratra teo amin'ilay aizina ka nandefa taratra volon-davenona mainty teny amin'ny rindrina. Zara raha hitako ny endrik'izay teo alohako. Nihemotra tamim-pahatairana mafy aho raha nahalala fa bibilavabe no nialoha anay. Nony njery tsara aho dia hay marobe ireto bibilava ratsy ireto no mitsambikimbikina eny rehetra eny.

Hoy Jesosy tamiko, "Hiditra tsy ho ela ao amin'ny ranjo havian'ny helo isika. Alahelo mafy, fahoriana mahatoro fo sy horohoro tsy hay lazaina no ho hitanao. Aza manalavitra Ahy fa homeko tanjaka sy fierovana ianao mandritry ny diantsika aty amin'ny helo.

"Fampitandremana izay hohitanao izao. "Hamonjy fanahy maro avy amin'ny helo ny boky soratanao. Tena izy izay hohitanao. Aza matahotra, fa momba anao aho."

Nony farany, tonga teo amin'ny fanambanin'ilay tonelina izahay sy Jesosy. Dia nivoaka ho any amin'ny helo. Holazaiko araka izay vitako izay hitako tao, halahatral araka izay nanomezan'ny Tompo azy tamiko.

Teny aloha, hatramin'ny faratazana, nisy zavatra nanidina haingana tetsy sy teroa. Feno feo mitrona sy mitaraina mafy mampalahelo ny toerana. Teny aloha nisy hazavana kely dia niroso ho eny izahay. Vovoka maloto sy maina ny lalana. Tsy ela dia tonga tamin-tonelina kely sy maizina izahay.

Nisy zava-dratsy noho ny ratsy tsy hay lazaina ka tsy hovoasoratro amin-taratasy. Re ny tsiron-tahotra ao amin'ny helo, Fantatro fa raha tsy niaraka tamin'I Jesosy aho tsy ho tafaverina. Eto am-panoratana, maro ireo hitako tany no tsy azoko, fa ny Tompo mahalala ny zava-drehetra ka hanazava izany tsikelikely.

Mampitandrina anao aho, aza mankany, toeran-dratsy feno fijaliana, hirifiry mafy sy alahelo mandrakizay. Velona foana ny fanahinao mandrakizay. Io no tena ianao ka na mankany an-Danitra na helo.

Hoanareo mihevitra fa eto an-tany ny helo-eny, marina ny anareo. Ao afovoan'ny tany izy, ary fanahy maro no ampijaliana ao andro amanalina. Tsy misy fety any, na fitiavana, Na fiheverana ny hafa, na fialan-tsasatra. Tsy misy afa-tsy fahoriana mihoatra izay heverinao.

Fizaràna 2

Ny ranjo havian'ny helo

Fofona ratsy no rivotra iainana. Hoy Jesosy tamiko, "Misy lavaka maro ato amin'ny ranjo havian'ny helo. Ity tonelina ity mankany amin'ny toeran-kafa ato amin'ny helo fa isika aloha izao hijanona kely ato amin'ny ranjo havia.

"Izay hohitanao izao dia ho ao an-tsaina lalandava. Tsy maintsy fantatr'izao tontolo izao ny zava-misy marina aty. Mpanota maro, eny hatramin'ny oloko aza misy tsy mino ny fisian'ny helo.

Nofidiako ianao hanambara izao fahamarinana izao amin'izy ireo. Marina avokoa izay hatoroko anao na momba ny helo na zavatra hafa."

Endrika hazavanabe no nanehoan'I Jesosy ny tenany tamiko, mazava noho ny masoandro. Ny endrik'olona dia teo afovoan'ilay hazavana. Indraindray aho nahita Azy toy ny olona, fa amin'ny fotoana hafa indray dia endrika Fanahy.

Hoy indray Izy, "Anaka, rehefa miteny aho dia efa niteny izay ny Ray. Iray ihany izaho sy ny Ray. Tiava mihoatra ny zava-drehetra sady mifamelà. 'Ndao araho Aho."

Eny am-pandehanana izahay dia mitsoaka ny fanatrehan'ny Tompo ny fanahy ratsy. "Andriamanitra ô, Tompoko," Hoy aho niantso mafy. "Inona no manaraka?"

Araky ny efa nolazaiko dia velona avokoa ny retsika rehetra ety amiko. Toy izany koa ny an'ireo any amin'ny helo. Ny ahy moa dia mandeha amin'ny heriny rehetra. Eny rehetra eny ny tahotra, toy izany koa ny loza tsy hay lazaina. Izay dingana andehanako dia miharatsy kokoa hatrany noho ny teo aloha.

Nisy varavarankely maro niverimberina nivoha sy nihidy hainganabe teo ambonin'ny tonelina. Kiakiaka no nanerana ny tontolo raha nanidina nivoaka ilay tonelina ireo fanahy ratsy. Tsy ela dia tonga tamin'ny faran'io tonelina io izahay. Nangorohoron'ny tahotra aho noho ny loza manodidina anay.

Saingy velom-pisaorana tamin'ny fiarovan'I Jesosy. Misaotra an'Andriamanitra noho ny heriny tsy toha miaro na aty amin'ny lavaky ny helo aza izahay. Na dia voaaro toy izany aza dia tsy nitsaha-nieritreritra aho hoe:Ray ô! Tsy ny sitrapoko anie fa ny anao no hatao.

Nojereko ny tenako. Teo no voalohany nahitako fa fanahy aho, toy ny endriko ihany anefa. Nieritreritra aho izay ho tohiny.

Nivoaka tao amin'ilay tonelina izahay ka indro tany malalakabe teo amin'ny andaniny 2. Hantsana afo maro no hita hatreny amin'ny faratazana. 1,2 m ny savaivon'ny lavaka iray, ary 0.91 m ny halaliny, miendrika lovia baolina izy. Hoy Jesosy, "Maro ny lavaka toy izao aty amin'ny ranjo havian'ny helo. Ndao fa hatoroko ny sasany aminy. "

Nitsangana teo anilan'I Jesosy aho dia njery ny tao andavaka iray. Solifara no manemitra ny sisiny, midorehitra mena toy ny afon'arina. Eo anivony kosa misy fanahy very izay maty ka

lasa any amin'ny helo. Manomboka avy any amin'ny fanambaniny ny afo, miakatra manarona ilay very. Afaka fotoana fohy dia indro vainafo sisa tavela, avy eo dia mandifitra ilay fanahy voaozona indray amim-peo maika.

Hitako fa mihidy ao anaty taolana io fanahy io. "Tompoko," Hoy aho nitomany raha nahita, "Tsy afa-mamoaka azy ireo ve ianao?" maha toro fo loatra! Mety ho izaho, hoy aho aneritreritra, no toy izao. Hoy aho, "Tompo, mahaontsa ny mahita sy mahalala fa misy fanahy very ao."

Nandre kiaka aho avy ao amin'ny ivon'ilay lavaka voalohany. Indro ilay fanahy taolana, nitomany, "Jesosy, mamindrà fo!"

"Andray ry Tompo!" Hoy aho. Feom-behivavy no tao. Nijery azy aho ary te-hamoaka azy tao anaty afo. Onena mafy ny foko nahita azy.

Niresaka tamin'I Jesosy ilay taolana mivoa-tsetroka volondavenona. Tohina mafy aho ka nihaino azy. Nofotra rotidrotika no nihantona tamin'ny taolany, ka rehefa may dia niraraka tany ambany. Loaka sisa no eo amin'ny faritry ny masonry.

Sola tanteraka.

Manomboka avy any an-tongony ny afo kely dia miakatra ka tonga mandifitra azy. Toy ny may foana ny fijery azy, na dia vainafo fotsiny aza no tavela. Kiaka sy toloko mitory hadisoam-panantenana no nivoaka avy tany anatiny lalina, "Tompo, Tompo, te-hivoaka tato aho!"

Niezaka nanakatra an'I Jesosy izy. Nijery an'I Jesosy aho ka indro ny tarehiny malahelobe. Hoy Izy tamiko, "Anaka, aty ianao hampahalala izao tontolo izao fa fahafatesana no tambin'ny ota, ary tena misy ny helo.

Nojereko indray ilay vehivavy ka indro nivoahan-kakana ny taolany. Tsy matin'ny afo ireo kankana ireo. Hoy Jesosy, "Fantany sy reny ireo kankana ireo ao anatiny."

"Andriamanitra o, mamindrà fo!" raha tonga tamin'ny faratampony ny afo ka nandoro aoka izany. Kiakiaka sy toloko lalina no nameno io fanahy io. Very izy. Tsy misy hevitra hivoahany. "Jesosy, nahoana izy no aty?" Hoy aho tamim-peo malefaka, natahotra mafy mantsy aho.

Hoy Jesosy, "Ndao."

Lalana miolankolana io nalehanay io, Mihodinkodina ivelany sy anatin'ny lavaka hatreny amin'izay tazako. Kiakiak'ireo fanahy very miampy monomonona sy feo ratsy no reko hatraiza hatraiza. Tsy misy fahanginana any. Fofom-paty synofotra lo matevina no rivotra iainana.

Tonga teo amin'ny lavaka manaraka izahay. Taolana koa no tao amin'io lavaka io, lavaka mitovy amin'ilay teo. Feon-dehilahy no nikiaka avy tao hoe: "Tompo, mamindrà fo amiko!" Rehefa miteny izy ireo vao fantatro na lahy na vavy.

Ranomaso havozona ralehilahy. "Azafady Jesosy. Mamelà ny heloko. Avoahy tato aho. Taona

maro aho no efa tato amin'ity toeram-pampijaliana ity. Miangavy anao aho, avoahy!" Eo am-pangatahana izy dia mihetsika mafy noho ny kiaka ny taolany, "Jesosy a, azafady avoahy tato!" Nitodika tany amin'I Jesosy aho ka indro Izy nitomany koa.

"Jesosy Tompo a," hoy izy ao anaty afo, "Tsy efa ampy ve izay ny fijaliako vokatry ny otako? Efapolo taona izay no nahafatesako."

Hoy Jesosy, "Voasoratra hoe: 'Ny marina amin'ny finoana no ho velona!' ny tsy mino sy ny mpaneso dia hanana ny anjarany any amin'ny farihy mirehitra afo. Tsy nino ny marina ianao. Maro ny oloko nalefa tany aminao hanoro anao ny lala-marina, fa tsy nohenoinao. Nihomehy azy ireny ianao sady nandà ny filazantsara. Nefa izaho maty teo amin'ny hazo fijaliana noho ianao, naneso Ahy ianao sady tsy nibebaka tamin'ny otanao. Fotoana maro no nomen'ny Ray anao hamonjena anao. Raha mba nihaino mantsy ianao an!" Nitomany Jesosy.

"Fantatro Tompo ô, Fantatro!" Hoy ilay lehilahy nitomany. "Mibebaka aho izao."

"Tara loatra", hoy Jesosy. "Vita ny fitsaràna."

Nanohy ihany ilay lehilahy, "Maro amin'ireo havako no mankaty, tsy hibebaka koa mantsy izy ireo. Avelao aho hilaza aminy ry Tompo fa tsy maintsy mibebaka amin'ny otany izy raha mbola eny an-tany. Tsy tiako ho tonga aty izy ireo."

Hoy Jesosy, "Manana ireo mpitory, mpampianatra, sy loholona izy, samy mitory ny filazantsara. Ireo no hilaza aminy. Tombony ho azy koa ny fisian'ny fitaovam-pifandraisana vaovao sy ireo fomba maro hahafantarany Ahy. Handefa mpiasa any aho mba hinoany ka hahavonjy azy. Raha tsy mino izy rehefa mandre ny filazantsara, tsy hino ihany na hisy hitsangana amin'ny maty aza."

Teo dia tezitra ilay lehilahy ka nanomboka nanompa. Ompa ratsy sy ozona no nivoaka ny vavany. Nijery amin-tahotra aho raha nahita ny afo niakatra sy nynofony niraraka. Hitako tao anatin'io fatiny io ny fanahiny. Toy ny zavona volon-davenona, io no mameno ny atitaolany.

Nitodika tany amin'I Jesosy aho sady niantso mafy hoe: "Tompo, Loza!"

Hoy Jesosy, "Tena misy ny helo; Tena misy ny fitsaràna. Tena tiako izy ireo anaka. Vao fiandohan'ny zava-mahatahotra haseho anao io. Maro no mbola ho avy.

"Aoka ianao hisolo vava Ahy fa tena misy ny helo, ary tsy maintsy miala amin'ny otany ny lehilahy sy vehivavy. Ndao araho aho, tsy maintsy manohy isika."

Tao amin'ny lavaka manaraka nisy vaviantitra fohikely tokony ho 80 taona. Tsy haiko izay nahalalako ny taonany fa dia fantattro fotsiny. Vokatry ny afo tsy mitsahatra dia niendaka tamin'ny taolany ny hodiny, Taolana sisa itoeran'ny fanahiny miendri-javona maloto. Hitako fa nandoro azy ny afo. Tsy ela dia indro fa taolana sisa miampy ireo kankana mifamezivezy izay tsy ananan'ny afo fahefàna.

"Tompo, zava-doza!" Hoy aho niantso mafy. "Tsy fantattro raha ho afaka hanohy aho fa tena ratsy tsy hay dinihina izao." Izay taza-masoko rehetra dia lavaka afo avokoa.

"Anaka, izao mihitsy no antondianao aty," Hoy Jesosy namaly. "Ianao tsy maintsy mahalala sy

milaza ny zava-misy marina aty amin'ny helo. Tena misy ny Lanitra! Tena misy koa ny helo! Ndao fa tsy maintsy atao izao."

Nitodika nijery ilay vehivavy aho, nahonena ny kiakiany. Hitako izy nanambatra ireo taolan-tanany toy ny mivavaka, dia latsa-dranomasso aho. Fanahy aho nef a nitomany. Fantattro fa mahatsapa izany koa ny olon-drehetra ao amin'ny helo.

Fantatr'I Jesosy ny eritreritro. "Eny anaka," Hoy Izy, "Mahatsapa izy ireo. Rehefa tonga aty ny olona dia manana fihetseham-po sy mieritreritra toa azy teny an-tany ihany. Tsaroany ny Havana aman-tsakaizany sy ny fotoana nahafahany nibebaka tsy nohararaotiny.

Tsy miala aminy ny fitadidiany. Raha mba nino ara-potoana mantsy izy ireo an."

Nojereko indray ilay vaviantitra, tamin'io dia hitako fa tokan-dranjo izy, sady nisy toa nolavahina ny taolam-potompeny. "Inona ireo Jesosy?" Hoy aho nanontany.

Hoy Izy, "Anaka, fony teny an-tany izy dia voan'ny homamiadana ka njaly fatratra. Nodidiana izy hamonjena ny ainy. Dia tonga olona feno fangidiana anaty. Maro ny oloko tonga nivavaka ho azy sy nilaza fa afa-manasitrana azy aho. Fa hoy izy, 'Andriamanitra no nanao izao tamiko,' dia tsy nibebaka sy tsy nino ny filazantsara izy. Nisy fotoana izy nahalala Ahy fa nony ela dia tonga nankahala Ahy.

"Tsy mila an'Andriamanitra aho, hoy izy, sady tsy mila an'I Jesosy hanasitrana ahy. Izaho anefa niangavy mafy taminy fa te-hanampy azy, te-hanasitrana sy hitahy azy. Fa izy nitodidamosina sy nanozona Ahy. Nolazainy fa tsy misy ilany Ahy. Nanambitamby azy fatratra ny Fanahiko. Na efa nanome lamosina Ahy aza izy dia mbola nezahiko hosintonina tamin'ny Fanahy, fa tsy nety nihaino. Maty nony farany, dia aty."

Nitaraina mafy tamin'I Jesosy ilay ramatoabe, "Jesosy Tompo, mamelà ny heloko izao. Miala tsiny raha tsy nibebaka aho fony teny antany." Nikiakiaky ny nenina tamin'I Jesosy izy hoe: "Raha mba nibebaka ara-potoana mantsy aho! Tompo a, avoahy tato aho. Hanompo anao aho, ho tsara fanahy. Tsy mba efa ampy ve izay ny fijaliako? Nahoana ary aho no niandry efa tara? Oh, Nahoana no niandry ny Fanahinao hiala tsy hisintona ahy aho?"

Hoy Jesosy taminy, "Nanam-potoana lava ianao nahafaha-nibebaka sy nanompo Ahy." Feno alahelo ny endrik'I Jesosy raha nandeha izahay.

Raha mbola nijery ilay ramatoa nitomany aho dia nanontany hoe: "Tompoko, dia inona indray ny manaraka?"

Tsapako ho feno tahotra ny manodidina. Alahelo, sy kiaka vokatry ny hirifiry ary fahafatesana no eny rehetra eny. Tamim-po ontsa sy feno alahelo no nanatonanay lavaka hafa indray. Ny heriny no hany nahafahako nanohy ny dia. Fa mbola re avy lavitra ny tolokom-pibebehant'ilay ramatoabe sy ny fiangaviany famelan-keloka. Raha mba misy zavatra azoko atao aminy mantsy, hoy aho anakam-po.

Ry mpanota, aza andrasana ho efa nandao anao ny Fanahin'Andriamanitra.

Tao amin'ilay lavaka manaraka nisy vehivavy mandohalika toa mitady zavatra. Feno lavadavaka koa ny taolany. Mangarahara ny taolany sady may ny fitafiany rovidrovitra. Sola

ny lohany, ary goaka no sisa eo amin'ny faritry ny masonry sy ny orony. Nisy afo kely nandoro ny tongony ilay izy nandohalika, Misarangotra amin'ny solifara sisin-davaka izy. Niakatra amin'ny tànany ny afo dia miraraka nynofony isaky ny mandavaka izy.

Nangovitry ny taraina mafy izy. "Tompo ô, Tompo ô," Hoy izy nikiaka, "Te-hivoaka ato aho." Nojerenay ihany ka indro izy efa tafatsangana teo amoron'ilay lavaka. Nihevitra azy ho efa tafavoaka aho no indro nisy devoly be elatra somary vakitampona nihantona amin'ny andaniny roa nanatona azy. Chocolat manopy mainty ny lokony, feno volo ny tenany. Miditra lalinabe any anaty lohany ny masonry, Izy mitovy habe amin'ny bera lehibe. Nihazakazahany ilay vehivavy dia natosiny mafy ho ao an-davaka feno afo. Natahotra aho nahita azy potraka. Nalahelo be azy aho. Te-haka sy hamihina azy, te-hangataka amin'andriamanitra ny hamoahana azy sy hanasitranana azy.

Fantatr'I Jesosy ny hevitro ka hoy Izy, "Anaka, Efa nivoaka ny didim-pitsaràna. Efa niteny ny Ray. Mbola kely izy dia efa nantsointsoiko foana hibebaka sy hanompo Ahy. Nony feno 16 taona dia nohatoniko ka hoy Aho, 'Tiako ianao. Atolory Ahy ny fiainanao dia manaraha Ahy, fa zavatra manokana no iantsoako anao: Nantsoiko foana izy nandrity ny androm-piaiany, fa tsy nihaino. Hoy izy, 'Hanompo anao ihany aho rehefa. Izao aho tsy manam-potoana ho anao. Ts'isy fotoana, ts'isy, Izaho izao feno fahafinaretana. Ts'isy, ts'isy fotoan-kanompoana anao ry Jesosy a. Aleo rahampitso.' Tsy nety tonga nefo ilay rahampitso fa ela loatra no niandrasany."

Niantso mafy an'I Jesosy ilay vehivavy, "Mijaly mafy ny fanahiko. Tsy misy lalan-kivoahana ato. Fantatro fa nify izao tontolo izao aho fa tsy ianao ry Tompo. Te-hanana sy halaza aho, dia tratrako ny tanjoko. Azoko daholo izay tiako novidiana; Izaho ihany no sefoko. Izaho no vehivavy tsara tarehy sy fitafiana indrindra tamin'ny vehivavy ray tarika tamiko. Nananako ny vola aman-karena ary ny laza, nefo hitako izao fa tsy nisy afaka nentiko izany nony maty aho. Tompo ô, Ratsy ny helo.

Tsy miala sasatra mihitsy aho andro aman'alina. Hirifiry sy fijaliana lalandava no iainako. Vonjeo aho Tompo," Hoy ny gogogogony.

Naniry fatratra izy niandrandra an'I Jesosy ka nanao hoe:"Ry Tompo malalako, raha mba nihaino anao mantsy aho! Hanenina mandrakizay aho izao. Nihevitra ny hanompo anao ihany aho rehefa vonona. Nihevitra aho fa hijaraka amiko foana Ianao. Nefo aho disobe! Niriana fatratra aho noho ny hatsaran-tarehiko tamin'izany. Fantattro fa nitaona ahy Hibebaka Andriamanitra. Nisintona ahy tamin'ny mahazakam-pitiavany foana Izy fony aho mbola velona, dia nihevitra aho fa afa-mampiasa Azy toy ny ataoko amin'ny hafa rehetra. Ho eo foana Izy. Eny, nampiasaiko Izy! Niezaka mafy Izy nitaona ahy hanompo Azy, nefo nandrity izany, nihevitra foana aho fa tsy misy ilako Azy. Indrisy fa diso hevitra tanteraka aho! Satria nanomboka nampiasa ahy Satana, dia nitombo tamin'ny fanompoana an'I satana aho. Nony farany dia lasa tia azy mihoatra an'Andriamanitra. Tia manota sady tsy mety miverina amin'Andriamanitra.

"Nampiasain'I satana ny hatsaran-tarehiko sy ny volako, dia niompana tany amin'ny heribe homeny ahy ny saiko. Mbola nitaona ahy foana Andriamanitra na izany aza. Nefo, rahampitso koa andro, hoy aho. Nefo indray andro raha nandeha fiara dia nadofotry ny mpamiliko

tamin'ny trano ilay fiara dia maty aho. Tompoko, mba avoahy ato re!" Sady niteny izy no nanakatra an'I Jesosy tamin'ny taolan-tanany aman-tsandriny nirehitra.

Hoy Jesosy, "Efa vita ny fitsaràna."

Nijohy ny ranomasonry raha nanatona lavaka hafa indray izahay. Nitomany am-po aho noho ny horohoron'ny helo. "Tompo malalako," Hoy aho nitomany, "Tsy nofinofy ny fijaliana aty. Rehefa aty ny fanahy, tsy manam-panantenana intsony, tsy misy fiainana, tsy misy fitiavana. Tena izy, tena izy ny helo." Tsy misy lalan-kivoahana, hoy aho an'eritreritra. Ho may ao foana izy mandrakizay.

"Tapitra ny fotoana," Hoy Jesosy. "Rahampitso isika miverina."

Ry sakaiza, raha miaina anaty ota ianao, Mibebaha. Raha efa nateraka indray ianao saingy niverin-dàlana dia mibebaha ka miverena amin'Andriamanitra. Manaova ny tsara sy ny marina hatrany. Mifohaza dieny mbola tsy tara mba hiara-miaina amin'ny Tompo mandrakizay.

Niteny indray Jesosy, "Manana endrika ny helo (toy ny an'ny olona) mitsilany eo afovoan'ny tany. Miendrika olona saingy mankadiribe sady feno efitra fampijaliana.

"Aza hadinoina ny milaza amin'ny olon'ny tany fa tena misy ny helo. Antapitrisany maro ny fanahy very aty sady betsaka no tonga isanandro. Amin'ny fitsaràna farany, ny fahafatesana sy ny helo dia hatsipy ao amin'ny farihy mirehitra afo; Izay no fahafatesana faharoa."

Fizaràna 3

Ny ranjo havanan'ny helo

Tsy nahatelin-kanina na nahita tory aho andro maro taorian'ny nitsidihako ny helo io. Toa miaina ny helo foana aho isanandro. Vao mikipy ny masoko dia efa helo indray no tazako. Tsy mety miala ato an-tsofiko ny kiakiak'ireo voaozona. Toy ny fandaharana amin'ny fahitalavitra, iainako lalandava izay hitako tany. Isan'alina aho any amin'ny helo, mandritry ny andro kosa miasa saina mafy mitady ny fomba hilazàna ity zava-mahataotra loatra ity amin'izao tontolo izao.

Niseho tamiko indray Jesosy ka nanao hoe:"Ho any amin'ny ranjo havanan'ny helo isika anio alina anaka. Aza matahotra fa tia anao sy miaraka aminao aho. "

Malahelo ny tarehin'I Jesosy, Feno fitiavana sy halemem-panahy ny masonry. Marina fa ringana tsy manam-panantenana ireo any amin'ny helo, nefo fantatro Izy fa tia azy ireo mandrakizay.

"Anaka," Hoy Izy, "Andriamanitra Ray manome antsika safidy, na isika hanompo Azy na I satana. Hitanao, tsy namboariny ho an'ny olony ny helo. Mamitaka ny maro mba hanaraka azy I satana, nefo ny helo noforonina ho azy sy ny anjeliny. Na Izaho na ny Ray tsy maniry olona ho very." Nanorika ny takolak'I Jesosy ny ranomasom-pitiavana.

Dia niteny indray Izy, "Tsarovy izao teny izao rehefa maneho anao ny helo Aho. Ahy ny fahefana rehetra any an-Danitra sy ety an-tany.' Misy fotoana ho toy ny ilaozako ianao, nefo tsia. Misy fotoana isika hohitan'ireo fanahy ratsy sy very fa misy fotoana koa tsy hohitany. Na aiza alehantsika, aoka ianao ho tony sy tsy hatahotra hanaraka Ahy."

Dia niaraka izahay. Narahiko akaiky avy tao aoriany izy sady nitomany aho. Andro maro mantsy aho no efa nitomany, Tsy mety miala ao an-tsaiko mihitsy ny helo. Amin'izany aho matetika dia mitomany anaty. Malahelo mafy ny fanahiko.

Tonga tao amin'ny ranjo havanan'ny helo izahay. Nojereko ka indro izahay eo amin-dalana may sy karakaina. Kiakiaka no nameno ny rivotra maloto, Feno fofom-paty ny tanàna. Henjana loatra ilay fofona indraindray ka namparary ny vavoniko. Maizina avokoa afa-tsye ny hazavana avy amin'I Jesosy sy ireo lavaka afo izay mameno ny hita maso rehetra.

Devoly maro karazana no indray mandala anay.Nibetroka anay ilay devoly kely rehefa nandalo. Mifampiresaka izy ireo izay samy amin'ny habeny sy endriny avy. Teo anoloanay nisy devoly lehibe nanome baiko ireo kely. Nijanona izahay hihaina ka hoy Jesosy, "Misy vondron-devoly tsy hita maso koa aty-toy ny fanahy mpitondra aretina."

"Ndàna!" Hoy ilay devolibe tamin'ireo devoly kely sy madinika. "Manaova zava-dratsy maro. Akorontanon ny tokantrano, simbao ny ankohonana. Baboy ireo kristiana tsy miorina, Avilio amin'ny lalan-diso ny maro arak'izay tratra. Mahazo valisoa 'nareo rehefa miverina.

"Aoka foana 'nareo hitandrina amin'ireo tena nandray an'I Jesosy marina. Afa-mandroaka

anareo mantsy izy. Miparitaha eny an-tany. Efa betsaka ny miaramilako eny sady mbola be no azo alefa. Tsarovy fa isika dia manompo ny mpanjakan'ny aizina sy ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra."

Teo dia nanidina nivoaka ny helo ireo fanahy ratsy. Nivoha sy nihidy hainganabe ilay varavarana teo amin'ny fanambonin'ny ranjo havanan'ny helo hivoahan'izy ireo. Nisy koa nefá no nivoaka avy tamin'ireo lantonara nidiranay.

Hezahiko hofariparitana ny endrik'ireo ratsy ireo. Ilay niresaka mankadiribe, Toy ny bera lehibe, Volon-tsôkôlô, Toy ny an'ny fanihy ny lohany, voloina ny tavany ary milentika lalinabe ny masonry. Sandry be volobe no amin'ny andaniny 2, feno faraingo ny volo amin'ny tavany.

Ny iray indray kely toy ny maki saingy lava ranjo sady feno volo amin'ny tenany manontolo. Bitika ny tarehiny sady maranitrabe ny orony. Tsy nahita maso taminy aho.

Fa nisy hafa indray lava loha, lava volombava sy ranjo. Ny iray indray ngeza toy ny soavaly saingy malama hoditra. Ny fahitana azy ireo miampy ny fofona avoakany tena mampaloiloy ahy fatratra. Izay jerekó rehetra feno devoly. Fantattro tamin'ny Tompo fa ny ngeza indrindra amin'izy ireo mandray baiko mivantana avy amin'I Satana.

Nanjohy ilay lalan-kely hatrany izahay sy Jesosy mandra-pahatonga teo amina hantsana hafa. Toloko tsy hay hadinoina sy kiakiakam-pahoriana no re eny rehetra eny. Tompoko, inona indray ny manaraka? Hoy aho anakampo.

Nandalo fanahy ratsy maromaro izay toa tsy nahita anay izahay, dia nijanona tamin-davaka afo sy solifara iray. Lehilahy ranjananabe no tao. Reko izy nitory ny filazantsara. Zendana aho ka njery an'I Jesosy, fa Izy nahalala ny eritreritro ka nanao hoe: "Mpitory filazantsara izy fony teny an-tany. Nisy fotoana izy nilaza ny marina sy nanompo Ahy."

Nanontany tena aho izay ataon'io lehilahy io any amin'ny helo. Mirefy 1 m 82 izy, maloto manopy volon-davenona toy ny vatom-pasana ny taolany. Mbola misy ampanan-akanjony mihantona aminy. Nanontany tena aho ny antony tsy mahalevon'ny afo ireo vorokitsay. Mihantona eny aminy, ny ampha-nofonyefa kila sadym toa mirehitra ny karandohany. Mahatsiravina ny fofona avy aminy.

Hitako izy namelatra boky toy ny mamaky andinin-tsoratra masina. Tsaroako indray ny tenin'I Jesosy teo: "Mandeha avokoa ny retsika rehetra ao amin'ny helo, vao may mihamatanjaka aza izy ireo." Namaky andininy maromaro teo ilay lehilahy, nihevitra aho fa tsara izany. Hoy Jesosy tamim-peo feno fitiavana tamin'ilay lehilahy, "Mangina, Mitsahara." Teo dia nangina izy ary nanomboka nitodika tany amin'I Jesosy.

Hitako ny fanahiny tao anaty taolany. Hoy izy tamin'ny Tompo, "Tompo, hitory amin'ny olona ny marina amin'izay aho. Izao aho Tompo vonona hilaza amin'ny olona ny amin'ity toerana ity. Fony teny an-tany aho tsy nino ny fisian'ny helo sy ny fiaviana indray. Izay mantsy no tian'ny olona ho re, dia naleoko nify ny olona toy izay ny fahamarinanao tao am-piangonako. "Fantattro fa izaho koa tsy tia olona hafa foko na loko, Maro no voaviliko hiala aminao. Izaho no nametraka ny fitsipiko momba ny Lanitra, ny mety sy ny tsy mety. Nandavo olo-maro aho, nahatonga ny maro tsy hiraharaha ny teny masinao, naka vola tamin'ny mahantra. Saingy,

Tompo, avoahy aho fa hanao ny marina amin'izay. Tsy haka volam-piangonana intsony. Efa nibebaka aho. Ho tia ny olona amin'ny loko sy foko samihafa."

Hoy Jesosy, "Ianao tsy vitan'ny namilivily sy nandratsy endrika ny Teny masin' Andriamanitra fotsiny, fa nandainga raha nilaza ho tsy mahalala ny marina. Fahafinaretana taminao no ambonin'ny fahamarinana. Izaho mihitsy no namamgy anao, hampitodika anao, fa tsy nohenoinao. Izay tianao ihany no nataonao, ny ratsy no Tomponao. Fantatrao ny marina saingy tsy nibebaka na niverina tamiko ianao. Teo foana Aho. Niandry anao. Naniry mafy anao hibebaka Aho fa tsy nataonao. Izao efa vita ny fitsaràna."

Feno fangorahana ny tarehin'I Jesosy. Fantatro fa raha nihaino ny antson'ny mpamonjy io lehilahy io tsy ho tonga aty toy izao. Ray olona ô! Mihainoa.

Hoy indray Jesosy tamin'ilay niverin-dàlana, "Ianao tokony nilaza ny marina, dia maro no ho nitodika tamin'Andriamanitra, Izy ilay nanambara fa ny tsy mino dia banana ny anjarany amin'ny farihy mirehitra afo sy solifara.

"Ianao nahalala ny lalan'ny hazo fijaliana. Toy izany koa ny lalan'ny fahamarinana. Hainao ny nilaza ny marina. Fa nofenoin'I satana lainga ny fonao, dia nanota ianao. Tokony nibebaka tamin'ny fonao marina ianao, fa tsy ampahany fotsiny. Marina ny teniko. Tsy mandainga. Izao efa tara loatra, diso tara." Teo dia namokona totohondry tamin'I Jesosy izy sady nanompa Azy.

Tamin'alahelo no nialanay sy Jesosy teo ho amin-davaka hafa. Mbola tezitra sy nanozona an'I Jesosy hatrany ilay mpitory niverin-dalana. Izay an-dalovanay dia ahitan-tànana mivoaka sy feo miangavy mafy famindram-po amin'I Jesosy. Maintin'ny hafanana ny taolan-tsandriny aman-tanany-tsy misy nofo na ra velona, tsy misy taova, Fahafatesana sy fahasimbana no hany misy. Nitomany anaty aho, Ry tany ô! Mibebaha. Raha tsy izany dia ho aty ianao. Aoka tsy ho diso aoriane.

Nijanona tamin-davaka hafa indray izahay. Feno alahelo sy fitserana azy ireo aho ka nalemy zara raha afa-nitsangana. Ampoky ny alahelo tanteraka. "Jesosy, Maratra be ny any anatiko," Hoy aho.

Injany avy ao anaty lavaka feom-behivavy. Nitsangana teo afovoan'ny lelafo izy, izay nandifitra ny vatany. Feno kankana sy nofotra maty ny taolany. Nony niakatra ihany ny afo dia nanakatra an'I Jesosy izy, sady nikiaka hoe: "Avoahy tato aho. Ankehitriny, homeko anao ny foko, Jesosy. Hilaza amin'ny olona ny amin'ny famelan-kelokao aho. Hijoro ho vavolombelonao. Miangavy, mba avoahy!"

Hoy Jesosy, "Marina ny teniko, milaza Izy fa tsy maintsy mibebaka ny rehetra, miala amin'ny otany ary miangavy Ahy hiditra amin'ny fiainany raha tsy te-ho aty. Misy famelana ny ota amin'ny rako. Mahatoky sy marina Aho ka mamela izay rehetra manatona Ahy. Tsy handroaka azy ireo Aho."

Nitodika tany amin-dravehivavy Izy dia nanao hoe: "Raha nihaino ianao, nibebaka ka nanatona Ahy, dia ho navelako."

Nanontany ilay vehivavy, "Tompo, tsy misy hevitra hivoahana ato intsony izany?"

Niteny malefaka Jesosy. "Ravehivavy," Hoy izy, "Fotoana maro no nomena hibebahanao, fa ianao vao may nanamafy ny fona. Fantatrao ny teniko milaza fa ny olom-betaveta rehetra dia hanana ny anjarany any amin'ny farihy mirehitra afo. "

Nitodika tany amiko Jesosy sady nanao hoe: "Nijangajanga tamin-dehilahy maro io vehivavy io, naharava tokantrano maro. Na izany aza, mbola tiako izy. Nanatona azy Aho, tsy hanameloka fa hamonjy. Nandefa mpanompo maro Aho fa angamba izy mba hibebaka sy hiala amin'ny lalan-dratsiny, saingy indrisy. Raha mbola tovovavy izy dia nantsoiko, saingy ny lalan-dratsiny ihany no notohizany. Ratsy maro no vitany, nefo ho namela azy Aho raha nohatoniny. Niditra tao aminy I satana ka tonga kizitina sy tsy namela heloka izy.

Nankany am-piangonana izy saingy mba hitady lehilahy. Mahita dia mambabo. Raha mba nanatona Ahy mantsy izy dia ho voasasan'ny rako avokoa ny otany rehetra. Misy fony te-hanompo Ahy ihany, saingy ianao tsy afa-manompo Ahy sy satana miaraka. Ny olona tsirairay tsy maintsy mifidy izay ho Tompoiny.

"Tompo," Hoy aho nitomany, "Omeo hery aho ho afa-manohy" Nangovitra hatrany an-tampondoha hatrany am-paladia aho noho ny horohoron'ny helo.

Hoy Jesosy tamiko, "Mangina, mitonia"

"Ampio aho Tompoko" hoy aho nitomany. "Tsy tian'ny satana ho fantatsika ny marina momba ny helo. Na tamin'ny vinaniko lalina indrindra aza aho tsy nihevitra ny helo ho ratsy toy izao. Jesosy malalako, oviana izao no hifarana?"

"Anaka," Hoy Jesosy namaly, "Ny Ray ihany no mahalala ny hifaranany. Dia niresaka tamiko indray izy ka nanao hoe: "Mangina, mitonia." Dia nahazo hery be aho.

Nitety ireo lavaka afo izahay sy Jesosy. Tiako hosintonina avy ao anaty afo izay olona lalovanay dia hataoko eo an-tongotr'I Jesosy. Nitomany mafy anaty aho. Nieritreritra aho hoe: tsy misy tiako ho aty ny zanako.

Nony farany, nitodika taty amiko Jesosy ka niteny malefaka hoe: "Anaka, ho any an-tranonao isika izao. Rahampitso alina isika miverina aty indray."

Nigogogogo fatratra aho nony tonga tao an-trano. Mibahana ato an-tsaiko mandritry ny andro ny helo sy ny horohorony mbamin'ireo any. Ambarako amin'izay mihaona amiko ny helo. Lazaiko fa tsy hay faritana ny hirifirin'ny helo.

Ho anao mamaky ity boky ity, milela-paladia re, mibebaha amin'ny otanao. Antsoy Jesosy ka iangavio hamonjy anao. Antsoy izy anio. Aza miandry rahampitso. Ny rahampitso mantsy mety tsy ho avy. Tsy hitahita ny fandehan'ny fotoana. Mandohaliha ary aoka ianao hadio tsy misy pentina. Mifanisia soa. Aoka ho tsara fanahy sy hifamela noho I Jesosy.

Raha tezitra amin'olona ianao, Mamelà azy. Tsy misy hatezerana mendrika handehananao any amin'ny helo. Aoka isika ho mpamela heloka toy ny amelan'I Kristy ny otantsika. Mahaambina antsika Jesosy raha manam-po mibebaka sy mamela ny rany hanadio antsika amin'ny otantsika isika. Tiavo toy ny tenanao ny zanakao sy ny manodidina anao.

Hoy ny Tompon'ny fiangonana, "Mibebaha dia hovonjena!

Fizaràna 4

Lavakafo maro hafa

Ny alin'io dia niverina indray tao amin'ny ranjo havanan'ny helo izahay sy Jesosy. Hitako indray toy ny teo aloha ny fitiavan'I Jesosy ireo fanahy very. Tsapako koa ny fitiavany ahy sy ireo rehetra ety an-tany.

"Anaka," Hoy Izy tamiko, "Tsy sitraky ny ray ny hahavery olona na singany iray aza. Mamitaka ny maro I satana, dia manaraka ny olona. Saingy Andriamanitra mpamela heloka. Izy Andriamaniry ny fitiavana. Raha tena nibebaka marina ireto ka nanatona Azy dia ho navelany." Feno fahatsorana ny tavan'I Jesosy raha niteny izy.

Dia nitety ireo lavaka afo toy ireo teo aloha indray izahay. Tompoko, Tompoko, izany horohoro! Hoy aho anakam-po. Maro ny fanahy ringana nolalovanay tao.

Nandritra izany dia maro no nanakatra an'I Jesosy. Taolana sisa fa tsy misynofotra intsony-afatsy volon-davenona lo sy potipotika. Fanahy mainty mivolon-davenona no voagadra ao anaty taolany mandrakizay. Ny horakorany no ahafahako milaza fa reny ny afo, ny kankana, ny hirifiry, ny tsy fisiam-panantenana. Mahafeno alahelo tsy hay lazaina amin'ny fanahiko ny antsoantson'izy ireo. Raha mba nihaino mantsy izy ireo, hoy aho anakam-po, tsy ho taty.

Fantattro fa mandre sy mahatsapa tsara avokoa ireo any amin'ny helo. Tsaroany avokoa izay nambara taminy. Fantany fa very mandrakizay izy ary tsy misy lalan-kivoahany ny afo. Na izany aza toa manantena tsy misy ihany izy ka miangavy famindram-po amin'I Jesosy.

Nijanona tamin-davaka manaraka izahay. Toy ireo hafa rehetra ihany izy io. Vehivavy no tao anatiny, fantattro tamin'ny feony. Niantso mafy an'I Jesosy izy mba hamoahana azy tao.

Nijery am-pitiavana azy Jesosy ka nanao hoe:"Fony teny an-tany ianao, Niantso anao aho hanatona Ahy. Niangavy anao aho hanitsy ny fonao ndrao ho tratra aorian. Namangy anao matetika Aho isaky ny misasakalina milaza aminao ny fitiavako. Nandresy lahatra anao Aho! Tiako mantsy ianao ka notarihiko tamin'ny Fanahiko.

"Eny Tompoko,' Hoy ianao hoe:'Hanaraka Anao aho,' Nambaranao tamin'ny vava fa tia Ahy ianao, saingy tsy tamin'ny fonao. Fantattro izay misy ny fonao. Matetika Aho no naniraka olona mba hibebahanao sy hanatonanao Ahy, fa ianao tsy nihaino Ahy. Naniry hampiasa anao hitory amin'ny hafa Aho, hanampy azy ireo hahita Ahy. Fa aleonao izao tontolo izao toy izay Izaho. Nantsoiko ianao fa tsy nihaino, sady tsy nibebaka tamin'ny otanao."

Hoy ilay vehivavy tamin'I Jesosy, "Tsaroanao, Tompo, ny nankanesako tany am-piangonana foana sy na ha vehivavy tsara ahy. Niangona aho. Isan'ny fiangonanao. Fantattro ny antsonao fa ho an'ny fiainako. Fantattro fa tokony nanoa izany antso izany aho na ho inona vokany, dia nataoko tokoa."

Hoy Jesosy, "Ravehivavy, Mbola mandainga sy manota ihany ianao. Niantso anao Aho fa tsy nohenoinao! Marina fa mpiangona ianao fa tsy nahatonga anao any an-Danitra izany. Be ny ota tsy nibebahanao. Ianao nahatonga ny maro tsy hiraharaha ny teniko. Tsy namela ianao raha nisy olona nanafitohina anao. Mody tia sy manompo Ahy ianao rehefa miaraka amin'ny kristiana, fa rehefa lavitra azy ireo dia mandainga sy misoloky ary mangalatra. Ianao nanome vahana ny fanahy ratsy mambabo sady niroa fomba fiaina.

Fantatrao ny lalan-tery sady mahitsy."

"Dia hoy ihany Jesosy, "Ianao koa niroa lela. Nifosa ireo anadahy sy rahavavinao ao amin'I Kristy. Nitsara azy sy nihevitra anao ho masina noho izy ireo, nefo ny fonao feno ota mamoafady. Fantatro izany, nefo ianao tsy mihaino ny Fanahy masim-pitiavako. Ianao mitsara olona ivelany, tsy hitanao fa maro amin'izy ireny no zanaky ny finoana. Henjana ianao.

"Eny, nilaza ianao fa tia Ahy tamin'ny molotrao, fa ny fonao lavitra Ahy. Hainao sy azonao tsara ny lalan'ny Tompo. Nilalao an'Andriamanitra ianao, nefo Izy mahalala ny zavadrehetra. Raha tena nanompo Azy marina ianao, tsy ho aty androany. Ianao tsy ho afamanompo an'I satana sy Andriamanitra miaraka."

Nitodika tany amiko Jesosy ka niteny hoe:"Maro amin'ny andro farany no hiala amin'ny finoana, hanome vahana ny fanahy mambabo ka hankamamy ota. Mialà ka manalavira azy ireny. Aza miara-dàlana aminy." Raha vao niala teo izahay dia nanomboka nanompa sy nanozona an'I Jesosy ilay vehivavy. Nisafoakan'ny haromotana aoka izany. Nandeha ihany izahay. Nalemy tanteraka ny vatako.

Taolana indray no hitanay tao amin'ny lavaka manaraka. Tsy mbola tonga teo izahay dia efa nandre fofom-paty aho. Toy ireo hafa ihany io taolana io.

Nanontany tena aho izay nataon'io fanahy io ka mahavery sy tsy manam-panantenana azy, mandrakizay ao amin'io toeran-dratsy io no mba ho aviny. Mandrakizay ny helo. Rehefa mandre ny tomanin'ireo fanahy mijaly aho dia mitomany koa.

Nihaino aho raha niteny avy tao anaty afo tamin'I Jesosy ilay fanahy vavy. Nilaza andinin-tsoratra masina izy. "Tompo malala, inona no ataony aty?" Hoy aho nanontany.

"Henoy," hoy Jesosy.

Hoy ravehivavy, "Jesosy no lèlana, fahamarinana ary fiainana. Tsy misy olona afa-mankany amin'ny Ray raha tsy amin'ny alalany. Jesosy no fahazavan'izao tontolo izao. Manatona an'I Jesosy dia hovonjena ianareo."

Rehefa miteny izy dia maro amin'ireo fanahy manodidina azy no mihaino. Ny sasany manompa sy manozona azy. Ny sasany mampangina. Fa misy koa manao hoe:"Tena misy fanantenana marina ve?" na "Ampio izahay ry Jesosy." Toloko-nenina no mamenno ny tontolo.

Tsy azoko izay nitranga teo. Tsy azoko ny nahatonga io vehivavy io nitory filazan-tsara.

Fantatry ny Tompo ny tao an-tsaiko. Hoy izy, "Anaka, Nony 30 taona io vehivavy io dia

nantsoiko hitory ny teniko sy ho vavolombelon'ny filazantsara. Samy manana ny tanjona iantsoako azy ny tsirairay avy ao amin'ny fiangonana izay tenako. Fa raha toa ny lehilahy na tovolahy, ny vehivavy na tovovavy mandà ny Fanahiko dia miala Aho.

"Eny, novaliany tokoa ny antsoko nandrity ny toana maro, dia nitombo tamin'ny fahalalana ny Tompo izy. Nahalala ny feoko izy sady nanao asa tsara maro ho Ahy. Nandalina soratra masina. Nivavaka matetika, ary maro tamin'ireny no novaliana. Maro no nampianariny ny lalan'ny fahamasinana. Nahatoky izy tao antranony.

"Taona maro taty aoriana dia fantany fa hay niaraka tamin'olon-kafa ny vadiny. Na nangata-pamelàna aza ilay rangahy, niharatsy fo izy ka tsy namela na mba niezaka nanavotra ny tokantranony. Marina fa diso ny vadiny, lehibe ny ota nataony.

"Saingy nahalala ny teniko io vehivavy io. Afaka namela izy, sady fantany fa azo ialàna foana ny fakampanahy rehetra. Nangata-pamelàna taminy ny vadiny fa tsy navelany. Ny hatezerana no namaka làlina. Ny hatezerana no nitombo tao anatiny. Izy amin'io tsy nametraka ny olany tamiko. Nihanangidy anaty isanandro izy ka nanao anakam-po hoe: 'Izaho somokotra manompo an'Andriamanitra nefà ny vadiko ilaozany mihodina! Mba mety ve izany?' Hoy izy tamiko.

"Hoy Aho hoe:'Tsia, tsy mety. Saingy efa nandadilady taminao izy sady nifona fa tsy hamerina intsony.

"Hoy Aho taminy, 'Anaka, Diniho ny tenanao dia hohitanao fa ianao ihany no anton'izao"

"'Tsy izaho, Tompo' Hoy izy, 'Izaho no masina, izy no mpanota.' Tsy nohenoiny Aho.

"Nandeha teny ny fotoana, izy sady tsy nivavaka no tsy namaky baiboly intsony. Tsy tamimbadiny irery intsony izy no tezitra fa tamin'ny manodidina azy rehetra. Nitanisa soratra masina izy nefà tsy namela azy.

"Tsy nihaino Ahy izy. Nitombo haratsiana ny fony ka zava-doza no tafiditra tao. Vono olona no nameno ilay fony feno fitiavana taloha. Indray andro, raha sorena mafy izy, dia novonoiny ny vadiny sy ilay vehivavy sakaizany. Nofehezin'I satana tanteraka izy dia namono tena. "

Nojereko io fanahy very io izay niala tamin'I Kristy ka nanameloka ny tenany mandrakizay ho ao amin'ny afo sy fahoriania. Nihaino tsara aho raha namely an'I Jesosy izy. "Izao aho hamela azy ry Tompo," Hoy izy. "Avoahy aho. Hankato anao aho izao. Hitanao Tompo fa mitory ny teninao aho izao. Afaka ora iray dia halain'ny devoly aho ka hampijaliana mafy kokoa. Ampijaliana ora maro aho. Satria nitory ny teninao, Henjana ny fampijaliana ahy. Miangavy re ry Tompo mba avoahy tato."

Nitomany niaraka tamin'ilay vehivavy aho ka nangataka tamin'ny Tompo mba tsy hanam-po lentika. "Aza avela hidiram-pankahalàna ny foko ry Jesosy Tompo," Hoy aho.

"Ndao, tohizo ny diantsika," Hoy Jesosy.

Fanahin-dehilahy voahidy ao anaty taolany no tao amin'ilay lavaka manaraka, niantso mafy an'I Jesosy. "Tompo," Hoy izy nikiaka, "Hazavao amiko ny maha aty ahy."

Hoy Jesosy, "Mangina, mitsahara.

Azonao tsara ny maha aty anao." "Avoahy, dia ho tsara aho," Hoy izy niangavy.

Fa hoy ny Tompo taminy, "Efa aty amin'ny helo ianao mbola mandainga ihany."

Dia nitodika taty amiko Jesosy ka nanao hoe:"Tovolahy 23 taona io no tonga tato. Tsy nihaino ny filazantsarako. Im-betsaka nandre ny teniko sady efa tany an-tranoko matetika. Notarihiko amin'ny Fanahy ho amin'ny famonjena, fa naleony izao tontolo izao sy ny filàny. Tia nisotro sady nanome lamosina ny antsoko. Notezaina tamin'ny fiangonana izy, saingy tsy nanolo-tena ho Ahy. Hoy izy indray andro izay tamiko, 'Homeko anao ny fainako ry Jesosy indray andro any.' Kinanjo tsy nety tonga ilay andro. Indray alina nony avy namonjy fety izy dia maty tamin-dozam-piarakodia. Nofitahin'I satana hatramin'ny farany izy.

"Maty teo noho eo. Izy tsy mba nanoina ny antsoko. Nisy hafa koa maty tamin'io loza io. I satana tsy avy raha tsy hamono, hangalatra, ary handringana. Raha mba nihaino mantsy io tovolahy io! Tsy sitrak'Andriamanitra ny hahavery na dia iray aza. Naniry hahazo ny fanahiny I satana, dia nosimbainy vokatry ny tsy firaharahana, ota sy fimamoana. Olona sy tokantrano maro no rava isan-taona vokatry ny toaka."

Raha mba azon'ny olona mantsy fa mandalo ny filàna sy fanirian'izao tontolo izao! Raha manatona an'I Jesosy ianao dia hafahiny amin'ny fimamoana. Antsoy Jesosy dia hihaino anao izy sy hanampy anao. Izy ho namanao. Tsarovy fa tia anao Izy, Izy koa manam-pahefana hamela ny helokao.

Ry kristiana manambady, mampitandrina anao Jesosy fa ianao tsy mahazo mijangajanga. Ny mitsiriritra olona, na mbola tsy niarahana aza dia efa fijangajangàna am-po.

Ry tanora, madosira ny rongony, firaiana ara-nofo, ota maro. Raha nanota ianao, havelan'Andriamanitra. Antsoy Izy izao raha mbola fotoana. Mitadiava Kristiana matotra arapinoana dia anontanio izy raha afaka hihaino ny olanao. Mety indrindra ny handraisanao fanapaha-kevitra izao mba tsy ho diso aoriana.

I satana miseho toy ny anjelin'ny mazava hamitaka izao tontolo izao. Tsy mahagaga raha mahasarika ity tovolahy ity ny otan'izao tontolo izao na fantany aza ny tenin' Andriamanitra. Fety faramparany, hoy izy anakam-po, tsapan'I Jesosy foana io. Saingy tsy mamindra fo ny fahafatesana. Ela loatra no niandrasany.

Nijery ny fanahin'io tovolahy io aho ka tsaroako ny zanako. "Andriamanitra ô, Enga anie izy ireo hanompo anao!" Fantatro fa ianao mamaky ity boky ity manana olon-tiana sy lalaina, zanaka angamba, tsy tianao hankany amin'ny helo. Ambarao aminy I Jesosy ndrao ho tara loatra. Ampibebaho amin'ny otany izy mba havelan'Andriamanitra sy hohamasininy.

Naneloelo tao an-tsaiko nandrity ny andro maro ny horakorak'io tovolahy io. Tsy mety ho hadinoko ny tomanim-panenenany. Tsaroako ireo nofotra may mihantonkantona. Tsy ho hadinoko ireo fahalovana, ny fofon-dratsy, ny goaka eo amin'ny faritra nisy ny masonry, ny fanahy maintin'ny afo sy ny kankana manavatsava any anaty taolana. Nanangan-tanana toa niangavy ny taolan-tanan'ilay tovolahy raha nifindra lavaka izahay.

"Tompo malala," hoy aho nivavaka, "omeo hery aho hoenti-manohy.

Injao feom-behivavy mikiakiaka mila vonjy mafy. Kiakan'ny maty no re manerana ny tontolo. Tsy ela dia tonga tamin'ny lavaka nisy ilay vehivavy izahay. Nanao izay faraheriny izy niangavy an'I Jesosy hamoaka azy tao. "Tompoko," Hoy izy, "Tsy efa mba ela loatra ve izay no nahataty ahy? Mihoatra noho izay zakako ny fampijaliana ahy. Miangavy, Tompoko, mba avoahy!" Mangovitry ny alahelo ny tenany, re amin'ny feony ny hirifirim-panahiny. Fantatro fa mijaly mafy izy.

Hoy aho, "Jesosy, tsy misy azonao atao ve?"

Dia hoy Jesosy tamin'ilay vehivavy. "Fony teny an-tany ianao," Hoy Izy, "Niantso anao foana aho hanatona ahy. Niangavy Aho hanitsianao ny fonao mba ho Ahy, hamela ny heloky ny hafa, hanao ny tsara, hiala amin'ny ota. Im-betsaka aza aho no efa namangy anao tamin'ny misasakalina sy nisintona anao tamin'ny Fanahiko. Nilaza ho tia Ahy imolotra ianao, fa ny fonao lavitra Ahy. Tsy fantatrao angaha fa tsy misy azo afenina an'Andriamanitra? Ny hafa no azonao fitahina fa tsy Izaho. Na izany aza, nandefa olona maro aho hilaza aminao hibebaka, fa ianao tsy nihaino. Ianao tsy mahita, tsy mandre, sady nandroaka azy ireny amin-katezerana. Napetrako tamin-toerana handrenesanao ny teniko ianao. Fa ny fonao tsy nomenao Ahy.

"Tsy nanenina ianao sady tsy menatra tamin'izay nataonao. Nitodi-damosina Ahy ianao ka nanamafy ny fonao. Izao ianao very mandrakizay tsy azo avotana intsony. Tokony ho nihaino Ahy ianao."

Teo dia njery an'I Jesosy izy ka nanomboka nanompa sy nanozona an'Andriamanitra. Tsapako ny fanatrehan'ny fanahy ratsy, ary fantattro fa izy ireo no manompa sy manozona. Indrisy! Zava-doza ny very mandrakizay any amin'ny helo! Tohero ny devoly raha mbola azonao atao, dia handositra anao izy.

Hoy Jesosy, "Izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona."

Fizaràna 5

Ilay tonelin-tahotra

Niezaka aho nitadidy izay toriteny efa reko momba ny helo. Fa tsy mbola nandre mihitsy aho zava-dratsy toy izay atoron'ny Tompo ahy aty izao. Ratsy lavitra ny helo fa tsy arakarak'izay vinavina na eritreritr'olona. Mampalahelo ahy fatratra ny ahalala fa ho ao mandrakizay ireo fanahy ampijaliana ao. Tsy misy hevitra hivoahana.

Nanapakevitra aho fa hanao izay faraheriko hamonjena fanahy. Izaho tsy maintsy mitory filazantsara amin'izay mifanena amiko, satria tena mampatahotra ny helo, ary tena tantara marina ity. Azonao ve ny tiako hambara? Raha tsy mibebaka sy mino ny filazantsara ny mpanota, dia azo antoka fa ho aty.

Minoa an'I Jesosy Kristy, antsoy Izy hamonjy anao amin'ny ota. Vakio ny jaona toko faha-3 sy faha-14. Dia vakio manontolo koa ity boky ity hahafantaranao ny amin'ny helo sy ny any ankoatra. Eo ampamakiana ianao dia mivavaha mba hiditra ao am-ponao sy hamafa ny otanao Jesosy, amin'izay tsy ho tara loatra.

Nitety ny helo izahay sy Jesosy. Nirehitra, makina, kisilasila sady lao ny lalana. Nojereko ireo lavaka maro hatramin'ny faratazako. Torovana aoka izany aho. Ny foko, ny fanahiko, samy torotoro noho izay hitako sy reko nefá fantatro fa mbola maro no ho avy.

"Jesosy, omeo hery aho hoenti-manohy," Hoy aho nitomany.

Nitari-dalana I Jesosy dia notomoriko akaiky avy tao aoriania. Vonton'alahelo aho noho izay hitako. Nanontany tena aho raha hino ahy izao tontolo izao. Nojereko ny manodidina ahy ka indro lavaka feno afo hatramin'ny faratazana rehetra. Hodidinina lelafo sy fanahy may aho ka nikiakiaka mafy vokatry ny horohoro lalina. Tsy zakako intsony ny horohoro sy ny zava-misy.

"Ry tany, mibebaha," Hoy aho niantso mafy. Nangorohoro mafy ny fanahiko raha nanaraka an'I Jesosy aho. Nanontany tena aho izay hitranga manaraka. Nanontany tena koa aho izay ataon'ny havako sy ny namako. Tena tiako izy ireo! Tsaroako izaho nanota raha tsy mbola nandray an'I Jesosy, dia nisaotra an'Andriamanitra fa tafaverina ara-potoana.

Hoy Jesosy, "Hiditra tonelina iray isika izay mizotra mankao an-kibon'ny helo. Ny helo dia toy ny endrik'olona mitsilany mamela-tanana sy tongotra ao amin'ny ivon'ny tany. Toa ahy manam-batan'ny mpino, ny helo koa manam-batan'ota sy fahafatesana. Mitombo isan'andro ny fiangonana tenan'I Kristy, toy izany koa ny tenan'ny helo."

Teny am-pandehanana dia manakoako ao an-tsifoko ny taraina aman-tolokon'ireo voaheloka ao an-davaka afo. Maro no miantso an'I Jesosy rehefa lalovanay. Ao koa ireo mihanika mba hanakatra Azy, saingy tsy afaka. Tara loatra, diso aoriania, hoy ny foko nitomany.

Nalahelo foana ny endrik'I Jesosy teny an-dalana. Rehefa mijery ireo lavaka afo dia mahatsiaro anay mahandro eo an-tokotany sy ny arina narehitra mandritry ny ora maro.

Mitovitovy amin'io ny hitako aty amin'ny helo.

Nisaotsaotra aho nony niditra tao amin'ilay tonelina. Nihevitra mantsy aho fa tsy ho ratsy noho ireo lavaka afo izy io. Kanjo disobe aho!

Vao tafiditra dia indro bibilavabe maromaro, voalavo maro sy fanahy ratsy, mitsoaka ny fanatrehan'ny Tompo. Samy nikiakiaka ireo bibilava sy voalavo.

Feo ratsy maro no re. Bibilava misy poizina sy aloka maizina no nanodidina anay. Jesosy irery no hazavana tao. Notomoriko faran'izay akaiky Izy.

Devoly kely maro no manemitra ny sisin'io zohy io, ary samy manidina hivoaka ilay tonelina. Fantatro taty aoriana fa mivoaka ho ety an-tany izy ireo hanao ny asan'I satana.

Hoy Jesosy raha nahatsapa ny tahotro tao amin'io toerana maloto, maizina sy feno fotaka io, "Aza matahotra; Efa hivoaka ny tonelina isika. Tsy maintsy asehoko anao izao. 'Ndao araho aho."

Bibilava mankadiribe no nikisaka teo akaikinay. Ny sasany amin'ireo bibilava ireo mirefy 1,2 m ny habeny ary 7,62 m kosa ny halavany. Fofon-dratsy manempotra no re, sady feno fanahy ratsy ny tanàna.

Niteny Jesosy. "Efa ho ao an-kibon'ny helo isika izao. Ny haavon'io ampanhan'io helo io dia mirefy 27,35 km; 4,82 km kosa ny savaivony." Nomeny ahy ny refiny.

Hosoratako araka izay farafahaizako izay hitako sy reko. Hataoko izany ho voninahitry ny Ray, ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Hatao anie ny sitrapon'Andriamanitra.

Fantattro fa atoron'ny Tompo ahy izany hampitandremako ny lahy sy vavy rehetra mba handositra ny helo amin'ny fomba rehetra. Ry malala, raha mamaky ity ianao ka tsy mbola mahalala an'I Jesosy, aoka izay, mibebaha amin'ny ota, dia raiso Izy ho mpamponjy anao.

Fizaràna 6

Asa atao ao amin'ny helo

Teny alohanay nisy hazavana mavo manjavozavo. Tafavoaka ilay tonelin-tahotra izahay sy Jesosy ary efa tonga eo amin'ny sisin-dàlana miditra mankao ankibon'ny helo. Hatreny amin'ny faratazana dia hitako fa asa maro no atao ao anivo (ankibon')ny helo.

Nijanona izahay dia niteny Jesosy. "Hoentiko mitety ny kibon'ny helo ianao, Maro ny zavatra hasehoko anao. 'Ndao, araho aho.' Dia nandeha izahay.

Hoy Jesosy, "Horohoro maro no hohitanao. Tsy eritreritr'olona izao fa tena misy marina. Lazao amin'ny mpamaky anao fa tena misy ny herin-devoly. Lazao aminy koa fa tena misy I satana, tena misy koa ny herin'ny maizina. Ilazao anefa izy ireo tsy ho kivy, fa raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako no ho avy hanetry tena sy hivavaka ka hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino azy any an-Danitra aho, hanasitrana ny taniny sy ny tenany. Toy ny mahaazo antoka ny fisian'ny Lanitra koa ny fisian'ny helo"

Andriamanitra te-hampahalala anao ny helo, te-hamonjy anao tsy ho any. Tian'Andriamanitra ho fantatrao fa afa-miala io toerana io ianao. I Jesosy izany lalana izany, ilay mpamony ny fanahinao.

Tsarovy fa izay voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainan'ny zanakondry ihany no ho voavonjy.

Tonga teo amin'ny asa voalohany ao ankibon'ny helo izahay. Teo ankavanana'ny fidirana izy io, vohitra kely eo anjorony.

Tsaroako ny tenin'ny Tompo raha hoy Izy, "Misy fotoana ho toy ny mandao anao Aho, nefy tsy izany. Tsarovy fa manam-pahefana any an-Danitra sy ety an-tany Aho. Misy fotoana isika tsy hohitan'ireo fanahy very sy devoly, tsy ho fantany hoe aty. Aza matahotra. Tena izy izay hohitanao izao. Tena mitranga izany ary mbola hitohy mandra-panariana ny helo sy ny fahafatesana ao amin'ny farihy mirehitra afo."

Ry mpamaky, ataovy azo antoka fa voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainana ny anaranao.

Teo alohanay no nandrenesako kiakiakam-panahy ampahoriania. Nihanika ilay havoana kely izahay dia njery. Nazava teo ka hitako tsara izay nitranga. Kiakiaka tsy hay vinaniana no nameno ny tontolo. Kiakan-olona.

"Henoy Aho," Hoy Jesosy. "Tena marina izay ho re sy hohitanao izao. Aza raisina ho vazivazy izao ry mpitory filazantsara, fa tena zava-marina sy mahatoky. Mifohaza ry evanjelisitra, ry mpitory, ry mpampianatra ny teniko, ianareo rehetra nantsoina hitory ny filazantsaran'I Jesosy Kristy. Raha manota ianao, mibebaha ndrao ho ringana toy ireto."

Niakatra tokony ho 4.5 metatra teo izahay. Indro zavatra nitafy mainty nandeha teo amina boaty iray. Nony nojereko tsara dia hitako fa vatampaty ilay toa boaty teo ary devoly ireo

nandeha teo aminy. Tena vatam-paty ireo, devoly 12 no nanodidina azy. Nihomehy sy nihira izy ireo teo am-pandehanana.

Samy nanan-defona maranitra avy izy ireo, izay natsindrony teo amin'ny lavaka kely tamin'ilay vata.

Tahotra be no nameno ny tontolo, nangovitra aho ny amin'izay hitako.

Fantatr'I Jesosy ny tao an-tsaiko fa hoy Izy, "Anaka, maro ny fanahy mijaly aty amina karazam-pampijaliana maro samihafa. Henjana ny fampijaliana ireo efa nitory saingy niverina nanota, sy ireo tsy nanoina ny antson'Andriamanitra amin'ny fiainany. "

Nandre kiaka mafy aho izay nameno hakiviana ny foko. "Ts'isy fanantenana intsony, very fanantenana!" Hoy izy. Avy tao anaty vatam-paty io antsom-pahakiviana io. Tomany fanenenana tsy misy farany.

"Andriamanitra ô! Ratsy indrindra izao!" hoy aho.

"Ndao,"hoy Jesosy, "manakekeza." Teo dia niakatra ho eo amin'ilay vatampaty Izy ka nijery ny tao anatiny. Nanaraka koa aho dia nijery. Toa tsy hitan'ireo fanahy ratsy izahay.

Feno setroka mainty ny tao anaty vata. Fanahin-dehilahy no tao. Teo dia natsindron'ireo devoly tao amin'ny fanahin'ilay lehilahy ny lefony.

Tsy hohadinoko mihitsy ny fijalian'io fanahy io. Nitomany tamin'I Jesosy aho, "Avoahy izy ry Tompo; avoahy." Nahatsiravina ny nahita ny fijalam-panahiny. Raha mba afa-niala mantsy izy. Nosintoniko ny tanan'I Jesosy ka niangaviako hamoaka ilay fanahy avy tao anaty vata.

Hoy Jesosy, "Anaka, mangina, mitonia."

Nony niteny Jesosy dia hitan'ilay lehilahy izahay. Hoy izy, "Tompoko, Tompoko, avoahy ato aho. Mamindrà fo." Nojereko ka indro ra nijininika. Fanahy no hitako. Nisy fon'olona tao anatiny, Feno ra neparitaka avy tao anaty vata. Nanindrina ny fony ireo lefona.

"Hanompo anao aho izao ry Tompo." Hoy izy niangavy, "Avoahy aho." Fantatro fa mandre ny lefona rehetra atsindrona ny fony izy.

"Ampahoriana andro aman'alina izy," Hoy ny Tompo. "I satana no nametraka azy eto, I satana koa no mampijaly azy."

Nikiaka mafy ilay lehilahy, "Tompo, hitory ny filazantsara marina amin'izay aho. Hiresaka momba ny helo sy ny ota. Fa mba avoahy tato."

Hoy Jesosy, "Mpitory ny tenin'Andriamanitra io lehilahy io. Nisy fotoana izy nitory tamin'ny fony ary nahavonjy olo-maro. Mbola manompo Ahy ny sasany amin'ireo novainy taona maro taty aoriania. Ny filan'ny nofo sy ny fitaky ny harena no nandavo azy. Navelany hanjaka aminy I satana. Nitondra fiangonan-dehibe izy, nanam-piara tsara tarehy, tsara fivelomana. Dia nanomboka nangalatra ny fanatiry ny fiangonana. Nampianatra lainga. Niteny marina tampany sy lainga tampany. Tsy navelany hanitsy azy Aho. Nandefa ny mpanompoko Aho hampibebaka azy sy hampitory azy ny marina, fa naleony ny fahafinaretan'izao fiainana izao toy izay ny fiainan'Andriamanitra. Fantany fa tsy tokony hampianatra zavatra hafa afa-tsye izay

ambaran'ny baiboly izy. Talohan'ny nahafatesany dia nambarany fa lainga ny batsian'ny Fanahy Masina, mpihatsara ivelatsihy, hono, ireo milaza ho manana ny Fanahy Masina. Nambarany fa afaka ho any an-Danitra ianao raha mpimamo na tsy mibebaka aza.

"Nambarany fa tsara loatra Andriamanitra ka tsy handefa olona ho any amin'ny helo velively. Maro ny olona nazerany hiala amin'ny fahasoavan'ny Tompo. Nambarany aza fa tsy mila Ahy izy, satria, hono, izy mitovy amin'Andriamanitra. Nahavita nanao loabariandasy mihitsy izy hampiely izany fampianaran-diso izany. Nohitsahiny ny teniko masina. Na izany aza, mbola tiako foana izy.

"Anaka, Tsara kokoa ny tsy nahalala Ahy toy izay efa nahalala nefo niala tamin'ny fanompoana Ahy," Hoy ny Tompo.

"Raha mba nihaino Anao mantsy izy ry Tompo!" Hoy aho nitomany. "Raha mba nitandrina ny fanahiny sy ny an'ny hafa mantsy izy"

"Tsy nihaino Ahy izy. Niantso Aho fa tsy nohenoiny. Naleony ny fiainana moramora. Niantso azy mandrakariva aho hibebaka, fa izy tsy nety hiverina ho aty Amiko. Indray andro izy nisy namono ka tonga faingana taty. Izao izy ampijalian'I satana noho izy efa nitory sy namonjy fanahy ho amin'ny fanjakàko. Toy izao no fijaliany."

Nijery aho ka nahita ireo devoly mandehandeha manodidina ilay vata. Mitempo ny fon'ilay lehilahy ary rà be no mikoriana avy ao. Tsy hohadinoiko mihitsy ny kiakan'alahelo sy hirifiriny.

Nijery am-pitiavanabe ilay lehilahy tao anaty tranovorona Jesosy ka nanao hoe:"Ran'olona very maro no eo an-tanan'io lehilahy io. Maro amin'ireny no ampahoriana aty izao." Tamin'alahelobe no nandaozanay ny teo.

Nony nandeha izahay dia indro vondron-devoly hafa nanatona ilay vata. Tokony ho 91 sm eo ny halavany, maity ny akanjony, misatroka maity ny tavany. Mifandimby mampijaly azy izy ireo.

Nieritreritra aho ny mahabe hambompo antsika, tsy mihevi-tena ho diso ka tsy mitady famelan-keloka. Tsy mety manetry tena sy mibebaka, dia mandeha ho azy eny toy ny hoe isika irery no manana ny marina. Saingy henoy ry fanahy, Tena misy ny helo. Aza mba mandeha any.

Avy teo dia natoron'I Jesosy famantaranora mankadiribe aho, izay mameno izao tontolo izao. Reko ny fikisaky ny fanjaitrany. Efa manakaiky ny amin'ny 12 ny fanjaitrano, ny minitra kosa nijanona nony teo amin'ny 3 minitra mialohan'ny amin'ny 12. Nandeha niadana ho eo amin'ny ora ny minitra. Arakaraky ny androsoany no nahamafy hatrany ny feony ka toa re maneran-tany.

Miteny toy ny anjomara Andriamanitra, toy ny riandrano maro ny feony. "Henoy sy reneso izay ambaran'ny Fanahy amin'ny fiangonana," Hoy Izy. "Mivonona, fa amin'ny andro tsy ampoizinao dia ho avy indray Aho. Reko ny fanenon'ilay famantaranora. Amin'ny 12. Tonga haka ny Azy ny mpampakatra."

Vonona ve ianao amin'ny fiavian'ny Kristy ry namako? Sa ianao ho toy ireo milaza hoe:"Tsy

anio ry Tompo?" Hiantso Azy ve ianao mba hovoavonjy? Homenao Azy anio ve ny fonao? Tsarovy fa afaka ary hanala anao amin'ny ratsy Jesosy raha antsoinao izao, Mibebaha. Mivavaha ho an'ny havanao sy izay akaiky anao handraisan'izy ireo famonjena ndrao ho tara loatra.

Henoy Jesosy raha miteny hoe:"Hiaro anao amin'ny ratsy Aho, tsy hamela anao hivily lalana, hamonjy anao, hamonjy ireo akaiky anao. Antsoy Aho anio dia ho velona ianao. "

Andranomasobe no ivavahako ho anao mpamaky ity boky ity hahalala ny marina ara-potoana. Mandrakizay ny helo. Ambarako amin'ny heriko rehetra izay hitako sy reko. Fantatro fa marina avokoa ireny. Eo am-pamakiana ny ambin'ity boky ity ianao dia mivavaka aho mba hibebahanao sy handraisanao an'I Jesosy ho mpamonjy ny fiainanao manokana.

Injay ny Tompo nanao hoe: "Izay aloha ny androany, Miverina aty isika rahampitso."

Fizaràna 7

Ny kibon'ny helo

Ny alina manaraka dia nentin'I Jesosy tany amin'ny helo indray. Niditra tamin'ny lalana malalakabe izahay aloha. Asaratsin'ny devoly no hitako teny rehetra teny. Manodidina anay ny ankamaroan'ireo zavatra atao ireo. Tokony ho 3 m avy teo amin'ny nitsangananay no nahitako asa niavaka-devoly sy fanahy ratsy maro no miditra sy mivoaka maika ao.

Toy ireny horonantsary mampatahotra ireny. Fanahy ampahoriana izay hita rehetra, dia manao ny asany hatrany ny devoly sy ireo anjeliny. Nankadilo loatra ny kiakiakan-toloko sy hakiviana tao anatin'ilay somary aizina.

Hoy Jesosy, "Anaka, I satana sady mpamitaka eny an-tany no mpampahory fanahy aty amin'ny helo. Maro amin'ireo herin'ny maizina aty no misy fotoana mankeny an-tany hanimba, handratra sy hamitaka. Izao ianao hasehoko zavatra tsy mbola naseho amin'ny antsipirihany hattrizay. Izay hohitanao dia hitranga izao, fa misy koa hitranga any aoriana."

Nijery tany aloha indray aho. Niloko marevaka ny tany, Tsy misy fiainana, tsy misy vilona na zava-maintso. Maty na andalam-pahafatesana avokoa ny zava-drehetra. Ny toerana sasany mangatsiaka sy mando, fa ny hafa kosa mafana sy maina. Fa eo foana ilay fofono-nofotra may sy lo mifangaro amin'ny fofom-pako.

"I satana mampiasa fandrika sy harato maro hamitohana ny olon'Andriamanitra," Hoy Jesosy. "Mandrity ny diantsika aty amin'ny helo, Izaho hanoro anao ny hafetsen-dratsy sy ny fitaka maloto ataony."

Vao metatra vitsivitsy no vitanay dia indro zavatra mainty ngizina nahatsiravina nihantona teny aloha. Niaka-nidina no fijery azy, nifintina sy nibontsina. Isaky ny mihetsika izy io dia mamoaka fofon-dratsy noho ireo fofona maimbo efa re hattrizay mameno ny helo.

Hohazavaiko araka izay vita izay hitako. Isaky ny mibontsina sy mifintina ary mamoaka fofona masiso io zavatra mainty goavana miabantona io dia hitako fa misy tandroka matroka maro mivoaka manidina ho ety an-tany. Fantatro teo fa hay fo mainty ngezabe ilay izy sady misy fidirana maro. Nangorohoro mafy aho.

Fantatr'I Jesosy izany ka hoy Izy, "Aza matahotra. Io no fon'ny helo. Ao aoriana kely, mbola hiditra ao isika, fa izao aloha ho ao amin'ireo fonja mitangorona."

Manao faribolana ireo fonja ireo ao an-kibon'ny helo. 27.36 km ny haavony. Niandranda aho ka hitako fa misy tatatra lehibe manelanelana ny fonja amin'ny fanambaniny (ny kibon'ny helo). Tokony ho 1.82 m eo no fijeriko ny halalin'ilay tatatra, ka nanontany tena aho ny fomba hiampitako eny. Tsy vita akory ny eritreritro dia efa teo antokontanim-ponja iray izahay. Eo no ahafaha-mivezivezy mitsidika ireo fonja sy ahitana tsara koa ny ivon'ny helo.

Hoy Jesosy, "Mahatoky sy marina izao. Mbola hariana any amin'ny farihy mirehitra afo ny fahafatesana sy ny helo. Mandrapahatongan'izany dia hazonina eto aloha ny helo. Hijanona eto ireto fonja ireto, hipoka fanahy mpanota, ory sy ampijaliana.

"Natolotro ny aiko tsy handehananareo aty. Fantatro hatr'izay fa tena izy ny horohoro aty, fa tena misy toy izany koa nefo ny famindram-pon-dRaiko. Raha ekenao dia havelany ny helokao. Antsoy Izy amin'ny anarako."

Fizaràna 8

Ny Fonjan'ny Helo

Nijanona teo an-davarangan'ny fonja iray izahay sy Jesosy. Tokony ho 1.21 m nyakan'izy io. Nijery ambony aho ka hitako fa maro ny lavarangana toy io amin'ilay faritra boribory lehibe izay toy ny tevana. Eo anilany kosa fonja toa nalentika any anaty tany. Toy ny fonja rehetra dia mitandahatra izy ireo, 61 sm feno loto no hany elanelany.

Hoy Jesosy, "27.35 km ny haavon'ireo fonja ireo, atomboka hatrany amin'ny fanambanin'ny helo. Olona nanao ody sy nivavaka tamin'ilay ratsy no ao. Ny sasany mpamosavy, ombiasy, ireo milaza ho mahay fanafody, mpanompo sampy na olon-dratsy misy fanahy mahazatra. Ireo no fanahy nanao izay ratsy indrindra teo imason'Andriamanitra-ny ankamaroany efa taonjato maro no tato. Ireo tsy nibebaka, indrindra fa ireo nampiala ny olona amin'Andriamanitra. Lehibe ny ratsy vitany tamin'Andriamanitra sy ny olony. Ota sy ny haratsiana no ankafiziny."

Teny ampanarahana an'I Jesosy teo an-tokontany aho dia nijery tany ambany ao amin'ny ivon'ny helo, ilay misy asa be dia be. Hazavana manjavozavo no mamenno azy amin'ny fotoana rehetra, hitako ny fihetsiky ny endrika isankarazany. Ny eo alohanay indray dia fonja hatreny amin'ny faratazana.

Nieritreritra aho fa tsy ratsy noho ny fijaliana ao an-davaka ny ao am-ponja. Injany re manodidina ny tomany, taraina, sy horakorak'ireo voaozona hijaly aty amin'ny fonja. Nanomboka narary mafy aho. Vonton'alahelo mafy ny foko.

Hoy Jesosy, "Izao vao navelako ho renao izany toloko izany anaka. Izao, tiako hatoro anao fa I satana tsy avy raha tsy hangalatra, handringana ary hamono. Aty amin'ny helo, samy manana ny fijaliany ny fanahy. Satana no mamaritra ireny fampijaliana ireny mandra-pahatongan'ny fitsaràna, mandra-panariana ny helo sy ny fahafatesana ho ao amin'ny farihy afo. Fa misy fotoana koa ny farihy afo mankao amin'ny helo. "

Arakaraky ny nandehananay no nahamafy hatrany ny feo. Tomany mafy no injany avy ao amin'ireo fonja. Nanaraka an'I Jesosy hatrany aho, dia nijanona Izy nony teo amin'ny fonja fahatelo. Nisy hazavanabe nirehitra tao amin'ilay fonja. Vehivavy nipetraka tamina antsavily no tao, mihisakisaka sy mitomany toy ny hitresaka ny fony. Tsy haiko fa taitra mafy aho raha nahita fa tena olona misy vatana izy.

Babangoana ilay fonja, tsy misy afa-tsy ilay vehivavy sy ny sezany. Vita amin'ny fotaka sy tanimanga maloto ny rindriny. Mamenno ny ampahany aty aloha manontolo ny varavarana. Vita amin'ny baravy sy vy mainty ary mihidy. Noho ireo bara mifanalavitra dia hitanay sy Jesosy tsara ny ao anatiny.

Volon-davenona ny lokon'ilay vehivavy, lavenona mifangaro nofotra. Mandroso sy miverina eo izy. Amin'izany dia vonton-dranomaso ny tavany. Hitako amin'ny endriny fa manaintaina mafy izy, mijaly amin'ny fampahoriana tsy hita maso. Nanontany tena aho izay helony ka amonjana azy ato.

Tampoka teo dia hitako fa niova endrika ilay vehivavy-lasa rangahy antitrabe aloha, avy teo tovovavy, dia nanjary ramatoa dia niverina ho ilay vaviantitra hitako voalohany indray. Taitra mafy aho raha nahita azy niovaova toy izany.

Nitomany izy raha nahita an'I Jesosy, "Tompo, mamindrà fo amiko. Avoahy ato amin'ity toerana mampahory ity aho." Niankina nankany aloha izy hanakatra an'I Jesosy, saingy tsy nety tonga teny aminy. Nitohy hatrany ny fiovaovany. Niova hatramin'ny akanjony, mitafy toy ny lehilahy, avy eo zatovovavy, ramatoa, dia vaviantitra indray. Minitra vitsy monja dia vita izany fiovaovana tsy mitsahatra izany.

Nanontaniako hoe Jesosy, "Nahoana Tompoko?"

Hoy indray izy nikiaka, "Tompo ô, avoahy ato aho alohan'ny hiverenany." Tafatsangana teo alohan'ny varavarana izy, mamikitra mafy amin'ireo baravy. Hoy izy, "Fantatro fa tena izy ny fitiavanao. Fantatro fa marina ny fitiavanao. Avoahy aho!" Raha mbola nitomanin'ny horohoro ravehivavy dia hitako niala toa nisy nanendaka nynofony.

"Tsy ireo no tena endriny," hoy ny Tompo.

Nipetraka indray teo amin'ilay antsavily izy dia nisavilivily indray. Saingy taolana no sisataolana namono fanahy feno setroka. Ilay nitafy minitra vitsy teo dia indro taolana mainty sy lavaka ny masonry. Nitaraina sy nigogogogom-pibebahana tamin'I Jesosy ny fanahindravehivavy. Saingy diso aoriana ny fitalahoany.

"Teny antany," hoy Jesosy, "Mpanompon'I satana sy mpamosavy io vehivavy io. Tsy nanao ody fotsiny izy fa nampianatra olona koa. Hatry ny fony kely izy dia efa nanao ny mazia mainty ny fianakaviany. Naleon'izy ireo ny aizina toy izay ny hazavana.

"Imbetsaka," hoy ny Tompo, "no niantsoako azy hibebaka. Fa izy nihomehy Ahy ka nanao hoe:'tiako ny manompo an'I satana ka hotohizako hatrany.' Nolaviny ny marina, tsy nibebahany ny haratsiany. Olona maro no naviliny hiala amin'ny Tompo, ny sasany amin'ireny aty amin'ny helo koa izao. Raha nibebaka izy dia ho novonjeko miaraka amin'ny ankohonany, fa izy tsy nihaino.

"Nandaingan'I satana izy fa homeny fanjakana azy manokana ho valisoan'ny nanompoany azy. Nambarany fa tsy ho faty velively izy, fa ho velona mandrakizay miaraka aminy. Maty nidera an'I satana izy dia tonga aty ka manontany azy ilay fanjakàny. I satana, ilay rain'ny lainga, nihomehy azy manatrika ka nanao hoe:'nihevitra ve ianao fa hozaraiko aminao ny fanjakàko? Ity no fanjakanao.' Dia nogadrainy ato izy ka ampahoriany andro aman'alina.

"Nanoro mpamosavy maro izy teny an-tany, Mazia mainty sy tsotra. Anisan'ny maziany ny fiovana ho tovovavy, tonga ramatoa, miofo ho vaviantitra-eny hatramin'ny lahiantitra. Nankafiziny ery ny nanao izany hampatahotra ireo mpamosavy ambany girady. Fa izao izy

mijaly noho ny fanaintainan'ny helo, ka miendaka nynofony isaky ny miova. Tsy voafehiny izany izao, miovaova foana, fa ny tena endriny dia ilay fanahy feno setroka mifono karana. I satana mampiasa azy amin'ny tarigetra ratsiny sady mananihany no maneso azy. Matetikabe izy no entina eo anoloan'I satana hampijaliana mba ho fahafinaretany.

"Niantso azy im-betsaka Aho, ary ho afa-namonjy azy, fa tsy noraisiny. Izao izy miangavy mafy famelàna, saingy efa tara loatra. Ankehitriny izy very tsy misy fanantenana intsony."

Nojereko ilay vehivavy izay very mandrakizay sy mijalin'ny fanaintainana, Marina fa tsy manjary izy saingy nangoraka mafy ny foko. "Endre fa loza ry Tompo!" hoy aho andranomaso.

Avy eo, toy ny hoe tsy teo izahay sy Jesosy, indro devoly maloto mivolon-tsôkôla tapakelatra, miendrika bera lehibe, namoha ny fonja nisy azy ka namoha izany tamin'ny fanalahidy. Nikiakiaka mafy izy io hampatahotra azy. Nihoraka mafin'ny tahotra ravehivavy raha nodarohiny sy navoakany tao.

Hoy Jesosy, "Mampijaly azy matetika io devoly io." Hitako izy notaritaritina ka nentina.

"Tompo malala," hoy aho nanontany, "Ts'isy azontsika atao ve?" Onena mafy azy aho. "Diso aoriana!" Hoy Jesosy namaly. "Tara loatra."

Fizaràna 9

Ny horohoron'ny helo

Fantattro fa miavaka ny fampijaliana ireo ao am-ponja sy ankibon'ny helo miohatra amin'ny hafa. Fa maro no zavatra tsy azoko. Nihaino an'I Jesosy fotsiny aho dia nanoratra izay hitako sy reko ho voninahitr'Andriamanitra.

Manao boribory tsy hita fara ireo fonja ireo. Fanahy iray no ao amin'ny fonja iray. Taraina, toloko, fitalahoana sy fitronana no re avy ao anatin'izay lalovanay.

Tsy lasa lavitra izahay dia nianona teo amin'ny fonja iray. Nony nojerena dia indro hazavana. (Jesosy no nanao io hazavana io.) Nitsangana aho ka njery ilay fanahy izay fantattro fa mijaly mafy! Vehivavy hafa indray io, volon-davenona manopy manga izy. Maty nynofony, Miendaka amin'ny taolany ireo izay lo. Mainty ngizin'ny afo ny taolany, Rovidrovitra ny vorokitsainy. Kankana no mivezivezy eo amin'ny nofo aman-taolany. Fofon-dratsy no mamenno ny fonja.

Toy ilay vehivavy teo aloha, izy koa mipetraka amin-tseza misavilivily. Mihazona saribakoly vita amin'ny vorodamba izy. Misavilivily izy sady mihazona mafy ilay saribakoly eo antatrancy. Midridridridry sy mangovitra ny vatany, Toloko mafy no re avy ao anaty fonja.

Hoy Jesosy tamiko, "Mpanompon'I satana koa izy. Nivarotra ny fanahiny taminy, fony fahavelony dia nanao fanompoantsampy maro samihafa. Tena misy ny fanaovana odiratsy," Hoy Jesosy. "Nanao sy nampianatra io vehivavy io sady namely olo-maro ho amin'ny fahotana. Karakarain'I satana manokana ireo mampianatra ka omeny hery ambony miohatra amin'ireo manao ody fotsiny. Mpahita sy mpimasy ary ombiasin'ny tompony izy.

"Niangaran'I satana manokana izy noho ireo ratsy vitany. Hainy ny nampiasa ny herin'ny maizina ho azy sy satana. Nankany amin'ny fanompoan-devoly izy dia midera an'I satana. Vehivavy nahery izy ho azy."

Nanontany tena aho ny isan'ireo fanahy nalavony ho an'I satana. Nojereko ity fanahy karana, mitomany noho ny saribakoly-izay vorokitsay maloto. Feno alahelo ny foko, vontondranomaso aho. Fihininy mafy ilay saribakoly, toy ny hoe afa-mamonjy azy, na koa angamba ny mifamadika amin'izay. Fofom-paty no manerana ny tanàna.

Dia hitako izy niova endrika toy ilay vehivavy teo aloha. Toy ireny vaviantitra tamin'ny taona 1930 ireny, dia niova ho tovovavin'ny ankehitriny. Dia niovaova teo imasonay foana izy.

"Io vehivavy io," hoy Jesosy, "dia mpitory saingy an'I satana. Toy ny mpitory ny filazantsara marina, I satana koa manana ny mpitoriny sandoka. Izy nana ny herin'I satana matanjaka indrindra, izany dia tsy maintsy nivarotany ny fanahiny vao azony. Ny fanomezan'I satana toy izany dia zarain'ny any ankilany, toy ny izaran'I Jesosy ny fanomezampahasoavany amin'ny mino. Izany dia herin'ny maizina.

"Ireo mpiasan'I satana ireo dia milalao ny tontolo tsy hita, manangana fivarotana ody, mandini-tànanana, sy fomba maro. Mpisa maherin'I satana ny ombiasy. Voafitaka izy ireo, efa an'I satana manontolo ny fanahiny. Misy mpiasany tsy afa-miresaka aminy mivantana raha tsy amin'ny alalan'ireo ombiasiny manokana ireo. Manao sorona olona sy biby izy ireo ho an'ny devoly.

"Maro no manome ny fanahiny ho an'I satana. Aleony mifidy hanompo azy toizay Aho. Fahafatesana no vokatry ny safidiny raha tsy miantsy Ahy izy. Mahatoky Aho ka hamonjy azy amin'ny otany. Maro koa ny mivarotra ny fanahiny aminy satria mihevitra fa ho velona mandrakizay. Kanjo izy ireo ho faty amim-pomba mahatsiravina.

"Mbola mihevitra I satana fa afa-manongana an'Andriamanitra sy mandrava ny drafitra napetrany, nefo izy efa resy teo amin'ny hazo fijaliana. Nalaiko tamin'I satana ny fanalahidy ka manana ny fahefana aho na any an-danitra na ety an-tany.

"Rehefa maty io vehivavy io dia lasa mivantana taty amin'ny helo. Devoly maromaro no nitondra azy teo anoloan'i satana, nanontany tamin-katezerana izy ny antony ananan'ny devoly fahefana aminy, tety an-tany mantsy, nihevitra izy fa mifehy azy ireo. Fa izy ireo nanao ny sitrapony. Nanontaniany koa ny fanjakana nampanantenain'I satana azy.

"Mbola nandainga taminy ihany satana na efa maty aza izy teo. Nambarany fa haveriny ho velona izy ka hampiasainy ho amin'ny tanjony indray. Noho ny fitaka dia nandavo fanahy maro izy, ka toy ny mitombina ny laingany taminy.

"fa nony farany dia nihomehy sy nanambany azy satana. Hoy izy taminy, 'Nofitahiko ianao ka nampiasaiko nandritra izay fotoana maro izay. Tsy homeko anao mihitsy ny fanjakako.'"

Nakopaky ny devoly taminy ny sandriny, dia niendaka tamin'ny taolany nynofony. Nikiaka mafin'ny hirifiry izy, ary indro boky maity nentina teo amin'I satana. Nosokafany ka navadibadiny mandra-pahitany ny anarany.

"Izay mihitsy," Hoy satana, "Nanompo ahy marina ianao teny an-tany. Fanahy mihoatra ny 500 no nentinao ho ahy." Hoy izy nandainga taminy indray, "Tsy ho ratsy noho ny an'ireo hafa akory ny sazinao."

Nihomehy naneso azy ireo devoly maro. Nitsangana I satana ka nanondro ilay vehivavy, dia nisy rivo-mahery nameno ilay toerana. Injany koa feon-kotroka avy taminy.

"Ha-ha," Hoy ny devoly, "Alaivo ny fanjakanao raha azonao." Avy teo nisy hery tsy hita nanjera azy mafy tamin'ny tany.

"Hanompo ahy koa ianao aty," nihomehy satana raha niezaka nitsangana izy. Nikiakiaka mafy izy raha nendahin'ireo devoly tamin'ny taolany nynofony. Dia naverina tato amin'ity efitra ity izy. Tsaroany ireo toky nomen'I satana. Nolazainy fa homeny ny hery rehetra izy. Nolazainy koa fa tsy ho faty izy. Nolazainy fa manam-pahefana aminy fiaianana sy fahafatesana izy, dia nino. Nambara taminy fa afa-manakana izay rehetra mety hamono azy satana. Lainga sy toky fitaka maro no nataon'I satana taminy.

Hoy Jesosy, "Hamonjy ny olon-drehetra no niaviako. Maniry aho ho an'ireo very mba

hibebaka ka hiantso ny anarako. Tsy sitrapoko ny hahavery na singan-olona iray aza, fa mba hahavelona azy mandrakizay. Indrisy fa maro no tsy hibebaka mialohan'ny hahafatesany, dia ho aty amin'ny helo. Fa mitovy ihany ny lalana mankany an-danitra ho an'ny olon-drehetra. Tsy maintsy ateraka indray ianao vao miditra ny fanjakan' Andriamanitra. Tsy maintsy mankany amin'ny Ray amin'ny anarako sy mibebaka amin'ny otanao. Tsy maintsy tena omenao an'andriamanitra ny fonao ka hanompo Azy ianao. "

"Anaka," Hoy ihany Jesosy nanohy, "Mbola henjana noho ilay teo ny hatoroko anao manaraka. Fantatro fa hampalahelo anao. Tiako hofantatra sy ren'izao tontolo izao koa izay ambaran'ny Fanahy amin'ny fiangonana.

"Ao amin'ireo fonja ireo, izay hitan'ny masonao rehetra dia fanahy mijaly avokoa. Isaky ny feno ny fonja dia miitatra ny helo handray fanahy vaovao. Mandre sy mahatsapa tsara ianao any. Raha jamba ianao tety an-tany dia ho jamba koa any. Raha tokan-tsandry ianao tety dia ho toy izany koa any."

Tsy maintsy mampibebaka anao aho fa ratsibe ny helo, mampatahotra, toeran'alahelo sy nenina mandrakizay. Azafady, inoy izay lazaiko, fa tena marina izany. Sarotra ho ahy ity ka narary matetika aho nandritry ny fanomanana ny boky.

Nisy zavatra maro hitako tany tsy hay tantaraina fa ratsy loatra-ratsy noho ny fampijaliana, ny fofo-nofotra lo, sy ny firedaredan'ny afon'ny helo sy ny hantsana. Izaho koa nahita zavatra tsy navelan'Andriamanitra nosoratako.

Rehefa maty ianao ety an-tany, raha nateraky ny Fanahy dia mankany an-Danitra ny fanahinao. Raha mpanota kosa dia mankany amin'ny helo avy hatrany. Devoly maromaro no mitarika anao amin'ny rojovy mankao amin'ny vavahadin'ny helo, izay handatsahana anao an-davaka sy hampijaliana anao. Misy fotoana ianao hoentina eo anoloan'I satana. Fantatra sy tsapanao avokoa izay mitranga aminao ao.

Nambaran'I Jesosy tamiko fa misy toerana ao amin'ny helo antsoina hoe:"kianjam-pahafinaretana." Ireo fanahy ao an-davaka tsy entina ao. Nambarany koa fa na samy hafa aza ny fampijaliana ny fanahy dia samy main'ny afo avokoa izy ireny.

Mitovy endrika amin'ireny kianja fanaovana cirque ireny izy io. Ireo olo-maro hatao fialamboly dia entina an-trano ao amin'ilay kianja. Ireo dia izay nanompo an'I satana tamin-tsitrano, ireo nifidi an'I satana fa tsy Jesosy. Amin'ny sisin'ilay kianja ny fanahy hafa rehetra, afa-tsy ireo ao an-davaka.

Eo afovoan'ny ringy kosa ireo lohalaharana tamin'ny fanompoan-tsampy. Ombiasy, mpilaza ny ho avy, mpamosavy, mpamantatra ny ao an-tsaina, mpanao ody ary mpisikidy-ireo nifidy an-tsitrano hanompo an'I satana.

Fony fahavelony izy ireo dia namitaka olo-maro ka namely azy hanota sy hanaraka an'I satana. Ireo voafitaka ka lavo dia tonga eo hampahory ireo namitaka azy. Avela hampijaly azy tsirairay izy ireo.

Ry mpamaky ô, tsy aleonao mibebaka mba tsy ho tara loatra mandrakizay? Amin'ny fitsarana

dia hijoro eo anoloako avokoa ny olon-drehetra. Nakarina hanalavitra ny helo ny Paradisa nony nitsangana tamin'ny maty Aho noho ny herin'Andriamanitra Raiko."

Lazaiko aminao indray fa ny haavon'ireo fonja ireo dia 27,35 km, dia igadran'ireo nanompo an'I satana tamin'ny herin'ny aizina, ireo tafiditra lalina tamin'ny ota misy herin-devoly, filalaovana tontolo tsy hita sy fiderana an'I satana.

Hoy Jesosy, "Avia fa hatoroko zavatra ianao."

Nisy fotoana izahay nitsingevana tokony ho 600 m eny ambony ao ankibon'ny helo, teo anivon'ireo vondrom-ponja fonja mirefy 27,35 km. Toa samy tsy nisy hita na ny ambony na ny ambany noho ny aizina. Dia nanomboka nisy hazavana mavo. Nofikiriko mafy ny tanan'I Jesosy.

"Tompo malala," hoy aho nanontany, "Inona no ataontsika eto?"

Tampoka teo dia injany feo mahery nitrena sy rivo-doza. Nisy afo niredareda nananika ny sisin'ireo fonja, nandoro izay nolalovany. Tafiditra tanatin'ny efitra ny afo ka nahatonga kiaka vokatry ny fanaintainana mahaontsa. Tsy nahakasika anay sy Jesosy ny afo saingy torakovitra aho nahita ireo fanahy nihemotra ho ao anjorontrano hitady fiafenana.

Nisy feo ratsy nihamafy teo ankavianay. Nojereko ka indro I satana nitodi-damosina anay niakatrafo aoka izany. Tsy kila nefo izy; izy no nahatonga ny afo. Difitry ny afo izy nitsangana, faly ery mankafy ny horak'ireo fanahy very mahantra. Isaky ny manetsika ny sandriny izy dia misy afobe avy aminy.

Kiaka sy tomany vokatry ny hirifiry mahavaky fo no mivoaka avy ao amin'ireo fonja. Ity farihy afo mivaivay dia mandoro velona ireo ao anatiny, nefo izy ireo tsy mety maty. Manarakefa amin-kehys koa ireo devoly mahita an'I satana mitety fonja, mampijaly ireo very.

Hoy Jesosy, "Fanaovan-dratsy no sakafon'I satana. Hirifiry sy fijaliana no voninahiny sy ahazoany hery."

Indro I satana feno afo manopy mavo misy sôkôla ny sisiny. Nisy rivotra nifofofofo nitsoka ny lambany izay tsy nety may. Re hatraiza hatraiza ny fofo-nofotra may, tsapako indray teo fa tena izy ny horohoron'ny helo. Mandehandeha ao anaty afo I satana saingy tsy manampahefana aminy izany. Ny lamosiny fotsiny no hitako saingy re eny rehetra eny ny hehy manesony.

Hitako izy niakatra tamin-tsetroka nampiakatra ny afony hatrany amin'ny fanambonin'ny kibon'ny helo. Nitodika izy ka reko nilaza fa raha tsy midera azy ny fanahy rehetra dia homeny ny anjarany amin'ilay fialamboliny.

"Tsia ry satana, hitsaoka anao izahay," hoy izy ireo niray feo sady niondrika hitsaoka azy. Arakaraky ny iderana azy no vao maika mampitombo ny faniriany te-hoderaina. Nihamafy tsy nisy toy izany ny fiderana ka nidoboka hatramin'ny tafon'ny helo.

Hoy Jesosy, "Ireo rehetra ao am-ponjan'ny helo ireo dia nandre filazantsara marina avokoa fony fahavelony. Nomena azy ireo im-betsaka ny famonjeko. Im-betsaka ny Fanahiko no

nitarika azy, fa izy tsy nihaino na nanatona Ahy hovonjena."

Teo am-pitenenana I Jesosy dia hoy I satana tamin'ireo olony, "Ha-ha, Izao no fanjakanareo-tsy misy hafa intsony. Ny fanjakako mandrakotra ny tany sy ny ambaniny rehetra." Reko izy niantso mafy hoe:"Izao no fiainanareo mandrakizay!" Injany kiaky ny nenina mameno ireo fonja.

Hoy Jesosy, "Maimaimpoana ny famonjeko. Izay maniry, aoka izy hanatona dia ho afaka amin'ity toeram-pisaziana mandrakizay ity. Izaho tsy handroaka azy. Raha mpamosavy ianao na mpanao ody, eny fa na nifanaiky an-tsoratra tamin'ny devoly aza, tapaky ny heriko izany, ny rako niraraka mahavonjy anao. Hesoriko amin'ny fiainanao ny ozona ka havotako hiala amin'ny helo ianao. Atolory Ahy ny fonao fa Izaho hamaha ny fatoranao sy hanafaka anao."

Fizaràna 10

Ny Fon'ny Helo

Amin'ny alina dia niaraka tamin'I Jesosy tany amin'ny helo aho. Mandritry ny andro dia toy ny eo ambany masoko foana ny helo. Niegaza niteny amin'olona izay rehetra hitako aho, fa izy ireny tsy nino ahy. Nahatsapa ho irery aho, ny fahasoavan' Andriamanitra no ahafahako manohy, an'I Jesosy irery ny voninahitra rehetra.

Ny alina manaraka dia niverina tany amin'ny helo indray izahay sy Jesosy. Nandeha tamin'ny sisin-kibon'ny helo izahay. Noho izaho efa tany dia misy fantatro ny toerana sasany tao. Nynofotra lo, ny fofon'ireo ratsy, rivotra simba sy maloto toy ny mahazatra no mameno ny tontolo. Efa reraka mafy aho teo.

Fantatr'I Jesosy ny eritreritro ka hoy Izy, "Tsy handao anao Aho ary tsy hahafoy anao akory. Fantattro fa lanaka ianao, fa Izaho hampatanjaka anao."

Nampahery ahy tokoa ny kasik'I Jesosy, dia lasa izahay. Hitako teo alohanay nisy zavatra mainty ngezabe mitovy amin-kianjana baseball toa miaka-midina. Tsaroako fa efa nambara tamiko fa io ny "fon'ny helo."

Misy toa sandry lehibe na tandroka lehibe mivoaka avy ao anatiny. Avy ao izy ireo dia mivoaka ny helo ka mankety an-tany sy miakatra. Nanontany tena aho raha ireo ilay lazain'ny baiboly.

Mangetana sy mivolontsôkôlô ny tany manodidina ilay fo. Ny 9,14 m manodidina, may ny tany ka tonga makina toa harafesina, sôkôlô. Mainty ngizina tsy misy toy izany ilay fo, saingy misy loko hafa toy ny an'ny bibilava mifangaro aminy. Isaky ny mitempo izy io dia mamoaka fofondratsy mahatsiravina. Mitempo toy ny fo rehetra izy ka miaka-midina. Izy hodidinin'ny herin'ny fanahy ratsy.

Gaga aho ka nanontany tenany antom-pisian'io fo ratsy io.

Hoy Jesosy, "Ireo rantsana toy ny lalan-dra ireo dia lala-mankany an-tany hanelezana fanahy ratsy eny. Ireo ilay tandroka hitan'I Daniela, izy ireo dia maneho ny fanjakan'ny ratsy eny an-tany. Ao ny efa lasa, ao koa ny mbola ho avy, fa ao ny ankehitrio. Hitsangana ny fanjakan'ny ratsy, hifehy olona maro, toerana maro, ary zavatra maro ny antikristy. Raha azony atao dia hofitahiny na ny olom-boafidy aza. Maro no hiverin-dalana ka hitsaoka ny bibidia sy ny sariny.

"Avy amin'ireo rantsan-dehibe ireo dia hisy rantsana kely maro hiforona. Avy amin'ny rantsana kely no hivoahan'ny devoly, ny fanahy ratsy, ary ny herin'ny ratsy rehetra. Havoaka eny an-tany izy ireo ka hasain'I satana manao asa ratsy maro. Ny fanjakana sy ny herin'ny ratsy rehetra hankato ny bibidia, ary maro no hanaraka azy ho amin'ny faharinganana. Avy ato amin'ny fon'ny helo no iandohan'izany."

Izany no nambaran'I Jesosy tamiko. Izy nampanoratra ahy izany amim-boky sy nampitantara ahy izany amin'izao tontolo izao. Marina ireo teny ireo. Izany fanambarana izany dia nomen'I Jesosy Kristy Tompo ahy hahatonga ny rehetra hahalala sy hahazo tsara ny asa sy ny drafitr'I satana ny amin'ny ho avy.

Hoy Jesosy, "Araho Aho." Niakatra tohatra ho ao amin'ilay fo izahay izay efa nisy varavarana nisokatra. Aizin-kitroka no tao amin'ilay fo. Injany feo mitomany, ary hila tsy ho avy miaina aho noho ny fofon-dratsy. I Jesosy no hany hitako tao anaty aizina. Notomoriko akaiky Izy.

Tsitapitapitrizay dia lasa I Jesosy! Nitranga ny tsy hay vinaniana. Irery tao am-pon'ny helo aho. Difitry ny horohoro ny tenako. Vonton-tahotra ny fanahiko, azom-pahafatesana aho.

Niantso mafy an'I Jesosy aho, "Aiza ianao? Aiza? Oh, miverena ry Tompo!" Niantso aho ka niantso fa tsy nisy namaly.

"Andriamanitra ô!" Hoy aho nitomany, "Tena tsy maintsy mivoaka ato aho." Nanomboka nihazakazaka tao anaty aizina aho. Reko toa miaina manohitra ny tanako ny rindrina rehefa voakasiko. Avy teo dia tsy irery intsony aho.

Nandre hehy aho raha indro devoly 2 hodidinin-kazavana mavo nanjavozavo nandray ny tanako 2. Nofatoran'izy ireo rojovy haingana ny tanako ka notaritiny hidina lalina ao am-pon'ny helo aho. Nikiaka mafy an'I Jesosy, saingy tsy nisy valiny. Nitomany sy niady tamin'ny heriko rehetra, saingy nosintoniny toy ny tsy nanohitra akory.

Nandre fanaintainana mafy aho raha nisy toa nandratra ny vatako. Toy ny nisy nanendaka nynofoko. Nihoraka mafy noho ny tahotra aho.

Nentina am-ponja aho dia natsipy tao. Vao may aho nigogogogo mafy nony nohidian'izy ireo ny varavarana. Nihomehy maneso izy ireo sady nanao hoe: "Tsy mahasoa anao ny mitomany. Rehefa tonga ny fotoana dia hoentina eo anoloan'ny tomponay ianao. Izy hampijaly anao ho fialamboliny."

Nameno ny vatako manontolo ny fofon-dratsin'ny fon'ny helo. "Nahoana aho no aty? Fa misy inona? Lasa adala ve aho? Avoahy! Alao tato!" Hoy aho nitomany fa tsy nisy vokany.

Nony elaela aho dia nahatsapa ny sisin'ny fonja nisy ahy. Boribory malemy izy toa zavamanana aina. Velona izy ka nihetsika. "Tompo ô," Hoy aho nihoraka. "Inona no mitranga? Jesosy, aiza ianao?" Saingy ny akon'ny feoko ihany no namaly.

Tahotra-ny tahotra ratsy indrindra-no nandifitra ny fanahiko. Hatry ny nandaozan'I Jesosy ahy dia teo vao tsapako fa very tsy manam-panantenana intsony aho. Nidridridridry aho ka niantso tsy nijanona an'I Jesosy. Rehefa izany dia injany feo avy ao anaty aizina, "Tsy hahasoa anao ny miantso an'I Jesosy. Tsy ato Izy."

Nisy hazavana kely nameno ny toerana. Teo aho vao nahita efitra hafa toy ny ahy miraikitra amin'ny rindrin'ny fo. Nisy toa faroratra nanoloana anay, isaky ny fonja misy zavatra toa fotaka madity.

Hoy ny vehivavy avy tao anatin'ny fonja teo anilako tamiko, "Very aty amin-toeram-pijaliana

ianao. Tsy tafavoaka ato intsony."

Zara izy raha hitako fa manjavona ilay hazavana. Tsy matory izy, toa ahy koa, fa ireo amin'ny fonja hafa toa rendremana na lasa lavitra. "Tsy misy fanantenana," Hoy izy nitomany, "Tsy misy fanantenana!"

Nahatsapa ho manirery sy kivy tanteraka aho. Tsy nanampy koa ny tenin'ilay vehivavy. Hoy izy, "Ity no fon'ny helo. Ampijaliana isika saingy tsy mafy miohatra amin'ireo any amin'ny toeran-kafa." Fantatro taty aoriana fa nandainga izy nilaza izany.

"Nony kelikely dia hoy indray izy, "Entina eo anoloan'I satana isika dia ampijaliany ho fialamboliny. Ny hirifirintsika no sakafon'I satana, ny horakoraka vokatry ny hakiviana sy alahelontsika no mampitombo hery azy. Eo anoloantsika foana ny otantsika. Fantantsika fa mpanao ny ratsy isika. Fantatra koa fa nahalala an'I Jesosy isika saingy nandà azy ka nitodi-damosina Azy. Izay tiantsika no nataantsika.

Mpivaro-tena aho talohan'ny niaviako taty. Vola ihany no niarahako tamin-dehilahy sy vehivavy, 'Fitiavana' no niantsoako izany. Tokantrano maro no ravako. Maro ny miaraka samy vavy na samy lahy, sy ny mpijangajanga amin'itony fonja itony."

Nikiaka mafy aho tao anaty aizina, "Tsy mponina aty aho. Efa voavonjy. Izaho an'Andriamanitra. Nahoana aho no aty?" Saingy tsy nisy valiny.

Avy teo dia niverina ireo devoly ka namoha ny efitra. Ny iray nisintonia fa ny iray kosa nanosika ahy handeha. Toy ny afo mandoro ny nofoko ny kasik'izy ireo. Nandratra ahy izy ireo.

"Jesosy ô, aiza ianao? Ampio aho ry Jesosy!" Hoy aho nikiaka.

Nisy afo nivatravatra teo alohako saingy nijanona nony hikasika ahy. Teo dia toy ny niendaka tamiko ny nofoko. Fanaintanana tsy hay vinaniana no tsapako. Tsy azo inoana ny ratra tamiko. Misy zavatra tsy hita maso mandrotika ny vatako, nefo misy fanahy ratsy toy ny fanihy koa manaikitra ny tenako manontolo.

"Ry Tompo Jesosy malalako," Hoy aho nitomany, "Aiza ianao? Miangavy re, avoahy!"

Natositosika sy notaritaritina aho mandra-pahatongako tamin-toerana malalaka iray tao ampon'ny helo, dia natsipy manoloana alitara maloto iray. Boky lehibe nivelatra no teo anoloan'ilay alitara. Injany hehy ratsy, tsapako teo fa nitsirara tamim-potaka maloto teo anoloan'I satana aho.

Hoy satana, "Azoko ihany ianao nony farany!"

Nihemotry ny tahotra aho saingy hay tsy izaho no nojereny fa olona teo alohako. Hoy satana, "Ha-ha, Izao aho afa-mandringana anao avy amin'ny tany. Aleo hojerena izay ho sazinao." Navadibadiny ilay boky. Nantsoina ny anaran'ilay fanahy, dia nambara teo ny saziny.

"Tompo malalako," Hoy aho nitomany, "Tena izy ve izao?"

Anjarako izao ka natosiky ny devoly iray aho hiankohoka amin'I satana. Injay indray ilay hehy manesony. "Ela no niandrasako anao, ka azoko ianao nony farany," hoy izy nihoraka tamin-

kafalian-dratsiny. "Nanandrana handositra ahy ianao, fa izao ianao ahy."

Tahotra tsy mbola tsapako hattrizay no nameno ahy. Nendahina indray ny nofotro, nofatorana rojovy lehibe ny tenako. Nojereko ny tenako raha nofatorana. Toy ireo hafa rehetra aho, taolam-paty no sisa.

Kankana no mivezivezy ao anatiko, nisy afo niforona avy teo an-tongotro ka niakatra nandifitra ahy. Niantso mafy indray aho, "Tompo Jesosy, Fa ahoana? Aiza ianao ry Jesosy?"

Nihomehy aoka izany I satana. "Tsy misy Jesosy aty," Hoy izy, "Izaho no mpanjakanao izao. Hiaraka amiko mandrakizay aty ianao. Ahy ianao izao."

Fihetseham-po ratsy indrindra no nameno ahy. Tsy nahatsapa an-Andriamanitra aho, Tsy nahatsapa Fitiavana, na fiadanana, na hafanana. Fa tsapako tsara amin'ny heriny ambony indrindra kosa ny, tahotra, fankahalana, hirifiry henjana sy alahelo tsy hay lazaina. Niantso mafy an'I Jesosy aho hamonjy ahy, saingy tsy nisy valiny.

Hoy satana, "Izaho izao no tomponao," Nanangan-tanana izy hiantso devoly iray ho eo anilany. Teo noho eo dia nisy fanahy ratsy tarehy teo amin'ilay nitsanganako ka naka ahy. Ngezabe ny vatany, mitarehim-panihy, vombo ny tanany, ratsibe ny fofony.

"Inona no hataoko azy ry satana tompoke?" hoy izy nanontany, nisy devoly hafa mitarehin-dambo koa nanampy azy teo. "Ento any amin'ny lalina indrindra ato am-po izy, ilay misy ny horohoro tsy mbola hitan'ny masonry hattrizay. Any izy hahay hiantso ahy tombo."

Notaritina hiala teo aho dia nentina tamin-toerana mangatsiaka sy mandomando. Ahoana no ahatsapàna may sy mangatsiaka amin'ny fotoana iray? Tsy fantatro. Doran'ny afo ny vatako, mihanika sy mivezivezy ao anatiko ny kankana. Feno ny tarain'ireo maty ny tontolo.

"Jesosy Tompo ô," hoy aho niantso efa kivy, "Inona no ataoko eto? Andriamanitra malalako, aleo aho ho faty."

Teo dia feno hazavana tampoka ny toerana nisy ahy. Niseho Jesosy dia nitondra ahy tamin'ny sandriny, dia efa tao an-trano avy hatrany aho.

"Jesosy Tompo malalako, taiza ianao?" hoy aho nitomany, nanorika ny tavako ny ranomaso.

Niteny malefaka hoe Jesosy, "Anaka, tena misy ny helo. Fa tsy ho azonao antoka izany raha tsy tena iainanao. Fantatrao tsara izao ny marina sy ny fiainan'ireo very tsy manam-panantenana mandrakizay. Izao ianao afa-mitantara azy tsara. Tsy maintsy nataoko ireny mba tsy hanananao fisalasalàna."

Nalahelobe aho sady rerakabe ka nianjera teo an-tsandrini Jesosy. Na naveriny manontolo aza ny heriko, izaho te-handeha lavitra, lavitrabe-miala an'I Jesosy, ny ankohonako, ny olondrehetra.

Nandrity ny andro maro taorian'io, nahararibe aho. Nalahelobe ny fanahiko, tsy niala teo imasoko ny horohoron'ny helo. Andro maro vao tena niverina amin'ny laoniny.

Fizaràna 11

Aizina any ivelany

Nankany amin'ny helo izahay sy Jesosy nandrity ny alina maromaro misesy hahafahako mandrakitra izao zava-dratsy marina izao. Isaky ny mandalo ilay fo izahay dia tomoriko akaiky Izy. Feno tahotra ny fanahiko vao mahatsiaro izay niantra tamiko tao. Fantatro fa tsy maintsy manohy aho hahazoam-panahy. Fa noho ny famindram-pon'Andriamanitra no nahafahako niverina.

Nijanona teo amina vondron-devoly izahay izay manao hira fiderana manandratra an'I satana. Hita ho mahazo tsirony ery izy ireo amin'izany. Hoy Jesosy, "Avelako horenao izay lazain'izy ireo."

"Ho amin'ity trano ity isika ka hampijaly izay rehetra ao. Hahazo hery avy amin'I satana tompo isika raha manao izany tsara," Hoy izy ireo. "Izay indrindra, isika hitondra aretina sy hirifiry ao, ary alahelobe ho an'izy rehetra. Nanomboka nandihy sy nihira fiderana ratsy ho an'I satana izy ireo, manome voninahitra amin'ny ratsy. Hoy ny devoly iray, "Mila mitandrina tsara isika amin'ireo mino an'I Jesosy, afa-mandroaka antsika mantsy izy."

"Eny," hoy ny iray hafa, "Tsy maintsy mitsoaka isika vao misy anaran'I Jesosy miainga eo."

Ary nisy iray farany nanao hoe:"Fa isika tsy ho any amin'ireo mahalala an'I Jesosy sy ny herin'ny anarany."

"Ny anjeliko," hoy Jesosy, "miambina ny oloko amin'ireto fanahy ratsy ireto, dia tsy mahomby ny asan'ireto. Izaho koa miaro ny tsy voavonjy maro na tsy fantany aza. Manana anjely maro Aho miandraikitra ny fanajanonana ny drafitra ratsin'I satana."

Hoy Jesosy, "Devoly maro no eny amin'ny rivotra sy eny an-tany. Ianao navelako hahita ny ampahany fa tsy izy rehetra. Izay no antony tsy maintsy itoriana ny filazantsara amin'ny olona rehetra.Ny fahamarinana manafaka, ary Izaho hiaro azy amin'ny ratsy. Amin'ny anarako misy fahafahana sy fivahàna. Izaho manana ny fahefana rehetra any an-Danitra sy ety an-tany. Aza matahotra an'I satana, Andriamanitra no atahory."

Raha mbola nivezivezy tao amin'ny helo izahay sy Jesosy dia nahita lehilahy ranjanana maizina iray. Mifono aizina izy nefo miendrika anjely. Izy nihazon-javatra tamin'ny tanany havia. Hoy Jesosy, "Aizina any ivelany no anaran'ity toerana ity."

Izaho nandre fitomaniana sy fikotroha-nify. Teto no nahatsapako hakiviana tanteraka tsy mbola hitako hatraiza hatraiza. Tsy nanana elatra ilay toa anjely nitsangana teo anoloanay. Tokony ho 9,14m eo ny halavany, fantany tsara izay ataony. Kapila lehibe no teny an-tanany havia, nakariny izany ka naka bahana toa hanipy azy izy.

Nisy afo teo afovoan'io kapila io, mainty kosa ny sisiny. Hazoniny tsara ny fanambanin'ilay kapila dia nihemotra lavitra izy hahazo bahana tsara.

Nanontany tena aho ny amin'io anjely io sy izay hataony.

Fantatr'I Jesosy ny eritreritro ka hoy indray Izy, "Aizina ivelany ity. Tsarovy ny Teniko manao hoe: ' fa ny zanaky ny fanjakana dia hariana any amin'ny maizina any ivelany, any no hisy ny fitomaniana sy ny fikotroha-nify.

"Tompo," hoy aho, "aty izany ny mpanomponao?"

"Eny," hoy Jesosy, "Ireo niverin-dalana rehefaavy nantsoiko. Ireo tia an'izao tontolo izao mihoatra Ahy ka niverina indray hilona anaty honahonam-pahotana. Ireo tsy nijoro amin'ny marina sy ny fahamasinana. Tsara kokoa raha tsy nanomboka mihitsy toy izay efa nanompo Ahy vao niverina."

"Minoa Ahy," Hoy Jesosy, "Raha manota ianao, manana mpisolo vava ao amin'ny Ray. Raha mibebaka amin'ny otanao ianao, mahatoky Aho ka hanadio anao amin'ny tsy fahamarinana rehetra. Raha tsy mibebaka kosa ianao dia ho tonga amin'ny fotoana tsy eritreretinao Aho, hotapahina toa ireo tsy mino ianao ka hatsipy any amin'ny aizina any ivelany."

Hitako ilayanjely nanipy lavitra dia lavitra ho amin'ny aizimbe ilay kapila. "Tsy misy heviny hafa ny Teniko fa izay ambarany ihany; Izy ireo hariana any amin'ny aizina ivelany.

Tampoka teo dia nitsingevana izahay sy Jesosy nanaraka ny dian'ilay kapila. Tonga teo antsisiny izahay ka njery izay tao anatiny.

Nisy afo teo afovoany ka miezaka miantsambatra hivoaka ny lelafo manonja olo-maro. Tsy nisy devoly na fanahy ratsy teo, fa fanahy main'ny afo toa ranomasina.

Aizin-kitroka tsy ahita-mitsinjo ny eo ivelan'ilay kapila. Ny afo eo amin'ilay kapila no hany manazava ny alina. Hitako amin'izany hazavana kely izany ny maro milomano te-hivoaka ho amin'ny sisin'ilay kapila. Misy efa mitady ho tonga saingy misy hery avy ao afovoan'ilay kapila misintona azy ho ao amin'ny afo. Hitako izy ireo amin'izany tonga fanahy feno setroka mifono karana. Fantattro teo fa toerana hafa ao amin'ny helo koa io.

Ary hitako, toy ny amin'ny fahitana, anjely nanokatra tombokase. Fanjakana sy firenena maro no toa voahidy ao ambaniny. Nony voavaha ny tombokase dia lehilahy amam-behivavy, tovolahy sy tovovavy maro no nitanjozotra ho eo amin'ny afo.

Torakovitra aho sady gaga, nanontany tena raha misy fantattro ireo mpanompo very ireo. Tsy afa-nihodina tsy hijery azy ireo mitanjozotra mankany amin'ny afo aho, tsy mba misy manakana azy ireo. Nihoraka aho hoe:"Tompo, Mba sakano izy ireo tsy ho tonga ao amin'ny afo!"

Nefa hoy Jesosy, "Izay mana-tsofina, aoka izy hihaino. Izay mana-maso, aoka izy hahita. Anaka, tohero amin'ny horakoraka mafy ny haratsiana sy ny ota. Ilazao ny mpanompoko ho mahatoky sy hiantso ny anaran'ny Tompo. Entiko amin'izao toeran-dratsy izao ianao mba hilaza amin'izy ireo momba ny helo."

Hoy ihany Jesosy, "Misy tsy hino anao. Ao ireo hilaza fa tsara loatra Andriamanitra ka tsy handefa olona ho any amin'ny helo. Nefa ambarao aminy fa marina ny Teniko. Ambarao fa ny osa sy ny tsy mino dia banana ny anjarany ao amin'ny farihy afo."

Fizaràna 12

Tandroka

Hoy Jesosy, "Anaka, anio alina, hoentiko amin-toeran-kafa ao ampon'ny helo ianao. Tiako haseho ireo tandroka sy ny fomba hampiasana azy hiakaran'ireo devoly ety an-tany."

Nony niteny izany Jesosy dia nahita fahitana aho. Tao anatiny aho nahita toeram-piompiana efa ntaolobe, tsy misy aina intsony fa haolo, hodicinim-bozaka lava maina sy hazo maty maro. Feno korotam-patin-javatra ny tokotany manodidina. Tsy misy aina mihitsy. Toa antsisintanàna io trano io ka mihilana mankeo afovoany. Tsy misy trano hafa ankoatrany.

Fahafatesana no mamenno tanàna. Fantatro fa ampanhan'ny helo io trano io saingy tsy mbola nety azoko tsara izay hitako. Tao antrano, ambadiky ny varavarankely iray efa simba nisy alok'olona. Hita amin'ny endriny fa ratsy izy ireo. Nisy iray taminy nankeo amin'ny varavarambe ka namoha azy.

Indro lehilahy mankadiry sady be bokonozatra nivoaka avy tao. Hitako mazava tsara izy. Tokony ho 1,82m ny halavany, moa va tsy ireny mpibata fonjamby ireny. Izy mivolom-pahafatesana toy ireo manodidina rehetra. Patalohan-dehilahy no hany tafiany. Volom-pahafatesana toy ny hodiny ambony koa io patalohany io. Mira amin'ny kiran-trondro nynofony, ngezabe ny lohany. Noho ny vesatry ny lohany izay ngeza loatra dia miforitra ny ranjony fa tsy mahazaka. Mivaky kitro toy ny an'ny kisoa ny tongony. Antitra izy, ratsy sady tezitrabe ny tarehiny. Maty ny masonry, ary ngezabe ny tavany.

Hitako tamin'io fahitana io, io voahary ratsy loatra io nivoaka ilay tolana efa antitra. Isaky ny mandeha izy dia mihozona ny tany, misy tandroka maniry amin'ny fanambonin'ny lohany-tandroka lehibe mitombo, mihalehibe hatrany dia manjavona avy eo. Eo ampandehanana izy dia mitombo miadana ireo tandroka ireo. Nisy tandroka hafa koa nipoitra avy tamin'ny lohany. Tandroka kely maniry avy amin'ireo lehibe. Hitako fa toy ny bibidia ny lohany, bibidia ratsy mahery, Tompon'ny fanimbàna. Mampihozona ny tany ny famindrany.

Hoy Jesosy, "Jereo."

Hitako ireo tandroka miala aminy dia mankany antranon'olona, fiangonana, tobimpahasalamana, birao sy trano maro samihafa eto an-tany. Nanimba zavatra maro manerantany izy ireo. Indro niteny ilay bibidia ka fanahy ratsy maro no napariaka ety an-tany. Hitako fa maro no babon'ireo herin-devoly ireo ka lavo amin'ny haraton'I satana.

Anaty ady isika izao-tsara mifanandrina amin'ny ratsy, hoy ny eritreritro.

"Reko ny Fanahin'ny Tompo niteny fa anaty ady isika. "Tsara mifanandrina amin'ny ratsy."

Nisy zavona mainty avy amin'ireo tandroka nanafina ny fanahy ratsy maro tety an-tany. Hita tety avokoa ny fahavetavetàna rehetra halan'Andriamanitra. Hitako nisy fanjakana nitsangana tetra an-tany, olona amanapitrissany no nanaraka ireo fanahy ratsy ireo. Hitako fa nesorina ny tandroka taloha dia nisy tandroka vaovao miforona hisolo azy.

Reko Jesosy nanao hoe:"Manomboka mitranga izany izao! Efa nisy izany, mbola misy, ary mbola ho avy. Ho tia tena ny olona raha tokony ho tia an'Andriamanitra. Hohita hatraiza hatraiza ny haratsiana amin'ny andro farany. Ny lehilahy amam-behivavy ho tia ny fonenany, ny fiarany, ny taniny, ny tranony, ny fidiram-bolany, ny volafotsy amam-bolamenany mihoatra Ahy.

"Mibebaha," Hoy Izy, "fa Izaho dia Andriamanitra saropiaro. Tsy misy azo asolo ny fideranao Ahy- na zanaka lahy, na zanaka vavy, na vady. Fa Andriamanitra dia Fanahy, ka tsy maintsy deraina amin'ny fanahy sy amin'ny fahamarinana."

Hitako ireo tandroka niala tety an-tany, ka niakatra ho eny amin'ny habakabaka. Nisy fanjakana hafa indray nitsangana ka feno ady sy faharavàna ny tany. Maro no nanompo ny bibidia.

Nandroso nihemotra toy ny nieritreritra ilay bibiratsy, dia nihozona ny tany noho ny lanjany. Afaka minitra vitsy dia niverina tao amin'ilay tronom-biby fiompy izy. Nisy zavona mainty nipoitra ka maro no maty tety an-tany.

Hitako izao tontolo izao anaty fahorian-dehibe, ka nivavaka tamin'ny foko manontolo aho. "Tompo ô, Vonjeo izahay," Hoy aho niantso mafy. Ary nisy bibidia boavana 2 nivoaka avy tao anaty tany dia niady. Fantatro fa avy ao amin'ny helo izy ireo.

Olo-maro mifanitsakiro no njery azy ireo mifampitàna. Ary indro zavatra hafa nipoitra avy tao an-tany teo afovoan'izy roa. Tsy niady intsony izy ireo fa samy nitsangana tamin'ny sisin'ilay sambo lehibe nipoitra. Samy niezaka hamotika ilay sambo izy fa tsy nisy nahavita. Nezahiny nalentika tany anaty tany izy io ka naleviny eo anelanelany. Dia nifanatrika indray izy 2, vonona hanohy ny fifanandrinana.

Injany nisy feo nanao hoe:"Jereo."

Ary indro hazavana avy tao amin'ilay nandevenany ny sambo. Nitranga indray ilay sambo ka tonga kapila lehibe. Samy niova endrika ireo bibidia ka tonga goavana sady mainty. Nivoha ny varavar'an'ilay kapila, Nisy rata-pahazavana lehibe naneho tohatra. Tohatra midina lalina any ambany tany izy io, ka nandre feo indray aho nanao hoe:"Mankany amin'ny helo!"

Tsapako ho nisy fanahy ratsy mahery teny amin'ny rivotra, tsapako ho very sy tsy ampy hery tanteraka aho teo ampijerena. Nisy hery mampalemy avy tao anatin'ilay kapila, ka tsy hitako izay hitsoahana. Tsapako ho voafandrika aho na dia fanahy aza.

Tampoka teo dia nakarin'I Jesosy ambony dia ambony aho hijery ilay fahitàna. Ary indro tonga tohatra mandeha ho azy izay miaka-midina avy ao amin'ny ivon'ny helo ilay tohatra. Nony teo anilan'I Jesosy aho, dia nahatsapa ho fitoniana sy fiarovana. "Hivoaka ao amin'ny helo izy," hoy ny feo reko.

Hoy Jesosy, "Hitranga izao amin'ny fotoana ho avy. Soraty ho fantatry ny olon-drehetra."

Tao amin'ilay fahitana dia nitondra fanahy ratsy sy herin-devoly niakatra ilay tohatra mandeha ho azy. Samy nitsangana tamin'ny andaniny avy tamin'ny sambo ireo bibidia 2, hitako izy ireo niova indray. Injany feona môtera mandeha mafy dia mafy. Nihalava ny

lohan'ireo biby, Nihafeno hazavana ny tanany. Hitako toa nitambatra ny sambo sy ireo bibidia 2 teo anilany.

Fanahy maro, toa matory am-pandehanana no nanatona ny iray tamin'ireo biby. Ora maro aho no njery izany zava-mahatahotra izany vao tonga hipoka olona teo amin'ilay biby iray. Nihaino aho ka injany feo mahery toy ny fiaramanidina vao hiainga nivoaka avy tamin'ilay biby voalohany.

Ilay sambo no nahazoan'io biby io ny heriny. Nony nanomboka nanidina izy dia tonga toy ny endrik'olona. Teny am-panidinana dia toa feno hazavana ny lohany sady nisy heribe nivoaka taminy.'

Nony najavona tany amin'ny habakabaka izy dia tonga sambo indray ny lohany.

Mbola reko ny feon'ilay biby voalohany no indro koa fa hipoka fanahy ilay biby faharoa. Rehefa izany dia niainga toy ny sambon-danitra koa ilay biby faharoa io. Nanatona ilay biby faharoa izy dia niaraka tany anaty habakabaka tany izy ireo. Naka endrik'olona koa ilay biby faharoa teny am-panidinana. Reko tsara ny feo Maherin'izy ireo raha nanomboka tsy tazana intsony izy.

Nanontany tena aho izay dikan'izany. Hitako indray ilay sambo, na kapila, niverina indray tety an-tany. Natelin'ny tany izy ka tsy hita intsony. Nony nanomboka lasa ilay fahitana dia nahita lapa fitsaràna lehibe aho ka nieritreritra ny sezafiandrianan-dehibe fotsy amin'ny fitsarana.

Fizaràna 13

Ny sandry havanan'ny helo

Taorian'ilay fahitana voalohany dia nandeha tamina faritra hafa tao amin'ny helo izahay sy Jesosy. Hoy Jesosy, "Izay hitanao izao dia ho amin'ny andro farany." Nisy fahitana hafa indray hitako.

Hoy Jesosy, "Ato amin'ny sandry havanan'ny helo isika izao."

Niakatra tamin-tendrombohitra karakaina iray izahay. Hitako fa nisy renirano nikoriana teny ambony. Tsy nisy lavaka afo, na devoly, na fanahy maloto, tsy misy afa-tsy riandrano mikoriana mankany amina morona tsy hita. Mifina anaty aizina ny morony. Nony nohatoninay sy Jesosy ilay renirano dia hita fa hay feno ra sy afo.

Nony nojereko akaiky dia indro fanahy maro mifampitohitohy amin-gadra. Misintona azy ireo ho any amin'ny fanambanin'ny farihy afo ny lanjan'ilay gadra.

Ao anaty afon'ny helo ireo fanahy. Hitako koa fa fanahy kila mifono karana izy ireo.

"Inona izao?" Hoy aho nanontany ny Tompo.

"Ireo ny fanahin'ny tsy nino sy tsy nanao ny sitrapon'Andriamanitra. Tia nynofony mihoatra an'Andriamanitra. Ireo dia lahy tia lahy, vavy tia vavy, izay tsy nibebaka mba hafahana amin'ny otany. Izy ireo nankafy ny fainany feno ota ka nanao anjorombala ny famonjeko."

Nitsangana teo anilan'I Jesosy aho ka njery tsara ilay farihy afo. Indro ny afo nanomboka nidedaka toy ny lafaoro lehibe, nihetsika ka nandevona izay nolalovany. Tsy ela dia nila hahafeno ny sandry havanan'ny helo manontolo.

Antsasa-metatra angamba sisà no elanelanay sy ny afo, saingy tsy nahakasika anay izy. Nodoran'ilay renirano avokoa izay nolalovany. Nojrerkò ny tavan'ny Tompo ka indro malahelo sady malefaka. Hita amin'ny endriny fa mbola tena tia sy onena ireo very Iz. Nanomboka nitomany aho sady naniry hiala amin'io toeram-pijaliana io, tsy zakako intsony ny hanohy.

Nojereko indray ireo fanahy ao amin'ny afo. Mirehitra izy ireo, mainty sy kila ny taolany. Reko ny kiakiakam-panenenana sy alahelony.

Hoy ny Tompo, "Izao no fijaliany. Tohitohizana amin'ny rojovy. Izy ireo nanao ny sitrapon'nynofony, lehilahy miaraka amin-dehilahy, vehivavy miaraka amim-behivavy, tsy araboajanahary. Izy ireo nampanota tovolahy sy tovovavy maro. Fitiavana no iantsoany izany nefà tsy misy afa-tsy ota sy fahafatesana amin'ny farany.

"Fantattro fa lehilahy sy vehivavy, tovolahy sy tovovavy maro no terena hanao izay zava-maharikoriko izany, noho izany tsy ho tanako ho tompon'andraikitra izy ireo. Izao nefà no tsarovy," Hoy Jesosy, "Izaho mahalala ny zava-drehetra, ka izay nampanota no hosaziana mafy

kokoa. Marina ny fitsarako. 'Ry mpanota, Hoy Aho, 'Mibebaha, dia hamindrako fo. Antsoy Aho dia handre.'

"Im-betsaka Aho no nanasa ireo fanahy ireo hibebaka sy hiantso Ahy. Ho navelako sy nodioviko izy; Ho afaka izy noho ny Anarako. Fa izy ireo tsy nihaino Ahy. Naleony ny filan'ny nofo toy izay ny fitiavan'Andriamanitra velona. Satria Masina Aho, ianareo koa tsy maintsy masina. 'Aza mikasika zavatra tsy madio, dia horaisiko ianao," Hoy ny Tompo.

Nankarary ahy fatratra ny nahita ireo fanahy ao amin'ny farihy afo.

"Raha mba niverina ho aty amiko ara-potoana mantsy izy ireto an!" Hoy Jesosy nanohy. "Nararaka ny rako hahafahan'ny rehetra manatona Ahy. Nomeko ny aiko mba hahavelona, eny fa na izay faran'ny mpanota indrindra aza."

Fanahy tsy tambo isaina no mankao amin'ilay renirano afo. Tsy afa-mivoaka izy ireto sady tsy manam-pidiny fa tsy maintsy milomano ambony ambany ao amin'ny farihy afo. Injany reko kiakam-panenenana raha sendra mandalo anay ilay afo feno ra.

Nanaraka lalan-kely teo amorondrano izahay. Teo alohanay, nipetraka teo ambony havoana, indro vehivavy goavam-be iray. Mivembena mandroso sy mihemotra toy ny mamo ny tenany. Misoratra aminy ny teny hoe: "Babylaona misitery."

Fantatro teo fa ny renin'ny fahavetavetàna ety an-tany dia avy ao amin'ny helo. Misy heribe ratsy avy aminy. Hitako fa maro ny olona sy lela teo ambaniny. Izy nanan-doha 7 sy tandroka 10. Hita tao aminy ny ran'ny mpaminany, ireo masina, ary ireo naripaka tety an-tany.

"Mialà ka misaraha aminy", Hoy ny Tompo. "Amin'ny fotoana dia hopotehina izy." Ary nolalovanay ilay vehivavy ratsy manan-tandroka an-doha. Nanomboka maizinabe indray ny tontolo. I Jesosy irery izao no hazavàna. Nandeha ihany izahay mandra-pahatonganay tamin'ny havoana hafa. Hitako avy lavitra fa nisy hafanana mivaivay teny amin'ny rivotra. Tonga nanevokevoka tsy hay zakaina ny tontolo.

Nivezivezy teo amin'ilay havoana izahay ka tonga teo amim-baravarana lehibe iray misy tolàna mifanapaka. Tamin'ny sisin'ilay havoana no nisy azy. Rojovy lava matevina no teo amin'ilay varavarana, nisy lelafo nidonaka be avy taminy. Mihidy mafy io varavarana io. Nanontany tena aho izay dikan'izao.

Tsitapitapitr'izay, indro lehilahy mainty, nitafy akanjo mainty lava nisy satroka, niseho teo anoloan'ilay varavarana. Hita ho efa konka sy vizana izy. Mikentrona miala lavitra ny taolany ny hodi-tavany. Toy ny olona 1000 taona.

Hoy Jesosy tamiko, "Ao ambadik'io varavarana io ny lavaka tsy hita noanoa. Marina ny Teniko."

Niredaredabe ny afo tao ka nampikainkona ilay varavarana.

"Tompo malalako," hoy aho, "Ho faly aho rehefa hatsipy ao amin'ny lavaka tsy hita noanoa I satana, dia tsy hisy mandritry ny fetrandro ny ratsy."

Dia hoy Izzy namaly, "Ndao, henoy izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Antomotra ny farany, ary Izaho miantso ny mpanota hibebaka dia ho voavonjy. Jereo izao."

Nitsangana teo an-tany ngazana izahay, niaraka tamin'ny Tompo amin'ny fanahy aho dia nahita fahitana indray. Hitako tamin'izay fa nisy bibilava afo namely ny rivotra tamin'ny rambony lava. Hitako io bibilava ara-panahy io nihetsika tamin-kery lehibe.

Ary hitako indray izy niverina tao amin'ny sandry havanan'ny helo niandry. Fantatro fa tsy afa-mamotika ny tany izy raha tsy tanteraka ny tenin'Andriamanitra.

Hitako nisy setroka sy afo nivoaka avy tamin'ny tany, hitako nisy rahona hafahafa niforona teny amin'ny habakabaka. Indro tangoron'aizina nitranga tetsy sy teroa. Nisy tandroka naniry tamin'ny lohan'ilay bibilava afo. Nihamaro izy ireo ka tsy nijanona raha tsy nameno ny tany. Nanome baiko ilay bibilava afo I satana. Nisy devoly sy fanahy ratsy maro nanatrika teo. Ary hitako ilay bibilava afo ratsy nivoaka ny sandry havanan'ny helo ka namely ny tany tamin-kery lehibe, nandratra sy namotika olona maro izy tamin'izany.

Hoy Jesosy, "Izao no hitranga amin'ny andro farany. Ndao hiakatra ambonimbon."

Ry mpamaky, raha toa ianao nanao ireo ota notanisaiko ireo, ajanony ka manatona an'I Jesosy. Ianao tsy mahazo mankany amin'ny helo. Antsoy ny Tompo dieny mbola akaiky. Handre anao Izy dia hamonjy anao. Izay rehetra miantsy ny anaran'ny Tompo dia hovonjena.

Faminaniana avy amin'I Jesosy ho an'ny rehetra

Fizaràna 14

Ny sandry havian'ny helo

Hoy Jesosy, "Manomboka ety an-tany ireo zavatra ireo ankehitriny sy amin'ny ho avy, hitranga eto an-tany tsy ho ela. Anisan'ny bibidia ny bibilava afo. Marina avokoa izay faminaniana hovakianao izao. Marina ny fanambarana. Miambena, mivavaha. Mifankatiava. Tehirizo ho masina ny tenanareo. Tehirizo ho madio ny tananao.

"Ry lehilahy, tiava ny vadinao tahaka ny itiavan'I Kristy ny fiangonana. Ry mpivady, mifankatiava tahaka ny itiavako anareo. Izaho no nanao ny fanambadiana sy nitahy azy amin'ny teniko. Tehirizo ho masina ny fandrian'ny mpivady. Aoka ianareo hangatsakatsaka ka tsy hisy pentimpelin-doto, toa Ahy madio tsy misy pentina.

"Navilin'ireo mpandroboka ny olo-masina. Aza mety hofitahina; Andriamanitra tsy azo vazivaziana. Hanam-pahazavan-tsaina ianao raha mampandry ny sofinao ka mihaino Ahy. Izao no hafatr'I Jesosy. Mitandrema amin'ny mpaminany sandoka izay mijoro eo amin'ny fitoerako masina ka mamitaka amin-java-manodoka. Ô ry tany, ny oloko sondriana amin'ny fampianaran-diso. Mifohaza, mifohaza! Lazako fa ota avokoa ny tsy fahamarinana rehetra. Esory rehefa pentin'otan'ny nofo sy ny fanahy.

"Ireo mpaminaniko masim-piaínana, fa ianareo kosa nanohitra Ahy sy ny fahamasinako. Nampidi-doza tamin'ny tenanao ianao, mahatonga anao ho voafatotra, marary, ary maty. Nanao izay ratsy sy tsy rariny teo imasoko ianao sady nanohitra Ahy, niala tamin'ny toromariko sy ny lamiko. Ianao tsy nihaino ny tenin'ny mpanompoko, sy ny mpaminany lahy sy vavy. Tsy fitahiana fa ozona no tonga aminao, nefá ianao tsy mety miverina amiko sy mibebaka ihany.

"Raha miverina sy mibebaka ianareo, raha manome voninahitra Ahy amin'ny voan'ny fahamarinana, dia hitahy ny tokantranonao Aho sady hanome voninahitra ny fandrianareo mivady. Raha manetry tena ianao ka miantso Ahy, dia hihaino anao Aho ka hitahy anao.

"Henoy, ry mpitory ny Teniko masina. Aza mampianatra ny oloko hanota amin'ny Andriamaniny. Tsarovy fa ao an-tranon'Andriamanitra no manomboka ny fitsarana. Raha tsy mibebaka ianareo dia hesoriko noho ny ota ampanao vinareo ny oloko. Mihevitra angaha ianareo fa jamba Aho ka tsy mahita, na marenina ka tsy mandre?

"Ianao izay tsy mitory ny fahamarinana fa manao ny ratsy, mameny ny pôketranao amin'ny volamena sy volafotsy tamin'ny fanambakàna ny mahantara-mibebaha, ho'Aho, dieny mbola fotoana. Amin'ny andro fitsarana, hitsangana irery manoloana Ahy ianao hanazava izay nampiasanao ny Teniko masina. Raha miantso Ahy amin'ny fibebahana ianao dia hesoriko amin'ny taninao ny ozona, ary ianao hotahiako amin'ny fitahiana mahatretrika. Raha mibebaka ianao ka menatra ny otanao, dia hamindra fo sy hiantra anao Aho ka tsy hotsarovako intsony ny otanao. Mivavaha mba ho tonga mpandresy.

"Miarena ho amin'ny fahavelomana dia ho velona. Mifonà amin'ireo navilinao sy nomenao

fampianaran-diso. Lazao fa nanota ianao ka nanapariaka ny ondry. Mibebaha aminy.

"Indro aho efa manomana vondron-tafika masina. Hanao zavatra mivaingana mahery ho Ahy izy ireo sady handrava ireo toerana avo. Izy ireo dia vondron'ny lehilahy sy vehivavy, tovolahy sy tovovavy masina, voahosotra hitory ny filazantsara marina, hametra-tanana amin'ny marary sy hampibebaka ny mpanota.

"Tafiky ny lehilahy miasa, vehivavy ao an-tokantrano, lehilahy sy vehivavy tsy manam-bady, ary ankizy mpianatra. Olon-tsotra izy ireo, satria ny ankamaroan'ny olona neverina ho ambony tsy namaly ny antsoko. Hatrizay izy ireo tsy noraharahiana sy tsy nohenoina, nohararaotina sy nolavina. Fa Izaho nitahy azy ireo ho amin'ny fahasahiana ho amin'ny fahamasinana sy amin'ny fanahy. Izy no hanomboka hanatanteraka ny faminaniako sy hanao ny sitrapoko. Ho eo aminy lalandava aho, hiresaka amin'ny alalany ary hiasa ao aminy.

"Ireo dia izay niverina ho amiko amin'ny fony, fanahiny, sainy, ary ny heriny manontolo. Io tafika io dia hamoha ny maro ho amin'ny fahamarinana sy amin'ny fahadiovan'ny fanahy. Hihetsika ao aminy tsy ho ela Aho, hifidy izay tiako ho miaramilako. Izaho hitady azy eny amin'ny vohitra sy ny tanàna. Maro no ho gaga amin'izay hofidiako. Ianareo hahita azy mihetsika sy hanao zava-mahagaga ho voninahitry ny anarako. Jereo ka diniho ny fiasan'ny heriko.

"Manantintra indray Aho, aza lotoina ny fandrian'ny mpivady. Aza lotoina ny vatanareo izay tempolin'ny Fanahy Masina. Ny otan'ny nofo mahatonga ny otan'ny fanahy. Aoka ho masina hatrany ny fandrian'ny mpivady. Izaho namorona ny lahy ho an'ny vavy, ny vavy ho an'ny lahy sy nandidy ny tokony hahairay azy ireo anaty fahamasinana. Hoy indray aho, mifohaza."

Izaho koa nahita fahitana maro tao amin'ny sandry havian'ny helo, nefo nohafaran'ny Tompo tsy hilaza azy aloha izao. Maro amin'izy ireny ny manoritsoritra izao tontolo izao amin'ny farandro, amin'izany, maro amin'ny olon'Andriamanitra no ho lavo sy very.

Tamin'izany aho dia nomena fanambarana ny amin'ny vatan'I Kristy, ny minisiteran'ny zanak'Andriamanitra, ny zanaky ny bibidia sy ny fiavian'I Kristy indray. "Any aoriana any, azonao lazaina ihany izy ireo," Hoy Izzy, "Fa tsy izao."

"Io tafika io," hoy ny Tompo, "izay efa nambaran'I Joela mpaminany, dia hisandratra ka hanao zava-dehibe ho an'ny Tompo. Ny zanaky ny fahamarinana hitsangana miaraka amin'ny fansasiranana amin'ny elany. Izy hanitsaka ny ratsy fanahy, ary izy ireo ho tonga lavenona eo an-tongony.

"Izy hantsoina hoe tafiky ny Tompo. Homeko fanomezana izy ireo, dia hanatanteraka ny asako mahery. Izy ireo hiady ho an'ny Tompon'ny voninahitry. Izaho handrotsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra, ka haminany ny zanaka lahy sy zanaka vavinareo.

"Io tafika io hiady amin'ny herin'ny ratsy ka handravarava ny ankamaroan'ny asan'I satana. Hahazo olona maro ho an'I Jesosy Kristy izy mialohan'ny hitsanganan'ny bibidia," hoy ny Tompo.

Hoy Jesosy, "Ndao, tapitra aloha ny androany."

Ary niala ilay fahitana sy ny sandry havian'ny helo izahay. Faly ery aho.

Nony nandeha izahay dia hoy Jesosy, "Ilazao ny ankohonanao fa tiako izy ireo, ahitsio am-pitiavana. Ilazao izy fa harovako amin'ny ratsy raha matoky Ahy."

Fizaràna 15

Ny andron'I Joela

Nandre feo aho nanao hoe: "Soraty, fa mahatoky sy marina izao." Dia niaraka tamin'ny Tompo tamin'ny Fanahy indray aho. Ambony Izy sady nasandratra, toy ny varatra ny feony.

"Henoy ry tany, izao zavatra izao dia efa nitranga, mitranga, ary mbola hitranga. Izaho no voalohany sy farany. Tompoy Aho, izay mpamorona, fa izaho hanome fiainana, fa tsy fahafatesana. Miala amin'ny ratsy dia miantsoa Ahy, dia hanasitrana sy hanafaka anao Aho. Marina izay vakianao amin'ity boky ity, ary hitranga tsy ho ela avokoa.

"Mibebaha fa tena efa antomotra ny fotoana, Hiseho tsy ho ela ny Tompon'ny voninahitra. Mivonona fa tsy fantatrao na ny andro na ny ora. Lehibe ny valim-pitian'izay miandry ny fiaviako. Hotahiako ireo madinika keliko, ireo nihazona ny finoana sy nanompo Ahy amin'ny fahamarinana. Tsy ampoiziny akory no hiavian'izany. Nanomana fitahiana manokana aho ho an'ireo nanoa ny antsony sy ireo tsy nandà ny anarako. "Hoy aho, raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako no hanetry tena sy hibebaka dia hamela ny helony Aho, hanasitrana azy sy hamerina izay very taminy. Izaho te-handre, hamonjy sy hanafaka izay mino sy miantso ny Anarako."

"Hamasino ny fifadian-kanina. Miantsoa fivoriana masina. Avorio ao an-tranoko ny tsy manan-kialofana sy ny antitra, ka mivavaha amiko. Indrisy fa ho avy toy ny mpangalatra amin'ny alina ny andron'ny Tompo-efa tena antomotra."

"Matokisa, dia honerako izay lanin'ny valala, kankana, trambo sy bibin-tsaonjo."

"Ireo tafika mahery nantsoiko amin'ny anarako tsy hisy hiala an-daharana na haningana. Hiatrika ady lehibe izy ireo nefo tsy ho resy, fa izaho no heriny. Hitovy amin'ny feon-trompetra ny feony, haneno toy ny varatra, dia ho fantatra sy ho ren'ny rehetra fa izaho no Tompo."

Ry Jesosy malalako, fangatahako ny mba ho mendrika amin'izany tafika izany. Te-ho isan'izany aho, fantatro anefa fa izaho tsy maintsy madio sy masina, tahaka Anao madiso sy masina. Amin'ny ran'I Jesosy niraraka, diovy aho. Ampio aho hanam-po mibebaka, tsy misy fankahalana sy lolom-po.

Ray ô fantattro fa maro amin'ny olonao no rendremana. Mino aho fa tsy maintsy hopotehinao ny vazy tanimanganay ka haetrinao izahay mba hamoa voan'ny fahamarinana.

Tompo ô, tsy te-ho any amin'ny helo intsony aho ka hijanona any. Tompo ô, ampio aho hampitandrina ny olona. Omeo hery ho afa-mampijanona ny fiitaran'ny helo. Ampio aho sy ny olonao mba ho tsara, malemy fanahy, mamela heloka sy mifankatia. Ampio izahay hilaza ny fahamarinana amin'ny fotoana rehetra.

Fantattro fa hiverina tsy ho ela I Jesosy Kristy, ary miaraka aminy ny valisoa. Fantattro fa ny hafatrao amin'izao tontolo izao dia hoe: "mibebaha, fa antomotra ny andron'ny Tompo." Ray ô, aoka tsy hadinina amiko ny ran'ireo olona ireo.

Fizaràna 16

Ny Ivon'ny Helo

Niverina tany amin'ny helo indray izahay sy Jesosy. Hoy Jesosy tamiko, "Anaka, izao no nahaterahanao, hanoratra sy hilaza izay nambarako sy nasehoko anao. Fa mahatoky sy marina izy ireny. Niantso anao Aho, hampahalala amin'ny alalanao fa tena misy ny helo, nefo koa Aho nanokatra lalana ahafaha-mandositra azy. Tsy ny helo manontolo no hatoroko anao. Misy zava-miafina tsy azoko aseho anao. Fa ampahany betsaka no hohitanao. 'Ndeha hijery ny fahefan'ny aizina sy ny hiafarany."

Nankao ankibon'ny helo indray izahay ka nandalo vavahadikely nisokatra. Nojereko izay nidiranay ka indro teo amin'ny sisin'ireo fonja ao anivon'ny helo. Nijanona teo amin'ny fonja iray izahay izay nisy vehivavy tsaratarehy. Teo ambonin'ny fonja nisy soratra hoe "B.C." (Talohan'I Jesosy Kristy)

Reko ilay vehivavy nanao hoe: "Tompoko, fantatro fa tsy maintsy ho avy ianao indray andro any. Mba avoahy ato amin'ity toeram-pijaliana ity aho." Nanao fitafian'ny ntaolo izy, kanto aoka izany. Fantatro fa taonjato maro izy no efa tato saingy tsy mety maty. Mijaly mafy ny fanahiny. Nisintona ireo baravy izy sady nitomany.

Fa hoy Jesosy tamim-peo malefaka, "Mangina, mitsahara." Niteny taminy tamim-peo malahelo Izy hoe. "Ravehivavy, fantatralo ny mahaaty anao."

"Eny," Hoy izy, "Saingy afa-miova aho. Tsaroako tsara ianao raha nandroaka ireo hafa avy tao am-paradisa. Reko ny tenim-pamonjenao. Ho tsara amin'izay aho," Hoy izy nitomany, "Izaho koa hanompo anao." Nofikiriny tamin'ny totohondrikeliny ny baravy sady nanomboka nikiakiaka izy, "Avoahy aho! Avoahy!"

Teo dia niova endrika teo imasonay izy. Nanomboka may ny lambany. Nynofony niraraka, fanahy may nifono taolana mainty sy lava-maso kila no hany tavela. Nangorohoro aho raha nahita ilay vaviantitra nianjera tamin'ny tany. Toy ny tsy teo ny hatsaran-tarehiny. Nampieritreritra mafy ahy ny nahalala fa efa tao izy talohan'ny nahaterahan'I Kristy.

Hoy Jesosy taminy, "Fony teny an-tany ianao dia efa nahalala izay hiafaranao. Nomen'I Mosesy anareo ny lalàna, sady renao tsara. Fa ianao raha tokony hanoa ny lalàko dia nifidy ho fitaovana eo ampelantanan'I satana, ombiasy sy mpamosavy. Sady nampianatra mihitsy. Naleonao aizina toy izay hazavana, ratsy ny asanao. Raha tena nibebaka tamin'ny fonao ianao, honavelan-draiko. Fa izao, efa tara loatra."

Tamim-po feno antra sy onena mafy no nandaozanay azy. Tsy hanam-pahatamperana ny hirifiry amam-pijaliany. Nanakatra anay ny taolan-tanany nony nandeha izahay.

"Anaka," hoy ny Tompo, "Mampiasa fitaovana maro I satana hamotehana ny lehilahy amam-behivavy. Miasa andro aman'alina izy mba hahazo olon-kanompo azy. Rehefa tsy mifidy

hanompo an'Andriamanitra ianao dia mpanompon-devoly. Misafidiana ny fiainana, ny fahamarinanana hanafaka anao."

Nony nandeha kelikely dia nijery, ary indro teo anoloanay devoly be lava elatra saingy toa tapaka. Niantsoantso, "Iza izany? Iza?" Nanontany tena aho ny antony iantsoantsoany.

Fa hoy Jesosy, "Jamba izy."

Ary nandre feo aho ka nijery, ary indro teo anoloanay devoly be lava elatra saingy toa tapaka. Nojereny tsara izahay sady nolalovany. Notomoriko Jesosy.

Dia naira-nijery ilay lehilahy niteny izahay. Migadra koa izy, sady nitodi-damosina anay-izy dia taola-mirehitra feno fofom-paty. Nihevaheva eny amin'ny rivotra izy sady nitomany, "Vonjeo aho. Vonjeo ra olona a!"

Fa hoy Jesosy tamim-peo malefaka, "Ralehilahy, mangina, mitsahara."

Ary nitodika ralehilahy ka nanao hoe: "Tompoko, fantatro fa tsy maintsy ho avy ho ahy ianao. Manenina aho izao. Mba avoahy tato. Fantatro fa ratsy aho, sady nampissa ny fahasembanako ho amin'ny tombontsoako manokana. Fantatro fa mpamosavy aho sady nandavo olo-maro ho an'I satana. Saingy, Tompo, manenina aho izao. Mba avoahy azafady. Andro aman'alina aho dia ampijaliana ato anaty lelafo, ato tsy misy rano. Izaho mangetaheta mafy." Hoy izy nitomany, "Mba azonao omena rano ve aho hosetroiko?"

Mbola nanohy niantso an'I Jesosy ilay lehilahy na efa nandeha aza izahay. Ontsa aho nijery azy.

Hoy Jesosy, "Ny mpanao ody sy asa ratsy rehetra dia hanana ny anjarany ao amin'ny farihy mirehitra afo sy solifara, izany no fahafatesana faharoa."

Ary tonga teo amim-ponja hafa indray izahay izay nisy lehilahy hafa. Hoy izy io, "Tompoko, Fantatro fa ho avy Ianao hanafaka ahy. Efa ela aho no nanenina." Io lehilahy io koa dia taolana rakotra afo sy kankana.

"Ralehilahy ity, mbola manota sy mandainga ihany ianao. Fantatrao tsara fa mpianatr'I satana ianao, mpandainga namitaka olo-maro. Tsy tao am-bavanao mihitsy raha izay fahamarinana, fahafatesana foana no valisoa mendrika anao. Renao matetika ny teniko fa ianao namazivazy ny Fanahy Masina sy ny famonjeko. Nandainga foana ianao nandrity ny androm-piainanao sady tsy nety nihaino Ahy. Ianao an'ny devoly rainao. Ny mpandainga rehetra hanana ny anjarany ao amin'ny farihy afo. Ianao niteny ratsy ny Fanahy Masina."

Teo dia nanompa sy nanozona an'I Jesosy ilay lehilahy. Dia lasa izahay. Very mandrakizay any amin'ny helo io fanahy io.

Hoy Jesosy, "Izay rehetra manatona Ahy ka mahafoy ny ainy dia handray izany indray, sady hanana be dia be. Fa ny mpanota tsy maintsy mibebaka raha mbola eny an-tany. Diso aorianraha aty vao mibebaka. Mpanota maro no te-hanompo an-Andriamanitra sy satana, mino koa izy ireo fa manam-potoana tsy voafetra izy handraisany ny fahasoavan'Andriamanitra. Fa ny tena Hendry dia hifidy anio izay ho Tompoiny."

Tsy ela dia tonga teo amin'ny efitra manaraka izahay. Tomanin'alahelo sy hakiviana no re avy

tao. Nojerenay ka indro karan-dehilahy no niangona teo amin'ny gorodona. Maintin'ny afo ny taolany, mivolon-davenona ny fanahiny ao anatiny. Voamariko fa misy tsy ampy ny vatany. Afo sy setroka no miakatra manodidina azy. Kankana no mivezivezy ao anatiny.

Hoy Jesosy, "Maro ny otan'io lehilahy io. Mpamono olona izy sady feno fankahalàna ny fony. Izy tsy nibebaka, sady tsy nino fa afa-mamela azy Aho. Raha mba nanatona Ahy mantsy izy!"

"Izany hoe:ry Tompo," Hoy aho nanontany, "Nihevitra izy fa tsy hamela azy amin'ny fankahalàna sy vono olona nataony ianao?"

"Eny," Hoy Jesosy. "Raha mba nino mantsy izy ka nanatona Ahy, dia ho navelako ny helony rehetra, na kely na lehibe. Indrisy, nanohy hatrany izy dia maty tao anatin'ny otany. Izay no itoerany ao amin'izay misy azy amin'izao. Nomena fotoana maro izy hanompoana Ahy sy hinoany ny filazantsara fa tsy nahoany. Izao tara loatra."

Ilay fonja manaraka notsidihinay indray feno fofon-dratsy. Reko tsara ny kiaky ny maty sy ny toloko eny rehetra eny. Nalahelo loatra aho ka nandraiky narary. Nanapa-kevitra aho fa hilaza amin'izao tontolo izao ny amin'io toerana io.

Hoy ny feom-behivavy, "Vonjeo." Nojereko tsara ireo maso roa, tsy toa an'ireo lavaka sisan'ny may. Nalahelo fatratra aho sady torakovitra, ontsa sy onena mafy ity fanahy ity. Naniry mafy hisintona azy hivoaka ka hiara-hitsoaka aminy. "Manaintaina be," hoy izy.

"Tompo, hanao ny tsara amin'izay aho. Nisy fotoana aho nahalala anao, tonga mpamonjiko ianao tamin'izay." Namikitra tamin'ilay baravyn'ilay fonja ny tanany. "Nahoana ianao no tsy ho mpamonjiko izao?" nisy vonga-nofobe nilatsaka avy teny aminy vokatry ny afo, hany ka taolana sissa namikitra ilay baravy.

"Nositraninao tamin'ny homa-miadana mihitsy aza aho," Hoy izy. "Noferanao aho tsy hanota intsony fa raha tsy izany dia hitranga amiko izay ratsy noho ny teo. Niezaka aho, Tompo; Fantatrao fa tena niezaka aho, efa nijoro ho vavolombelonao mihitsy aza. Nefa, Tompo, fantattro fa tsy mba lasa vedety izay mitory ny teninao. Izao te-ho tian'olona. Dia niverina tsikelikely ho amin'izao tontolo izao aho, ka voafatotry ny filan'ny nofo. Ny alim-pandihizana sy ny zava-pisotro mahery no tonga ambony noho Ianao. Tsy nifanerasera tamin'ireo Kristiana namako intsony aho ka tonga ratsy avo 7 heny miohatra ny teo aloha.

"Na dia tonga tia lahy sy vavy miaraka aza aho, tsy mba nanam-pikasana ny ho very izany. Tsy fantattro fa hay aho efa an'I satana. Mbola reko tao am-poko ny antsonao nampibebaka ahy mba hovoavonjy, fa tsy nahoako. Nihevitra foana aho fa mbola hisy ny fotoana. Rahampitso aho hiverina indray amin'I Jesosy, dia hamela sy hanafaka ahy Izy. Saingy niandry ela loatra aho, ka izao efa diso aoriana," Hoy izy nitomany.

Nirehitra ireo masonry vonton'alahelo dia nanjavona. Nihoraka mafy aho dia lavo teo amin'I Jesosy. Tompo ô! Mora foana no ho nitrangan'izao amiko na ny havako akaiky! Miangavy, ry mpanota, mifohaza dieny mbola tsy tara.

Nanatona fonja hafa indray izahay. Fanahin-dehilahy nifono karana may no tao. Tomany mitory hirifiry lalina sy neninabe no navoakany ka tsy mety hohadinoiko mandrakizay.

Hoy Jesosy, "Anaka, Misy amin'izay hamaky ity boky ity no hampitaha azy amina horonantsary efa hitany na anganoangano. Hilaza izy fa tsy marina izao. Fa ianao mahalala fa tena marina izao. Fantatrao fa tena misy ny helo, satria ianao nentiko taty im-betsaka tamin'ny Fanahy. Nambarako anao ny marina hijoroanao ho vavolombelona."

Ry olom-bery, raha tsy mibebaka sy tsy vita batisa ianao, sady tsy mino ny filazantsara, dia azo antoka fa any no hiafaranao.

"Aty io lehilahy io," hoy ny Tompo, "Noho ny fiokoany. Ny fiokoana dia toy ny fanaovana odiratsy. Ireo mahalala ny teniko sy ny lalako, efa nandre ny filazantsara saingy tsy mibebaka dia mikomy amiko. Maro no aty amin'ny helo vokatr'io ota io."

Niteny tamin'I Jesosy ilay lehilahy nanao hoe: "Nisy fotoana aho nanao anao ho Tompoko sy mpamonjiko, nefo tsy te-handeha amin'ny lala-mahitsy sy terinao. Naleoko ny lala-migodàna. Diso mora loatra ny milona amin'ny ota. Tsy te-ho voatery hanao ny marina aho. Nankafiziko ny lalam-pahotako. Naleoko nimamo sy nanaraka izao tontolo izao toy izay nanoa ny teninao. Izao aho manenina tsy nihaino ireo nalefanao hananatra ahy. Naleoko nanao ny ratsy sady tsy nibebaka."

Nangovitra mafy ny tenany sady nitomany. "Taona maro no efa nijaliako tato amin'ity toerana ity. Fantattro tsara aho, fantattro koa fa tsy ho tafaala ato. Izaho ampijaliana andro aman'alina amin'ireto kankana sy afo ireto. Miantsoantso aho saingy tsy misy mamonjy. Tsy misy mivaky loha amin'ny fanahiko aty-tsy misy miasa saina amiko." Nianjera tamina dongona kely teo amin'ny gorodona izy sady mbola nitomany hatrany.

Dia nifindra fonja hafa indray izahay. Vehivavy nipetraka no tao, nanala ny kankana tamin'ny taolany. Nitomany izy raha nahita an'I Jesosy. "Vonjeo aho, Tompo," Hoy izy, "Hanao ny tsara amin'izay aho. Mba avoahy moa e." Izy koa nihanika ny baravyn'ny fonja. Onena mafy azy aho. Nangorohoron'ny tomany ny tenany manontolo.

Hoy izy, "Tompo, fony teny an-tany aho, nanompo ny andriamaniry ny Hindu sy sampy maro hafa. Tsy ninoako ny filazantsara notorian'ireo misionera na reko im-betsaka aza.

Indray andro, maty aho. Niantso ireo Andriamanitro hamonjy ahy amin'ny helo fa izy tsy nahefa na inona na inona. Izao, ry Tompo, te-hibebaka aho."

"Tara loatra," Hoy Jesosy.

Ary tonga difitry ny afo izy raha nandeha izahay; Mbola mameno ny fanahiko ny antsoantsony hatramin'izao. Nofitahin'I satana izy.

Tamim-peo malahelo no nilazan'I Jesosy hoe: "Ndao, rahampitso indray isika miverina aty. 'Ndao handeha amin'izay."

Fizaràna 17

Ady eny amin'ireo lanitra

Tonga tamiko indray ny Fanahin'ny Tompo, dia nakanany amin'ny helo indray izahay. Hoy Jesosy: "Ny marina no lazaiko aminao, fanahy maro no aty vokatry ny fanaovana odiratsy, fanompoan-tsampy, fanompoana andriamanitra hafa, tsy fankatoavana, tsy finoana, fimamoana, sy halotoam-panahy sy nofo. Ndao ianao hatoroko misitery sy zava-miafina. Hatoroko anao ny fomba fivavahana hoenti-manohitra ny fanahy ratsy."

Ary nandeha tamin'ny ampanhan'ny helo nanakaiky ilay fo ratsiny izahay. Hoy Jesosy, "Tsy ho ela dia ho ao am-bavan'ny helo isika, tiako hambara ny rehetra fa miitatra ho azy ny helo."

Nijanona izahay ka hoy Izy, "Jereo ka minoa." Nijery aho ka nahita fahitana. Tao anatiny dia teny ambony lavitra izahay sy Jesosy mitazana ny habakabaka. Ary izaho nahita faribolana ara-panahy teny ambony lavitry ny tany. Tsy hitan'ny maso ara-nofo izy io, saingy hitako tsara tany amin'ny tontolo ara-panahy. Fantattro fa io fahitana io dia momba ny ady ataontsika amin'ny hery sy fahefana eny amin'ny rivotra.

Nony nojereko tsara dia hay faribolana maro izy ireo. Fanahy ratsy maoloto maro no tao amin'ilay faribolana voalohany. Hitako ny fanahy naka endrika mpamosavy, ary nanomboka nanidina sy nanao zava-dratsy maro. Reko ny feon'I Jesosy nanao hoe: "Nomeko fahefana amin'ny anarako ny zanako handresy ireo fanahy ireo. Henoy dia ianaro ny fomba fivavaka."

Indro koa devoly hafa endrika avy tamina faribolana hafa nanomboka nihodinkodina ka nandraka ozona. Hitako fa nisy devoly niakatra, ka nanimba ny tany. Nanana ny fanahin'ny ombiasy io devoly io. Nitodika izy ka nihomehy, Ary nandraka ozona tamin'olona avy tamin'ny tehiny izy. Hitako koa ny hafa niaraka taminy, ary nomen'I satana heribe izy.

"Fantaro fa izay fehezinareo ety an-tany dia faheziko any an-Danitra," hoy Jesosy. "Tsy maintsy fatorana I satana raha tian-kahomby ny vavaky ny olo-masina amin'izao andro farany izao."

Ary nisy ombiasy hafa koa nitsangana avy tamina faribolana fahatelo, io kosa nanome baiko. Feno orana sy afo ny tany raha niteny izy. Zava-dratsy maro no nolazainy, izy namitaka olo-marо tety an-tany. Nojereko ka indro devoly 2 hafa nanampy azy tany ambony tsy taka-maso. Ireo dia mpanjakan'ny ratsy sy mpanapaka eny amin'ny rivotra.

Izy manome ny heriny ho an'ireo mpimasy miangona amin-toerana iray hanao ratsy. Mitoby manodidina azy ny mpiasan'ny aizina. Miditra ny fanahy mifidy izay hampiasainy.

"Jereo tsara," Hoy Jesosy, "Fa manambara fahamarinana lehibe aminao ny Fanahy Masina."

Tao anaty fahitana, nahita zava-mahatsiravina maro aho tety an-tany. Nitombo ny haratsiana ary namatotra ny maro ny ota. Nahatonga ny olona hangalatra, handainga, hisoloky, hifandratra, hiteny ratsy sy hanindraindra ny filan'ny nofo. Haratsiana maro samihafa no

nalefa tety an-tany.

Hoy aho, "Tsy maha-tehijery izao." Fa hoy Jesosy, "Anaka, amin'ny anarako, mitsoaka ny devoly. Itafio ny fiadian'Andriamanitra hiarovanao tena amin'ny andron'ny ratsy."

Raha mbola nandraka ny ratsy ny devoly dia indro fa nivavaka ny olon'Andriamanitra. Izy ireo nivavaka tamin'ny anaran'I Jesosy tamim-pinoana. Tamin'izany dia nanohittra ny fanahy ratsy ny tenin'Andriamanitra, ka nanomboka nihataka izy ireo. Rehefa nivavaka ny masina dia nihena ny herin'ny ratsy. Tapaka ny ozony. Ireo nalemin'ny herin'ny helo nohatanjahina.

Nony naira-nivavaka toa feo iray ny olona dia niditra antsehatra ny anjelin'ny Lanitra. Hitako ny anjely masina niady tamin'ny mpanjakan'ny aizina sy mpanapaka ny rivotra, ka resin'ny anjelin'Andriamanitra izy ireo.

Nojereko ka vondron'Anjely maro no teo, tokony ho 600 isaky ny laharana. Mandroso ny anjely isaky ny mitombo ny fionoan'ny olona. Nanome baiko Andriamanitra ary tsy toha ny heriny. Nomeny hery lehibe ny anjeliny sy ny olona handrotika ny herin'ny ratsy. Niady tamin'ny Ratsy Andriamanitra teny amin'ny habakabaka. Rehefa nino ny olona dia resy ny herin'ny ratsy. Fa nanomboka nahazo hery kosa izy ireo rehefa mihena ny finoana.

"Tsy maintsy mino ny oloko, ka tsy maintsy mifanara-tsaina sy mitovy saina amiko," hoy ny Tompo, "Raha tsy maintsy hatao ambany tongotry ny Ray ny zava-drehetra." Tsy maintsy mifanara-tsaina ny Lanitra sy ny tany raha te-handresy ny fahavaloo isika.

Vao miakatra ny fideran'ny olona ety an-tany dia miala ny fanahy ratsy. Hitako ireo masina mivavaka amin'ny fony maontolo handresena ireo hafetsen-dratsin'ny devoly. Rehefa izany dia tapaka ny ozona sy asaratsin'ny devoly, ary tonga mpandresy ny masina.

Izay no nitranga. Rehefa niady ka nandresy ny anjelin'Andriamanitra dia afaka ny olo-masina. Nony afaka ny olona dia tonga feno ny fiderana manaka-danitra, ka vao may mahatonga fandresena. Rehefa tsy hita ny valim-bavaka dia mitsahatra ny fiderana ka manomboka mahazo aina indray ny devoly.

Reko ny anjely iray niteny mafy hoe: "Tompo ô, Malemy ny finoan'ny olonao. Tsy maintsy manam-pinoana izy ireo raha tianao hafahana amin'ny fatotr'I satana. Tompo, mamindrà fo amin'izao fotoam-pamonjena izao." Namaly ny feon'ny Tsitoha hoe: "Ny tsy finoana dia tsy hahafaly an'Andriamanitra. Saingy mahatoky ny Tompo, ka hanamboatra anareo Izy."

Teo dia hitako indray Andriamanitra nandrotsaka ny fanahiny tamin'ny olona, dia nino ny olona fa satria Azy izy ireo dia hotanterahiny izay angatahiny. Nanampinoana an'Andriamanitra sy ny teniny izy, dia nafahin'Andriamanitra. Ary naniry tsara ny tenin'Andriamanitra.

Hoy ny Tompo: "Ny zava-drehetra dia hain'ny mino. Izaho haniraka ny teniko hanatanteraka Azy. Ataovy ny anjara asanareo, dia fantaro fa tsy maintsy hanao ny anjarako Aho. Raha mijoro amin'ny marina sy miady ny ady tsara ny oloko, Zava-tsara no hitranga toy ny tamin'ny adron'ny pantekosta. Antsoy Aho dia handre. Izaho ho andriamanitrareo ary ianareo ho oloko. Izaho hamerina anareo ho amin'ny fahamarinana sy fahatsoram-po."

Hitako tamin'ny fahitana ny kristiana nateraka indray toy ny zazakely. Hitako nisy anjely teo anilany niaro azy amin'ny ratsy. Hitako koa ny Tompo niady ho azy ka nandresy. Ary indro nitombo izy ireo ka nijinja ny vokatra ho voninahitry ny Tompo. Nanao ny asan'ny Tompo tamin-kafaliana izy ireo-tia an'Andriamanitra, natoky sy nanompo Azy. Hitako niaraka ny anjelin'Andriamanitra sy ny teniny nandrotika ny devoly hiala amin'ny tany. Ary nisy fitonianabe tety an-tany satria teo ambany tongotr'Andriamanitra ny zava-drehetra nony farany.

Fizaràna 18

Fahitàna misokatra tao amin'ny helo

Hoy ny Tompo, "Hitranga amin'ny ho avy ity fahitana ity, ary tsy maintsy hitranga. Izaho ho avy hanavotra ireo fofombadiko, ny fiangonako izany, izy ireo tsy hitrangan'ity. Mifohaza, ry oloko ô Izaho mampaneno famohamandry ho an'ny mponin'ny tany, fa Izaho tsy maintsy hiverina fa efa teniko izany."

Hitako ilay bibilava afo, ilay tao amin'ny sandry havanan'ny helo. Hoy Jesosy: "Ndao hijery izay ambaran'ny Fanahy amin'izao tontolo izao."

Hitako ny tandrok'io bibilava afo io niditra tamin'ny tenan'ny olona. Maro no voagejany tanteraka. Nijery ihany aho ka indro bibidia nitombo tan-tany malalaka ka tonga olona mankadiry. Nandositra azy ny mponin'ny tany, ao ny nankany an-tany efitra, ao ny niditra an-davabato, fa ao koa ny niafina tamin'ny fiantsonam-piaran-dalamby ambanin'ny tany, sy tamin'ny toerana tsy laitram-baomba. Niafina tamin'ny fomba rehetra tsy ho hitan'ilay biby. Tsy nisy nidera an'Andrimanitra na niresaka momba an'I Jesosy.

Nisy feo nanao tamiko hoe: "Aiza ny oloko?" Nizaha akaiky aho ka nahita toa faty marobe nandeha. Hakiviana sy alahelobe no mameno ny tontolo, tsy nisy nivily niankavia na niankavanana. Hitako fa sintonin-kery tsy hita izy ireo. Ary nisy feo niteny matetika tamin'izy ireo avy tao amin'ny rivotra, dia nankato izy. Izy tsy nisy nifampiresaka. Hitako koa fa nisoratra teny amin'ny handriny sy ny tanany ny marika "666". Hitako fa nisy miaramila nitaingin-tsoavalý nanangona azy ireo toy ny fanao amin'ny biby.

Sainam-pirenena amerikana rotika sy miforiporitra no indrisy eo amin'ny tany. Tsy misy fifaliana, na hehy, na fahafinaretana. Fahafatesana sy haratsiana no teny rehetra teny.

Nifanao aloha sy aoriany ny olona hiditra amin-trano fivarotana lehibe iray. Niara-namindra izy ireo, toy ny an'ny tafika kivy, nitovy avokoa ny akanjony, toy ny an'ny gadra. Nifefy manodidina ilay trano sady feno mpiambina. Izay nojereko rehetra feno miaramila nanao akanjo fitondra miady.

Hitako ireo olona toy ny zombie ireo nabosesika tao an-trano, ka tsy afa-nividysty afa-tsysty izay farany kely ilainy. Izay avy nividysty dia atao fatra-tsaonjo anaty fiarabe maintson'ny tafika. Rehefa feno ilay fiarabe tsara ambina dia entina amin-toeran-kafa indray.

Tobim-pahasalamana izy ity ka jerena ao izay misy aretina mitaiza na tra-pahasembanana dia atokana fa tsy lany vizity.

Tsy ela dia entina amina efitra hafa ireo tsy lany teo. Io trano io dia misy rindrina feno bokotra. Nisokatra ny varavarana dia niditra ny mpahay mikirakira maro. Ny iray tamin'ireo mpikirakira ireo niantso tsirairay ireo olona tsy lany. Tsy manohitra izay antsoiny fa mitsangana dia miditra anaty boaty lehibe iray. Vao tafiditra izy rehetra dia hidiana ao ka

pihina ny bokitra eo amin'ny rindrina.

Afaka minitra vitsy ilay teknisiana dia manokatra, maka kifafa sy lamba, ary mamafa izay sisa tavela eo amin'ny fanambanin'ilay boaty. Lavenona kely sisa tavela tamin'ilay olona nameno trano teo!

Ireo lany kosa averina anatin'ilay kamiao dia entina amina fiarandalamby. Tsy misy mifampiresaka na mifampijery. Rehefa tonga amin-trano hafa indray izy ireo dia samy omena andraikitra avy, dia samy miasa tsy misy mifanditra. Hitako izy ireo somokotra fatratra amin'ny lahasany, nony hariva dia entina amin- trano misy tamboho avobe. Samy tsy mitafy fa mandeha matory fa hiasa mafy indray ny ampitso.

Izaho nandre feo mahery nameno ny alina. Indro ilay bibidia nipetraka tamin-tseza fiandrianan-dehibe. Nankato azy ny olon-drehetra. Hitako nisy tandroka ara-panahy naniry avy tamin'ny lohany. Nahaerana ny tany rehetra izy ireny. Nalainy avokoa ireo mpitonandra sy ireo laharana ambony ao amin'ny tafika ka tonga nanam-pahefana lehibe izy.

Niely tamin'ny tany rehetra ny biby dia namitaka olo-maro. Azony avokoa na ny tremalahy sy ny olo-malaza, na ny mahantra sy ahilikilika. Mankalaza azy na ny kely na ny lehibe.

Nisy milina lehibe nentina tamim-birao iray. Nasian'ny bibidia marika izy io, ary nivoaka avy tao anatiny ny feony. Nisy milina lehibe hafa koa afa-nahita ny tany an-trano sy ny birao rehetra. Iray ihany no milina toy izany, an'ny bibidia izy io. Ny ampahany apetraka any antanon'olona dia tsy hita maso amin'izao, saingy afa-nitatitra tamin'ny bibidia izay rehetra ataon'ny olona. Ary ilay bibidia nanodina ny seza fiandrianany hitodika taty amiko. Nisy marika 666 teo amin'ny handriny.

Ary hitako fa nisy lehilahy iray tamina birao iray tezitra mafy tamin'ny bibidia, ka nitady hifanazava taminy. Nitrerona faran'izay hainy ity lehilahy ity. Niseho ilay bibidia ka toy ny nanaja ery raha nanao hoe:"Ndao fa afa-mamaha ny olanao rehetra aho."

Ary nentiny tamin-trano lehibe iray ilay lehilahy tezitra ka nasainy natory tamin-databatra iray. Mampahatsiah y ah y efitra famelomana aina io toerana io. Notoranina izy dia natao tao ambany milina lehibe iray. Ary ny bibidia nanisy tariby tamin'ny lohan-dralehilahy dia namelona ilay milina. Eo ambonin'ilay milina misy soratra hoe:"An'ny bibidia ity mpamafa saina ity, 666."

Nony nesorina teo ambony latabatra izy dia toy ny lasa fisainana lalina izany raha mijery, ny fihetsiny mampahatsiaro zombie tamina horonantsary. Hitako nisy faritra lehibe teo amin'ny lohany, fantatro fa nisy fandidiana natao tamin'ny lohany hahafahan'ny bibidia mifehy azy. Hoy ny biby, "Tsy hitanao ho tsara kokoa ve ianao izao tompoko? Tsy voalazako va fa afa-mamaha ny olanao rehetra aho? Nomeko saina vaovao ianao, ka tsy hanana olana na zavamanahirana intsony."

Tsy niteny ilay lehilahy.

"Hankato ny baikoko rehetra ianao," Hoy ilay biby nanapaingotra zavatra tamin'ny akanjon-dralehilahy. Miresaka izy, ralehilahy kosa mamaly saingy tsy mampihetsi-molotra. Toy ny

faty mandeha no fahitana azy. "Hiasa ianao, ary tsy ho tezitra na sorena, tsy hitomany na halahelo koa. Hiasa ho ahy ianao mandra-pahafatinao. Maro no toa anao izay feheziko. Ao ny mandainga, ao ny mamono olona, ao ny mangalatra, ao ny mamorona ady, ao ny manana anaka, ao koa ny mampihodina milina, sy ny maro hafa. Eny, izaho no mifehy ny zav-drehetra." Dia nanao hehy maneso izy.

Ary nomena taratasy hosoniavina ilay lehilahy. Dia nomeny ampifaliana ilay bibidia avokoa ny fananany rehetra.

Hitako tamin'io fahitana io ilay lehilahy nandao ny biraon'ilay bibidia, niditra tamim-piara hody. Nony tonga dia nanandrana hanoroka azy ny vadiny, saingy izy tsy namaly. Tsy manam-pihetseham-po izy na amin'ny vadiny na amin'olon-kafa fa efa nosimbain'ilay bibidia.

Tezitra mafy ravehivavy ka nitrerona mafy ilay vadiny saingy tsy nisy vokany. Nony farany dia hoy izy, "OK, hiantso ny bibidia aho. Izy mahalala izay tokony hatao." Nony avy niantso dia nandao ny ankaniny izy ka nankao amin'ilay trano nisy ny vadiny teo.

Nampandroso azy ny biby sady nanao hoe: "Lazao izay olanao fa afaka manampy anao aho."

Dia notantanan-dehilahy tsara tarehy ho eo amin'ilay latabatra nisy ny vadiny izy. Nony vita ny fandidiana azy dia tonga andevon'ilay bibidia koa izy.

Reko ilay bibidia nanontany azy hoe: "Ahoana ianao izao?" Tsy namaly izy raha tsy efa nopaingoran-javatra tamin'ny akanjony. Ary nanomboka niaiky izy fa ny biby no tompony ka noderainy.

Hoy izy: "Hamokatra zaza tsara maro ianao, ary izy ireo hidera sy hanompo ahy." Namaly amim-peo toy ny an'ny robot ravehivavy hoe: "Eny, Tompoko, manaiky aho."

Hitako indray ravehivavy, tanaty trano hafa izy teto. Feno olona bevohoka tao. Matory toy ny tsy misy aina eo am-pandriana ireo vehivavy ireo ka manao hira fiderana tsy miova ny bibidia. Misy 666 avokoa ny handriny.

Rehefa teraka ny zanany dia entina amin-trano hafa ka tezaina mpitsabo mpanampy manova toe-tsaina. Ireo mpitsabo mpanampy ireo koa manana 666 amin'ny handriny.

Nihanahery ny biby ka nameno ny tany ny fanjakàny. Nihalehibe koa ireo zaza ka nentina teo amin'ilay milina mpanova saina. Izy ireo nidera ny bibidia sy ny sariny. Saingy ny milina tsy nanam-pahefana tamin'ny zanak'Andriamanitra.

Reko ny feon'ny Tompo nanao hoe: "Izay midera ny bibidia sy ny sariny dia ho ringana. Maro no hovoafitaka ka ho lavo, fa izaho hamonjy ny zanako amin'ny bibidia. Hitranga amin'ny farandro izany rehetra izany. Aza mety mandray ny mariky ny biby. Mibebaha izao dieny mbola fotoana.

"Ny bibidia hanao ny tenany ho lehilahin'ny filaminana. Ary izy hitondra saritsarimpilaminana amin'ny firenena maro nandalo ady mivaivay. Izy hamatsy entana izao tontolo izao amin'ny vidiny mora, hataony ampy izay aloan'ny olona na kely na betsaka. Izy hifanaraka amin'ny mpitondra firenena maro, Ny mpitarika maro amin'izao tontolo izao

hanaraka azy amin'ny filaminana sandoka.

"Alohan'io Aho hanangana tafika hijoro amin'ny fahamarinana sy ny rariny. Ilay tafika mahery voalazan'I Joela dia handre ny feoko hatrany amin'ny fiposahana ka hatramin'ny filentehan'ny masoandro.

"Handre ny feoko koa izy ireo amin'ny alina, ary hamaly Ahy. Hiasa ho Ahy izy ireo ka hihazakazaka toy ny mpiady mahery. Hanao asa lehibe ho Ahy izy, satria Izaho ao aminy." Izany rehetra izany dia nasehon'ny Tompo ahy tamin'ny fahitana misokatra. Teny avy tao ambavany izany, mahakasika ny farandro.

Niverina nody izahay sy Jesosy, dia nieritreritra ny amin'izay nasehony sy nambarany ahy aho. Raiki-tory aho raha nivavaka hamonjena ny olon-drehetra.

Fizaràna 19

Ny Valanoranon'ny Helo

Ny alina manaraka izahay sy Jesosy nankao amin'ny valanoranon'ny helo.

Hoy Jesosy, "Kely sisa dia ho vitantsika ny helo anaka. Tsy ny helo iray manontolo no hatoroko anao. Fa izay hatoroko dia tiako raha tantarainao amin'izao tontolo izao. Ilazao izy fa tena misy ny helo, ary tena marina ity fanambaràna ity."

Nandeha izahay, ary nijanona teo amin-kavoana kely iray ahatazanana lohasaha kely. Izay jereko rehetra dia fanahy maro mifampitaingina mameno ny andaniny avy amin'ny havoana. Reko tsara ny antsoantsony. Tabataba no mameno ilay toerana. Hoy Jesosy, "Anaka, ity no valanoranon'ny helo. Isaky ny misokatra ny vavan'ny helo dia handre izany tabatababe izany ianao. "

Miezaka hivoaka ny fanahy fa tsy afaka, satria miraikitra amin'ny sisin'ny helo.

Raha mbola niteny Jesosy dia nahita aloka maro aho nandalo anay ka nitontona mafy teo amin'ny havoana. Devoly maro manana rojovy matevina no nitondra azy ireo hiala teo. Hoy Jesosy, "Ireo no fanahy vao maty teny an-tany ka tonga aty amin'ny helo. Andro aman'alina no isehoan'izany."

Tampoka teo dia nangina be ilay toerana. Hoy Jesosy, "Tena tiako ianao anaka, tiako indrindra raha ambaranao ny olona ny helo."

Nojereko avy tamina karazan-davakombarika ny atilalin'ny vavan'ny helo. Kiakiakam-panaintainana sy fijaliana no nivoaka avy tao. Oviana no hifarana izao? Hoy aho nanontany tena. Efa te-hiala sasatra mafy aho.

Tampoka teo, nahatsapa ho very tanteraka aho. Tsy fantatro izay nahalalako izany, Fantatro tamin'ny foko manontolo fa lasa i Jesosy. Nalahelo fatratra aho. Nojereko ilay nisy Azy. Indrisy fa tena tsy teo Izy! "Tsia an!" hoy aho nitomany, "Sahady indray ve? Jesosy ô! Aiza ianao?"

Hampatahotra anao izay hovakianao izao! Mivavaka aho mba hahatonga finoana aminao ny tahotra. Mivavaka aho mba hibebahanao ka tsy handehananao amin'io toeran-dratsy io. Mivavaka aho mba hino ahy ianao, fa izaho tsy maniry izao hitranga amin'olona. Tiako ianao ka iriako hifoha ara-potoana.

Raha Kristianina ianao mamaky dia ataovy azo antoka ny famonjena. Miomàna hihaona amin'ny Tompo amin'ny fotoana rehetra, fa indraindray mantsy tsy misy fotoana hibebahana. Aoka hirehitra sy ho feno solika foana ny jironao. Mivonona fa tsy fantatrao izay hiaviany. Raha tsy mbola nateraka indray ianao, vakio ny [jaona 3:16-19](#), dia antsoy ny Tompo. Izy hamonjy anao amin'io toeram-pijaliana io.

Sady niantsoantso an'I Jesosy aho no nidina ny havoana hitady Azy. Kinanjo najanona devoly nanana rojovy lehibe. Nihomehy izy sady nanao hoe: "Tsy ho afa-mitsoaka ianao ravehivavy. I Jesosy tsy eto hamonjy anao. Ianao aty amin'ny helo mandrakizay."

"Tsia an," hoy aho nitomany, "Avelao aho!" Nanohitra tamin'ny heriko manontolo aho saingy tsy ela dia voafatotry ny rojo ka natsipiny tamin'ny tany. Nony nitsirara aho dia nisy toa selofanina nandrakotra ahy tamin'ny fofon-dratsy nankaloiloy. Tsy fantattro izay hitranga.

Avy teo dia reko niraraka avy tamin'ny taolako nynofotra aman-koditro! Nihorakoraky ny tahotra aho. "Jesosy ô," Hoy aho niantso mafy, "Aiza ianao?"

Nojereko ny tenako ka indro feno goaka ny sisa tavela tamin'ny nofotro. Niofo ho volon-davenona aho, ary nofotra volon-davenona no niala tamiko. Feno loaka ny lanivohoko roa, ny ranjoko ary ny sandry aman-tanako. Nikiaka mafy aho, "Tsia an! Aty amin'ny helo mandrakizay aho! Tsy mety izao!"

Reko nivezivezy tao anatiko ny kankana ka nojereko; indro rakotra ny taolako. Na tsy hitako aza izy ireo dia fantattro fa ao. Andramako esorina saingy misy hafa maro misolo izay miala. Reko tsara ny fofom-paty amin'ny vatako.

Eny misaina tsara aho ary mahalala izay nitranga teny an-tany. Izaho afa-nandre, namofona, nahita sy nanandrana ny tsiron'ny fijaliana ao amin'ny helo. Hitako ny tao anatiko. Izaho izay taola-mainty sisa, nefo mahatsapa izay mitranga amiko rehetra. Hitako koa ireo hafa toa ahy. Fanahy maro no tazako.

Nikiaka aho noho ny hirifiry mafy, "Jesosy ô! Mba vonjeo aho, Jesosy." Te-ho faty aho, saingy tsy mety.

Reko nirehitra indray ny ranjoko. Nihoraka aho, "Aiza ianao Jesosy a?" Nitsingidingidina tamin'ny tany aho ka niara-nihorakoraka tamin'ireo hafa. Nivangongo izahay tao amin'ny valanoranon'ny helo, toy ireny fako atsipy ireny. Hirifiry tsy hay zakaina no nameno ny fanahinay.

Nikiakiaka tsy nijanona aho, "Aiza ianao Jesosy? Aiza Jesosy?"

Nanontany tena aho ndraonofy ratsy izao. Mbola hifoha ve aho? Tena aty amin'ny helo ve aho? Nanota be teo anatrehan'Andriamanitra va aho ka very ny famonjena? Inona no niseho? Sa niteny ratsy ny Fanahy Masina? Tsaroako avokoa ny fampianaran'ny baiboly efa reko. Fantattro fa ao amboniko ao ny havako. Tamin-tahotra no nahalalako fa ao amin'ny helo toa ireo fanahy hafa efa hitako sy niresahako aho.

Hafahafa tamiko ny afa-nahita ny tenako manontolo. Ary nisy kankana indray nanomboka nivezivezy tao anatiko. Reko tsara izy ireo, nihikiaky ny hirifiry aho.

Teo dia hoy ny devoly iray, "Nilaozan'ny Jesosinao ianao, sa tsy izany? An'I satana ianao izao!" hehy maneso no nivaoaka avy taminy raha naka ahy izy ka nametraka ahy tamonbonin-javatra.

Tsapako teo fa hay aho tan-damosim-biby maty saingy velona. Volon-davenona ratsy toa ahy

koa ilay biby, feno fofom-paty lo. Tsy hay zakaina ny fofon'ny rivotra. Ary nentiny tamin-davarangana avobe aho ka nieritreritra nidray hoe: Tompo ô! Aiza ianao?

Fanahy maro nikiakiaka famonjena no nolalovanay. Reko ny feo mahery vokatry ny fivohan'ny vavan'ny helo, ka fanahy maro milatsaka no lalovanay. Nifatotra tao aoriana ny tanako.

Nitsitapitapy ny hirifiry-avy dia lasa indray. Mihiaka aho isaky ny tonga ny hirifiry dia miandry amin-tahotra rehefa mitsahatra izy.

Hoy aho anakam-po, Ahoana no ahafahako amin'izao? Inona no hitranga manaraka? Izao ve ny farany? Mendrika ho aty amin'ny heo aho fa naninona? "Tompo ô, aiza Ianao?" Hoy aho nikiakan'ny hirifiry.

Nitomany aho saingy tsy nisy ranomaso-alahelobe fotsiny no nameno ny vatako. Nijanona teo anoloan-javatra iray ilay biby. Niandranda aho ka indro trano tsara tarehy feno fanaka sy ravaka mirentirenty. Teo afovoany nisy vehivavy nanao waparasily (akanjom-panjaka). Nanontany tena aho ny amin'io na efa hana tanteraka aza.

Hoy aho, "Ravehivavy, azafady vonjeo aho." Nanatona izy dia nandrora teo amin'ny tavako. Nanozona sy niteny ratsy ahy izy. "Tompo ô, Inona indray ny manaraka?", Hoy aho nitomany. Ary nanao hehy maneso izy.

Teo imasoko dia niova ho lehilahy, saka, soaval, bibilava, voalavo ary tovolahy ilay vehivavy teo. Tanterany avokoa izay tiany ho endriny. Nanan-keribe izy. Tamin'ny tafon-tranony nisy soratra hoe: "Mpanjakan'I satana."

Nandeha indray efa ho adin'ny iray ilay biby dia nijanona. Tsy nampoiziko fa efa nazera tamin'ny tany niala tamin'ilay biby aho. Nijery aho ka indro vondron-tafika nitaingin-tsoavalny nanatona ahy. Nosintonina ho eo antsisin-dalana aho raha nandalo izy ireo. Izy ireo koa mba taolana mivolom-paty.

Rehefa avy nandalo izy ireo dia nobataina aho ka natao tanaty fonja. Nony nohidiana dia njery ny manodidina aho sady nitomany. Nivavaka aho, saingy tsy nanam-panantenana. Nitomany sy nibebaka inarivo noho ny otako. Eny, nisaintsaina aho izay tsy vitako hitarihana ny hafa ho an'I Kristy sy ho fanampiana izay nila vonjy. Nibebaka aho ho an'ireo tsy vita sy tsy nataoko.

"Tompo ô, Vonjeo aho," hoy aho nitomany. Tsy nijanona niantso an'Andriamanitra aho hamonjy ahy. Izy tsy nety tsapako na hitako. Tany amin'ny helo aho, toy ireo rehetra efa any. Nianjera tamin'ny tany aho ka nihiakan'ny hirifiry. Tsapako ho very mandrakizay aho.

Ora maro no lasa, ary matetika no andrenesana ilay feo mafy, dia misy fanahy maro milatsaka ao amin'ny helo. Niantso mafy hatrany aho, "Jesosy a, aiza ianao?" Tsy nisy valiny. Nanomboka nivezivezy tao anatiko indray ny kankana. Reko izy ireo tao anatiko.

Feno fahafatesana ny tanàna. Izaho tsy nana-nofotra na taova, na ra, na vatana na fanantenana. Nesoriko hatrany ireo kankana tamin'ny taolako. Fantatro avokoa izay nitranga, ary te-ho faty aho fa tsy nety. Velona mandrakizay ny fanahiko.

Nanomboka nihira ny fahavelomana sy ny herin'I Jesosy aho, izay afa-mamonjy amin'ny ota. Nony nanao izany aho dia indro devolibe nihazona lefona nihoraka mafy hoe:"Ajanony!" Notombohiny tsy nijanona aho ka reko namaivay izay voatomboka.

Nihira izy ireo hoe:"I satana no Andriamanitra aty. Izahay mankahala an'I Jesosy sy ny asany rehetra"

Nony tsy nijanona aho dia nentin'izy ireo ivelan'ny fonja ho amin'ny tany malalaka. "Raha tsy mangina ianao," Hoy izy ireo, "dia ho mafy kokoa ny fijalianao."

Nitsaha-nihira aho, ary nony ela dia naverin'izy ireo tao am-ponja indray. Tsaroako ny andinin-tsoratra masina miresaka ny anjely diso lèlana ka voagadra mandrapahatongan'ny fitsaràna farany. Nanontany tena aho raha io no fitsaràna ahy. "Tompo ô, vonjeo ireo eny antany," Hoy aho nitomany. "Fohazy izy ireo ndrao ho diso aorian." Soratra masina maro no nandalo tao an-tsaiko, fa tsy noteneniko satria natahotra ireo devoly aho.

Taraina sy kiaka no nameno ny tontolo. Nisy voalavo nanatona ahy fa nodakako. Nieritreritra ny vady aman-janako aho. "Andriamanitra ô, aza avela hankaty izy ireo," hoy aho nitomany, azoko antoka mantsy fa ao amin'ny helo aho.

Andriamanitra tsy nandre ahy. Ny sofin'ny tsitoha mihidy amin'ny horakoraky ny helo, hoy ny eritreritro. Raha mba misy mihaino mantsy izao an.

Ary nisy voalavobe nihanika ny ranjoko sy nanaikitra ahy. Nikiaka aho sy nanaisotra azy. Nanaintaina mafy aho.

Ary nisy afo tsy hay fiaviana nanatona ahy. Segondra, minitra, ora maro no lasa. Mpanota aho, any amin'ny helo. "Rafahafatesana ô, avia azafady," Hoy aho nikiaka. Tsapako ho nameno ny valanoranon'ny helo manontolo ny kiakiako. Nisy nanampy tosika koa aho-very mandrakizay-tsy misy hevitra. Te-ho faty aho fa tsy mety.

Nianjera tamina dongona aho, reko avokoa ny fijaliana rehetra. Reko indray ny vavan'ny helo nisokatra, ka niampy fanahy maro indray ireo efa ao. Teto dia nandoro ahy ny afo ka nisy hirifiry vaovao indray. Fantatro fa tena izy avokoa izay nitranga. Salama tsara ny saiko saingy tonga naranitrabe. Fantatro izany rehetra izany, fantatro koa fa raha maty tsy voavonjy ny olona iray dia ho any.

"Andriamanitra ô, vonjeo aho," hoy aho nitomany. "Mba vonjeo izahay rehetra raha mety."

Tsaroako ny fiainako rehetra sy ireo niresaka tamiko momba an'I Jesosy. Tsaroako aho nivavaka ho an'ny marary dia nositranin'I Jesosy ireny. Tsaroako ny teniny feno fitiavana sy fankaherezana ary izy mahatoky.

Raha mba nitovitovy tamin'I Jesosy mantsy aho, dia tsy ho aty, hoy ny eritreritro. Tsaroako avokoa ireo zavatsoa nomen'Andriamanitra ahy-ny rivotra iainako, sakafy, zanaka, trano fonenana, sy zava-maro hankafizina. Fa raha Andriamanitra tsara Izy, nahoana aho no aty? Tsy nanan-kery hiarenana aho, fa nitomany hatrany ny fanahiko, "Avoahy tato aho."

Fantattro fa misy fiainana hafa ao amboniko ary manohy ny fiaiany ny Havana aman-

tsakaizako. Fantattro fa misy hehy, fitiavana, sy halemem-panahy ao amboniko ao. Saingy mila tsy ho tsapako noho ny hamafin'ny fanaintainana. Aizina tapany sy zavona maloto no mamenno io ampanhan'ny helo io. Feno mavo manjavozavo eny rehetra eny, tsy hay zakaina ny fahalovana sy ny fikorontanana. Toy ny ora maro ny minitra iray, ary ny ora miitatra ho mandrakizay. Oviana ary izao no hifarana?

Tsy matory aho, tsy miala sasatra, tsy misakafo sy tsy misotro rano. Noana mafy sy nangetaheta tsy nisy toy izany aho hatrizay niainako. Lanaka sy te-hatory fatratra-saingy nitohy hatrany ny hirifiry. Isaky ny misokatra ny vavan'ny helo dia mitaty olom-bery maro, nanontany tena aho raha misy fantattro izy ireny. Hoentiny aty ve ny vadiko?

Ora maro izay no nahatongavako tato amin'ny vavan'ny helo. Saingy teo dia voamariko ho nisy hazavana nameno ny trano. Teo noho eo dia nijanona ny afo, nitsoaka ireo voalavo, nitsahatra ny fanaintainako. Nijery lalan-kitsoahana aho saingy tsy nisy.

Nanontany tena aho ny anton'izany. Nojereko ny lavakombariky ny helo izay fantattro fa ratsy. Dia nanomboka nangovitra ny helo, dia tonga indray ny afo mandoro. Tonga indray ny bibilava sy voalavo ary kankana nampijaly ahy.

"Andriamanitra ô! Aoka aho ho faty," hoy aho nikiakiaka sy nanakapokapoka ny taolan-tanako tamin'ny tany. Nitomany sy nikiakiaka aho fa tsy nisy te-hahalala.

Tampoka teo dia nobatain-kery tsy hita hiala ny fonja aho ka nony nahatsiaro tena dia efa nitsangana teo anilan'ny tranoko izahay sy ny Tompo. Nikiaka aho hoe:"Nahoana, Tompo, nahoana?" Sady niankohoka teo an-tongony no kivy fatratra.

Fa hoy Jesosy, "Fiadanana, mitonia." Teo dia tony tanteraka aho. Nareniny moramora aho ka raiki-tory teo an-tsandriny.

Nony nifoha aho ny ampitson'io dia nandraiky narary. Andro maro aho no niverina niaina antsaina ny helo sy ny fijaliany. Indraindray amin'ny alina aho dia mikiakiaka sy miteny fa misy kankana mandady ao anaty vatako. Natahotra mafy ny helo aho.

Fizaràna 20

Lanitra

Narary andro maro aho rehefaavy navela tao amin'ny valanoranon'ny helo. Tsy maintsy narehitra foana ny jiro rehefa matory aho. Nilaiko teo anilako lalandava ny baiboly, ary vakiako tsy mitsahatra. Tohina mafy ny fanahiko. Fantattro ankehitriny ny mahazo ireo fanahy very tsy maintsy hijanona any amin'ny helo.

Hoy Jesosy, "Fiadanana, mitonia," ary feno fiadanana tokoa ny fanahiko. Fa minitra vitsy monja dia mifoha ka mihorakoraka toy ny adala vokatry ny tahotra.

Mandritra izany dia fantattro fa tsy irery aho-Jesosy eo foana. Fa na mahalala aza aho dia tsy tsapako ihany indraindray ny fanatrehany. Diso natahotra aho ny hiverina any amin'ny helo ka na I Jesosy nanakaiky ahy aza natahorako indraindray.

Nitantara tamin'olona ny tranga niainako tany amin'ny helo aho fa tsy nihaino ahy izy ireo. Niangavy azy ireo aho hoe:"Rireto al! mibebaha amin'ny otanareo ndrao ho diso aorian." Sarotra tamin'izy ireo ny nino izay nolazaiko azy ny amin'ny fahoriana nentiko sy ny nampanoratan'I Jesosy ahy ny amin'ny helo.

Nanome toky ahy Jesosy fa izy no Tompo izay nanasitrana ahy. Na tsy nino ny ho sitrana tanteraka intsony aza aho dia niafana tokoa.

Nefa nisy tranga vaovao indray. Niaraka am-panahy tamin'I Jesosy aho, dia niakatra ho any an-Danitra izahay.

Hoy Jesosy, "Tiako hatoro anao ny Fitiavana sy ny hatsaran'Andriamanitra mbamin'ny ampahany amin'ny Lanitra. Tiako raha hitanao ny asa mahagaga vitan'ny Tompo izay tsara jerena aoka izany."

Planeta 2 lehibe no teo anoloanay, sady tena kanto no be voninahitra. Andriamanitra tenany no fahazavàna any.

Nisy anjely nihaona taminay ka nanao tamiko hoe:"Jereo ny hatsarana sy halemem-panahin'ny Tompo Andriamanitao. Maharitra mandrakizay ny famindram-pony." Tsapako feno fitiavana sy hamoram-po ilay anjely ka saiky latsa-dranomaso aho nony niteny indray izy, "Zahao ny hery sy ny tanjaka ary ny haben'ny voninahitr'Andriamanitra. 'Nda hatoroko anao ny toerananoforoniny ho an'ny ankizy."

Tampoka teo dia nisy planeta nazavabe lehibe toy ny tany nanoloana anay. Avy teo dia reko ny feon'ny Ray nanao hoe:"Ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina dia iray ihany. Iray ny Ray sy ny Zanaka, ary iray ny Ray sy ny Fanahy Masina. Nalefako ho faty tamin-kazo fijaliana ny zanako mba tsy hisy ho very na iray aza.

"Fa izao," hoy Izy nitsiky, "Izao aho haneho anao ny toerana nomaniko ho an'ireo zanako. Izaho miahy manokana ny ankizy. Izaho mikarakara manokana rehefa misy reny tsy mahazo zaza, eny fa na izay lavina raha mbola ao an-tranonjaza aza. Hitanao, izaho mahalala ny zava-

drehetra, ka miah.

"Vao miforona ao anaty tranonjaza ny aina dia efa fantatro. Fantatro koa ireo vonoina raha mbola ao ankibon-dreniny-ireo aina alàna fa tsy ilaina. Fantatro ireo tsy azo na misy fahasamponana eo ampiterahana. Vao foronina izy dia efa fanahy.

"Midina ny anjeliko maka azy rehefa maty izy. Manana toerana manokana aho ahafahany mitombo, mianatra sy tiavina. Omeko vatana feno izy, fenoiko izay tsy ampy. Izy omeko vatana be voninahitra."

Amin'ny toerana rehetra ao amin'io planeta io dia ahatsapanao fa tiana sy tonga lafatra ianao. Tonga lafatra avokoa ny zava-drehetra. Hita eny rehetra eny, antsefaky ny bozaka maintso mavana sy ny rano manjelanjelatra ny toeram-pilalaovana misy sezà vita amin'ny marbra sy hazo voafantina sy tsara rafitra.

Maro ankizy any. Izay jerena rehetra feno ankizy manao zavatra. Ny ankizy rehetra manao akanjo fotsy sy kapa. Fotsy loatra ireo akanjo ka manome hazavana eo amin'ilay planeta kanto dia kanto. Ny farevaky ny loko dia vao may mampiseho ny hafotsin'ny akanjon'ireo ankizy. Anjely no miambina ireo vavahady, ary nisoratra tamim-boky ny anaran'ny ankizy rehetra.

Ary hitako fa ampianarina tenin'Andriamanitra sy mozika tamim-boky volamena ireo ankizy ireo. Talanjona aho nahita biby isankarazany nanatona ireo ankizy ireo raha tao amin'io sekolin'anjely io izy ireo.

Tsy misy ranomaso na alahelo. Tongalafatra ny hatsaràna, Hafaliana sy firavoravoana no mameno ny tanàna.

Ary natoron'ny anjely planeta hafa mamiratra toy ny hazavana mena aho. Kintana mazava maro no mandrakotra io planeta io, ary tsara tarehy sy velona avokoa ny ao.

Hitako avy lavitra fa nisy tendrombohitra 2 vita amin'ny volamena tao, fa somary akaiky ahy kosa nisy vavahady volamena voarakotra diamondra sy vatosoa samihafa. Fantatro fa io ny tany vaovao, ary ilay tanàna tsaratarehy hitako dia ny Jerosalema vaovao-ilay tananan-Andriamanitra ho ety antany.

Ary niverina tety an-tany taloha indray aho-tany izay hodiovin'amin'ny afo ho voninahiny. Eto koa no hisy an'I Jerosalema, ilay renivohitry ny arivo taona. Hitako fa maro no nivoaka avy tany an-johy sy tendrombohitra ho any amin'io tanàna io.

I Jesosy no mpanjaka eto, ary manolotra azy fanomezana sy mankasitraka azy ny firenena rehetra.

Nomen'I Jesosy ahy ny dikan'ny fahitana. Hoy Izy, "Ho avy tsy ho ela Aho ka hitondra any an-Danitra, Ireo maty nanao ny marina aloha, dia avy eo ireo mbola velona, hanjavona miaraka amiko izy ireo. Ao aorian'izay dia hanjaka eto an-tany amin'ny fotoana voatondro ny antikristy, ary hisy fijaliam-be tsy mbola nisy hattrizay, sady tsy hisy intsony.

"Dia hiverina miaraka amin'ireo masina Aho, ary hatsipy any amin'ny lavaka tsy hita noanoa I satana, ka hijanona arivo taona any. Mandritra io arivo taona io dia hanjaka eto an-tany avy ao Jerosalema aho. Rehefa afaka izany dia hovahana fotoana fohy indray satana, saingy horeseko amin'ny fahazavako. Ho levona ny tany taloha.

"Henoy, Hisy tany vaovao sy Jerosalema vaovao ho tonga aminy-hanjakako mandrakizay mandrakizay."

Fizaràna 21

Finoana sandoka

Hoy ny Tompo, "Raha mihaino Ahy ny mponin'ny tany ka mibebaka, dia hosakanako ny asan'ny antikristy sy ny bibidia mandrapanavaoko ny zava-drehetra.

Tsy nibebaka va ny mponin'I Ninive nony nitorian'I Jona? Izaho tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Mibebaha dia handefasako fotoam-pitahiana."

Avy teo dia reko indray Jesosy nanao hoe:"Ny oloko tokony hifanampy sy hifankatia. Izy ireo tsy maintsy mankahala ota saingy tia ny mpanota. Izany fitiavana izany no ahalalan'ny olona fa mpianatro ianareo."

Raha mbola niteny Jesosy dia nisokatra ny tany, ary tany amin'ny helo indray izahay. Ary hitako fa nisy havoana feno foto-kazo maty, Lavenona no nanodidina azy io. Hitako koa fa nisy lavaka tamin'ny sisin'ilay havoana, olona mivolon-davenona mandehandeha sy miresaka.

Ary narahiko Jesosy tamin-dalankely kisilasila sy tena maloto miakatra ilay havoana. Nony akaiky dia hitako fa olona manontolo izy ireo saingy maty. Nofom-paty mivolon-davenona izy sady mifampitohitohy amin-tady fisaka iray mifandipandipatra izay mahafatotra azy rehetra. Tsy nisy afo hita teo saingy fantatro fa ampanhan'ny helo io, satria nisynofom-paty niraraka tamin'ny olona dia nitsiry haingana indray. Faty no nameno ny havoana saingy toa tsy voamariky ny olona-izy ireo toa varian-dresaka.

Hoy Jesosy, ""Ndao hohenoina ny resany."

Hoy ny lehilahy iray, "Ianao ve efa nandre Lehilahy hoe Jesosy izay nanala ny ota rehetra?"

Dia anamaly ny iray hoe:"Fantatro Jesosy. Nahadio ny otako Izy, fa tsy fantatro izay ataoko aty. "

"Izaho koa," hoy ilay niteny voalohany.

Hoy koa ny hafa, "Izaho niezaka ho vavolombelon'I Jesosy tamin'ny mpifanolobodirindrina tamiko fa izy tsy nihaino. Nony maty ny vadiny dia nindram-bola tamiko izy handevenany, fa tsaroako Jesosy nanao hoe: isika tokony ho Hendry toy ny menarana sy tsotra tahaka ny voromahilala, dia tsy nomeko izy. Fantatro fa zavatra hafa mihitsy rahateo no handaniany ilay vola. Mazava fa mila misaina tsara isika ny amin'ny volantsika."

Ary niteny indray ilay voalohany hoe. "Eny rahlahy a," hoy izy, "Nisy tovolahy tao ampiangonanay nila akanjo sy kiraro, saingy mpimamo ny rainy,' ka izaho tsy nety nividysavatra ho an-janany-nomenay lesona mafonja ralehilahy."

"Izay mihitsy," hoy ny hafa, sady nanolanolana tamin-katezerana ilay fatotra tamin'ny tanany, "Isika tsy maintsy mampianatra ny hafa ho tahaka an'I Jesosy. Izany lehilahy izany tsy manan-jo hisotro. Aleo mihitsy izy hijaly. "Hoy Jesosy, "Ry adala sy tsy misaina,

mifohaza hahalala ny marina, ka mifankatiava amin'ny Fitiavana mivaivay. Ampio ny sahirana. Omeo tsy iandrasan-tambiny ny mila."

"Raha mibebaka ianao ry tany, izaho tsy hanozona fa hitahy anao. Mifohaza amin'ny torimasom-panahy ka manatona Ahy. Manetre tena ka ampiankohofy amiko ny fonao, dia ho avy aho ka hiara-monina aminao. Ianao ho oloko, ary Izaho ho Andriamanitrao."

Fizaràna 22

Ny mariky ny bibidia

Reko ny Tompo nanao hoe: "Tsy ho eo amin'ny olona mandrakariva ny Fanahiko. 'Ndao hijery ny bibidia.

"Amin'ny andro farany, hisy bibidia hipoitra avy ao anaty tany hamitaka ny olona avy amin'ny firenena maro. Hotereny handray ny mariny ny rehetra, ny 666, hapetrany amin'ny handriny na ny tànany. Izay rehetra mandray dia azy ka hatsipy miaraka aminy any amin'ny farihy afo sy solifara.

"Hitombo ny bibidia fa hoderain'ny olona satria hitondra filaminana tsy mbola nisy hatrizay teto an-tany. Rehefa voafehiny ny tany, ireo tsy manana ny mariny amin'ny tanany na ny handriny tsy ho afa-mividy sakafo, fitafiana, fiara, trano na izay vidiana rehetra, izy koa tsy ho afa-mivarotra izay rehetra ananany amin'olona.

"Ambaran'ny Tompo mazava fa izay mandray ny marika dia nanaiky hiaraka amin'ny bibidia ka tsy hanam-pifandraisana amin'ny Tompo mandrakizay. Izy hiaraka amin'ireo tsy mino sy manao ny tsy marina. Milaza fotsiny ny marika fa izay manana azy dia niala tamin' Andriamanitra ka niaraka amin'ny bibidia sitrany ahay vaza-mihetsika.

"Ny biby sy ny mpanara-dia azy hanenjika ireo tsy mety mandray ny marika ka hamono ny maro aminy. Hotereny amin'ny fomba rehetra izy ireo handray ny marika. Ny zaza sy ny ankizy hovonoina imason'ny ray aman-dreny raha tsy mety mandray. Amin'izany hisy fisaonan-dehibe.

"Izay manana ny marika terena hanome ny fananany rehetra ho an'ny bibidia ka amin'izany ny biby dia manome toky hanome izay ilainy rehetra ho takalony.

"Ny sasany aminareo hilefitra ka handray ny marika amin'ny handriny na tanany. Hoy ianareo amin'izany, 'Hamel ahy Andriamanitra. Azon'Andriamanitra ny mahazo ahy.' Fa izaho tsy hiverina amin'ny Teniko. Nampitandrina anareo im-betsaka aho tamin'ny alalan'ny mpaminany sy ireo mpitory filazantsara. Mibebaha dieny mbola fotoana, ho avy ny andro hiavian'ny fitsaràna.

"Raha tsy manoa ny biby ianao ka tsy mandray ny mariny dia horaisiko an-tànana. Tsy milaza Aho fa vitsy no ho faty amin'izany andro izany noho ny finoany, fa maro no hotapahin-doha noho ny fitokisany amin'Andriamanitra. Fa sambatra izay maty ao amin'ny Tompo, fa lehibe ny valim-pitiany.

"Marina fa hisy tokoa fotoana hilaminana sy handrosoana, ka hahatonga ny bibidia halaza sy ho tian'olona. Toy ny tsy misy ny hanaovany ny olan'ny olona, saingy hiafara amin'ny ra latsaka ilay filaminana sandoka, ny fandrosoana kosa amin'ny mosary.

"Aza matahotra izay ataon'olona aminao fa matahora izay afa-manary anao any amin'ny helo.

Fa na henjana aza ny fanenjehana, ary na lehibe sy mitombo aza ny fahoriana, izaho hanafaka anareo amin'izany rehetra izany.

"Fa alohan'izay andron-devoly izay aho hanangana tafika mahery hanompo Ahy amin'ny fanahy sy amin'ny fahamarinana. Hanao asa lehibe ho ahy izany tafika izany. Noho izany, miaraha mivavaka amin'ny fanahy sy amin'ny fahamarinana. Mamoaza voan'ny fahamarinana, ka omeo Ahy izay anjarako, dia tsy havelako hahazo anareo izany andron-devoly izany. Mibebaha dia hovonjena amin'izany andro ratsy voatokana ho an'ny tsy voavonjy izany ianareo.

"Fahafatesana no tambin'ny ota, fa fiainana mandrakizay no fanomezan'Andriamanitra. Miantsoa Ahy dieny mbola afaka, dia hanaiky sy hamela anao aho. Tia anao Aho ka tsy maniry anao ho very.

"Minoa ity tatitra ity dia aoka ho velona. Mifidiana izao andro izao hanompoana."

Fizaràna 23

Ny Fiverenan'I Kristy

Hitako ny fiavian'ny Tompo. Reko ny antsony toy ny anjomara sy feon'arkanjely. Nihovitrovitra ny tany manontolo, ary nifoha avy tao am-pasana ireo maty nanao ny marina hifanena amin'ny Tompony teny amin'ny habakabaka. Ora maro no nandrenesako ny trompetra naneno ka ny tany sy ny ranomasina namoaka ny maty tao aminy. Ary I Jesosy nitsangana teo ambony rahona, nitafy afo sy njery voninahitra.

Dia reko indray ilay anjomara. Nijery ihany aho ka indro ireo mbola velona tety an-tany fa niakatra hifanena tamin'izy ireo. Indro hazavan'ireo voavonjy amanapitrисаны no nifanatona ho amin-toerana iray. Dia nomen'ny anjely akanjo fotsy mangatsakatsaka izy ireo. Tsy omby tratra ny hafaliana.

Ny anjely no nomena andraikitra handamina, hita hatraiza hatraiza izy ireo, ary miahys manokana ireo nampakarina. Omem-batana vaovao ireo voavonjy, ka miova izy vao mivoaka ny habakabaka. Hafaliana sy haravoana no nameno ny Lanitra, ary ny anjely nihira hoe:"Voninahitra ho an'ny mpanjakan'ny mpanjaka!"

Ary tamin'ny faritra avon'ny lanitra nahitako vatana fanahy mankadiry-tenan'I Kristy io. Nitsilany tam-pandriana iray io vatana io, nisy ra nirotsaka tamin'ny tany. Fantatro fa io ilay vatan'ny Tompo novonoina. Ary nitombo io vatana io ka tonga nameno ny Lanitra manontolo. Ary nifamezivezy tao anatiny ireo voavonjy.

Variana aho nahita ireo voavonjy amanapitrисаны nibanjina ilay vatana ka nameno Azy, nanomboka tamin'ny tongony, dia niakatra tamin'ny ranjo, ny sandriny, ny vavony, ny fony ary ny lohany. Ary hitako fa lehilahy sy vehivavy avy tamim-pirenena maro samy amin'ny fiteniny avy no nameno Azy. Samy nidera ny Tompo tamim-peo mahery izy rehetra.

Maro no nipetraka nanoloana sezà fiandrianana, ary indro anjely nitondra boky entina eo amin'ny fitsaràna. Nisy sezà famindram-po, ary maro no nomena valisoa.

Ary indro aizina no nameno ny tany, hita hatraiza hatraiza ny devoly. Fanahy ratsy tsy hita isa no nafahina tamin'ny gadrany ka naparitaka tety an-tany. Reko ny Tompo nanao hoe:"Lozan'ny mponin'ny tany, fa tonga hiara-honina aminao I satana."

Ary indro bibidia tezitra mafy nandrarakà ny poiziny tamin'ny tany. Nihovitry ny hatezerana ny helo, ary vondrom-bahoakam-panahy ratsy avy tany amin'ny lavaka tsy hita noanoa no tonga nanamainty ny tany noho ny hamarony. Lahy sy vavy maro no nikiakiaka nitsoaka tany amin'ny havoana, sy tendrombohitra ary zohy. Nisy ady maro, mosary, fahafatesana no nameno ny tany.

Nony farany dia nahita soavalý afo sy kalesy tany an-Danitra aho. Nangovitra ny tany, ary tonga mena toy ny ra ny masoandro. Ary hoy ny anjely, "Mihainoa ry tany, ho avy ny

mpanjaka!"

Ary niseho teo amin'ny rahon'ny lanitra ny Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny Tompo, ary niaraka aminy ny olo-masina rehetra, nitafy fotosy mangatsakatsaka. Ary tsaroako fa hahita azy ny maso rehetra ary handohalika aminy ny lohalika rehetra.

Ary nihazona ny fijinjàna ny anjely ka nijinja ny voaloboka masaka-izany no fara andro.

Hoy Jesosy, "Mibebaha mba hovonjena, efa tena antomotra ny fanjakan'Andriamanitra. Ho to ny teny sy ny sitrapoko. Amboary ny lalan'ny Tompo."

Dia nieritreritra aho, tsy maintsy mifankatia isika. Tsy maintsy mijoro amin'ny fahamarinana isika ary mampahalala ny zanantsika ny amin'ny fiavian'ny Tompo faingana. Fa Izy tsy maintsy ho avy!

Fizaràna 24

Fiangavian'Andriamanitra Farany

Hoy Jesosy: "Ilazao ny olona eny an-tany tsy hiavonavom-po sy tsy hifantoka amin-karena tsy azo antoka, aleo mamestraka ny fitokisana amin'Andriamanitra velona izay manome antsika ny zava-drehetra hiadanantsika. Mandehana amin'ny Fanahy dia tsy hanao ny sitrapon'ny nofo ianareo."

"Aza mety hofitahina; tsy azo vazivaziana Andriamanitra. Fa izay afafin'ny olona no tsy maintsy hojinjainy. Mamafaza ho an'ny nofo dia hijinja fahasimbana ianao. Mamafaza ho an'ny fanahy dia hijinja fiainana mandrakizay. Fa ny asan'ny nofo dia fijejojejoana, fijangajangana, fahalotoana, fanompoan-tsampy, fanaovana odiratsy, fiafonafonana, fialonana, fimamoana, filalaovan-dratsy ary ny toy izany. Izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan'ny Lanitra.

"Izao kosa ny vokatry ny Fanahy: Fitiavana, fifaliana, fiadanana, faharetana, halemem-panahy, hatsaram-panahy, fahamarinana, fanetren-tena ary fahononam-po. Fa izay an'I Kristy dia efa nanombo nynofony.

"Rehefa tanteraka ny tenin'Andriamanitra dia ho avy ny farany. Tsy misy olona mahalala na ny andro na ny ora hiavian'ny zanak'Andriamanitra indray. Eny fa na ny zanaka aza tsy mahalala, ny Ray no hany mahalala. Vetivety dia to ny Teny. Manatona tahaka ny zazakely, Dia aoka hodioviko amin'ny asan'ny nofo. Lazao amiko hoe:'Jesosy Tompo, Midira ato am-poko ka avelao ny heloko. Fantattro fa mpanota aho, ibebahako ny otako. Sasao amin'ny ranao aho, dia hadio. Efa nanota tamin'ny Lanitra sy teo anatrehanao aho ka tsy mendrika hantsoina hoe zanakao. Izaho mandray anao amin'ny finoana ho mpamonjiko.'

"Homeko mpitandrina araka ny foko ianareo, dia Izaho no ho mpiandry anareo. Ianareo ho oloko, ary izaho ho Andriamanitrareo. Vakio ny teny, aza mahafoy ny fiarahanareo mivavaka. Omeo Ahy manontolo ny fiainanareo, dia hiambina anareo Aho. Izaho tsy handao na hahafoy anareo akory."

Ry olona, noho ny Fanahy iray dia afa-mankany amin'ny Ray isika. Mivavaka aho mba homenareo rehetra ireo, ny fiainanareo ao amin'ny Tompo.

Fizaràna 25

Fahitana momba ny Lanitra

Misy amin'ireto fahitana ireto azoko talohan'ny nitondran'I Jesosy ahy tany amin'ny helo. Ny sasany kosa talohakelin'ny nifaranan'ny diako tany.

Endrik'Andriamanitra

Naharay ity fahitana masina ity aho raha tao anaty vavaka, fifantohana lalina sy fiderana.

Nidina teo amin'ilay nivavahako ny voninahitry ny Tompo. Setrok'afotra mampetrabe, hazavàna, ary herim-panjaka no teo imasoko. Teo afovoan'ny afo sy ny hazavànabe ny seza fiandrianan'Andriamanitra. Teo amin'ny seza ny endrik'Andriamanitra. Hafaliana, fiadanana, ary fitiavanabe no nivoaka avy teny amin'Andriamanitra.

Feno zaza kerobima nanodidina ny seza fiandrianana, izy ireo nihira sy nanoroka ny tavan'ny Tompo mbamin'ny tanany aman-tongony. Toy izao ny hirany: "Masina, masina, masina ny Tompo Andriamanitra tsy toha." Nisy afo niendrika lela teo amin'ny lohan'ireo kerobima ireo sy ny tendron'ny elatrakeliny. Miara-mihetsika amin'ny hery sy voninahitry'Andriamanitra ny elatr'izy ireo.

Ary nisy kerobima iray nanidina ka nikasika ny masoko.

Tendrombohitra volamena

Tamin'ny fahitana dia njery ambony lavity ny tany aho. Hitako fa kilaometatra maro no tsy ampy orana. Makina, vakivaky sy tsy mamokatra ny tany, tsy nisy hazo na zava-maniry mba hita.

Ary navela ho hitako ny ambadiky ny tany karakaina, hatrany an-Danitra. Misy tendrombohitra goavam-be mifanila mampetraka amin'ny fotony. Tsy fantattro izay haavony, fa tena avo tokoa. Nohatoniko izy ireo ka hitako fa vita amim-bolamena- mangilatra sy mangarahara.

Tanaty sy tao ambadik'ilay tendrombohitra nisy hazavanabe, izay nipariaka nameno ny habakabaka. Tsapako tao am-poko fa io no fototra itoeran'ny Lanitra.

Peratra volamena kely dia iadian'ny olona, nefo Andriamanitra no Tompon'ny volamena.

Ny fananganan-tranobe

Teo am-pivavahana aho dia nahazo ity fahitana ity. Indro anjely namaky izay voarakitra momba ny asantsika ety. Ny sasany nanana elatra, ny hafa kosa tsy nanana. Ao ny lehibe fa ao

koa ny kely, samy hafa ny endriny. Toy ny olona ety an-tany, dia fantatra amin'ny endriny ny anjely tsirairay.

Hitako ireo anjely somokotra nanapaka diamondra tsaratarehy ngezabe ka nametraka izany tao amin'ny fototry ny tranobe. 30,48 sm ny hateviny 60,96 sm ny halavany, ary tena tsaratarehy. Isaky ny misy fanahy azo ho an'Andriamanitra dia ampiana ny diamondran'ilay nitaona azy. Tsy misy asa very maina izay atao ho an'Andriamanitra.

Vavahadin'ny Lanitra

Tamin'ny fotoana iray hafa, rehefa nivavaka aho, dia nahita fahitana momba ny Lanitra. Tao amin'ny tontolon'ny fanahy aho ary nisy anjely tonga naka ahy ho any an-Danitra. Indro indray hazavana manjopiaka sy voninahitra mahajambena hitako avy tao ambadik'ireo vohitra volamena. Mampientana ny fanahy ny mankafy ny herin'Andriamanitra aseho mivantana. Nony nanatona ilay vavahady lehibe teo amina tamboho goavana izahay sy ilay anjely, dia nahita anjely 2 lofosanabe mitondra sabatra. Tokony ho 1,52 m ny halavany, volamena miolana ny volony. Avobe ilay vavahady ka tsy hitako ny tampony. Io no zavakanto voakaly indrindra hitako. Vita tànana, misy fiforiporetana marososona mifanosoka sy mifanapaka sarotra dinihina, voaravaka, perla, diamondra, robia, safira sy vatosoa hafa koa. Tonga lafatra ny fifandanjan'ny zava-drehetra eo amin'ilay vavahady, mivoha mankaty ivelany izy io. Nisy anjely nivimbina boky nivoaka avy tao. Nony avy njery ilay boky izy dia nanatoka ny lohany, nanamafy fa afa-miditra aho.

Ry mpamaky, tsy afa-miditra ao an-Danitra ianao raha tsy ao anatin'ny bokin'ny fainan'ny zanakondry ny anaranao.

Ny efitra fandaketana

Tanaty fahitana, Nentin'anjely tany an-Danitra aho ary nasehony efitrano malalakabe misy rindrina vita amina vongam-bolamena. Litera maro no hita voasoratra manerana ny rindrina. Moa va tsy ireny tronom-boky lehibe ireny, ny boky fotsiny tsy mipetraka amin-talatalana fa miraikitra amin'ny rindrina.

Nisy anjely maro nanao akanjo lava naka ireo boky ka nandalina azy. Toy ny efa misy lamina maty paika amin'izay ataon'izy ireo. Voamariko fa volamena matevina ny fonon'ny boky ka miloko mena ny pejy sasany. Tsaratarehy aoka izany ny boky.

Nolazain'ilay anjely niaraka tamiko fa ireo dia rakity ny fainan'ny olon-drehetra ety an-tany hattrizay. Nolazainy koa fa mbola misy firaketana hafa izay misy firaketana be lavitra. Entina matetika eo amin'Andriamanitra ireo boky ireo hohamarinin sy hahafantarana izay heviny ny aminy. Ny boky dia mitahiry ny hataka, faminaniana, toetra, fitomboana ao amin'ny Tompo, fanahy voavonjy ho an'I Kristy, ny vokatry ny Fanahy sy ny maro hafa. Izay ataontsika rehetra ety an-tany dia racketin'ny anjely amin'ny boky any an-Danitra.

Matetikabe ny anjely no maka boky ka mamafa pejy amin-damba malefaka. Miofo ho mena izay voafafa.

Tohattray ny Lanitra

Ny Fanahin'ny Tompo naneho ahy izao fahitana manaraka izao. Hitako tohatra ara-panahy lavabe nidina avy tany an-Danitra ho ety an-tany. Tamin'ny sisiny iray ny anjely nidina ho ety an-tany, fa tamin'ny ilany kosa ny anjely hafa niakatra.

Tsy nanana elatra ireo anjely teo amin'ny tohatra, fa ny anjely rehetra samy nihazona boky izay nisy anaran'olona ny fonony. Ny anjely sasany toa mamaly fanontaniana sy manome toromarika ireo hafa. Vao azony ny toromarika ka voavalny ny fanontaniany dia manjavona izy.

Izaho koa nahita tohatra hafa tamin'ny faritra hafa teto an-tany. Mifamezivezy miakatra sy midina tsy mitsahatra ireo anjely. Mihetsika amim-pahasahiana sy fahefana izy ireo satria mpampita hafatra sy mpanatanteraka baikon'Andriamanitra.

Fizaràna 26

Faminaniana avy tamin'I Jesosy

Raha niseho tamiko voalohany Jesosy dia hoy Izy, "Kathryn, nofidian'ny Ray ianao hiaraka amiko any amin'ny hantsan-dalin'ny helo. Ianao hanehoako zava-maro momba ny helo sy ny Lanitra tiako ho fantatr'izao tontolo izao. Hambarako aminao izay hosoratrana hahatonga ity boky ity ho fanoritsoritana marina momba ireo toerana tsy fantatra ireo. Ny Fanahiko hilaza zava-miafina momba ny fiainana mandrakizay, fitsarana, Fitiavana, fahafatesana sy ny fiainana any an-koatra."

Toy izao ny hafatry ny Tompo amin'izao tontolo izao izay very: "Izaho tsy maniry anareo ho any amin'ny helo. Ho fifaliako sy hiaraka amiko mandrakizay no namoronako anao. Voahariko ianao ka tiako.

Antsoy Aho dieny mbola akaiky, horeko ianao dia hovaliako. Te-hamela anao aho dia hitahy anao."

Ho an'ireo nateraka indray dia hoy ny Tompo: "Aza manadino ny fiarahanareo. Mivondrona hivavaka sy hianatra ny Teniko. Derao amin'ny fanahin'ny fahamasinana Aho."

Hoy ny Tompo amin'ny fiangonana sy ny firenena: "Ny anjeliko miady mandrakariva ho an'ireo mpandova famonjena sy izay vao handova. Tsy miova Aho. Izaho no Izy omaly sy anio ary mandrakizay. Tadiavo Aho dia harotsako aminareo ny Fanahiko. Ny zanakalahy sy

zanakavavinareo haminany. Izaho hanao zava-dehibe eo aminareo."

Raha tsy mbola voavonjy ianao, makà fotoana izao handohalihana eo anatrehan'ny Tompo ka angataho Izy hamela ny otanao sy hanao anao ho zanany. Na inona na inona ho vokany, aoka ianao ho vonona hanao ny Lanitra ho fonenanao. Ratsy ny helo, ary tena misy ny helo.

Fehiny

Te-hanamafy aminao indray aho fa marina avokoa izay voasoratra amin'ity boky ity. Ny helo dia toera-mpijaliana mivaivay. Tiako hambara aminao anefa fa tena misy koa ny Lanitra ary afaka ho fonenanao mandrakizay.

Amin'ny maha asatanan'Andriamanitra, izaho dia manaiky ny fitarihan'I Jesosy Kristy ka mahatoky amin'ny fandraketana izay nasehony sy nambarany Ahy.

Tsara indrindra ianao raha mamaky ity boky ity miaraka amin'ny baiboly ka manamarina izay voasoratra ato amin'ny soratra masina. Andriamanitra anie hampiasa ity boky ity ho amin'ny voninahiny.

Mary Kathryn Baxter

Apok. 20:13-15	Matio 10:28	Lioka 12:5	Lioka 16:20-31	Salamo 9: 17
<u>Oha 7:27</u>	Oha 9: 18	Isaia 5:14		
Isaia 14:12-15	Matio 5:22			
Matio 23:33	Marka 9:43-48	Romana 10:9-10	1 Joana 1:9	

Momba ny mpanoratra

I Mary Kathryn Baxter dia teraka tany Chattanooga, Tennessee. Notezaina tao antanon'Andriamanitra Izy. Vao tovovavikely izy dia natoron-dreniny ny momba an'I Jesosy Kristy sy ny famonjena. Nateraka indray I Kathrynrehefa feno 19 taona. Nony nanompo an'I Jesosy taona maro dia niverin-dalana. Tsy nandao azy nefo ny fanahin'ny Tompo, dia nanolotra indray ny fiainany ho an'I Jesosy izy. Mbola mahatoky amin'ny fanompoana izy hatrizao.

Tamin'ny antsasaky ny taona 60 dia nifindra ho any Detroit Michigan niaraka amin'ny ankohonany I Kathryn, Fotoana ela no nonenany tany. Taty aoriane, nifindra tany Belleville, Michigan, izy izay nanomboka nampahita fahitana avy amin'Andriamanitra azy.

Tamin'ny 1976, raha mbola nonina tany Belleville izy dia nitranga taminy tamin'ny endrik'olona Jesosy, tamin'nynofy, fahitàna, sy tamin'ny fanambaràna. Hatramin'io dia novangian'I Jesosy im-betsaka izy. Nandritra izany dia nasehony azy ny halalina, haratsiny, ny lenta sy ny fijalian'ny fanahy very any amin'ny helo. Izy koa nahazo fahitàna maro momba ny paradisa, ny fahorian-dehibe, ary ny farandro.

Nisy fotoana I Jesosy nitranga taminy nandrity ny 40 alina. Natorony azy tamin'izany ny

horohoron'ny helo sy ny voninahitr'Andriamanitra. Nambarany azy fa ho an'ny tany manontolo io hafatra io.

Misionera, mpitarika, ny Masin'Andriamanitra miresaka tsara momba azy sy ny asa misiona ataony. Misongadina amin'ny fotoam-bavaka ataony ny hetsiky ny Fanahy Masina, maro ny fahagagana efa nitranga. Ny fanomezam-pahasoavan'ny fanahimasina amin'ny hery dia miseho amin'ny fivoriana masina ataony satria izy tarihina sy omen'ny Fanahin'Andriamanitra hery. Izy tia ny Tompo amin'ny fony, sainy, ainy, ny heriny rehetra ary maniry mihoatra ny zava-drehetra ho mpamonjy fanahy ho an'I Jesosy Kristy.

Izany no tena asatanan'ny Tompo mifantoka aminy marina. Ny antsony dia momba nynofy, fahitàna, sy fanambaràna. Natokana ho mpitandrina izy tamin'ny 1983 tao amin'ny Full Gospel Church of God tany Taylor, Michigan. Izao izy mitandrina ny National Church of God any Washington, D.C.

Translated by [Hery Rasoloforarinivo](#)

Book Info

For speaking engagements, please contact: Mary K. Baxter Lowery Ministries International
P.O. Box 2550
Cleveland, TN 37320-2550

ISBN: 0-88368-279-6

Printed in the United States of America @ 1993 by Lowery Ministries International

Whitaker House
30 Hunt Valley Circle New Kensington, PA 15068 www.whitakerhouse.com

Library of Congress Cataloging-in-Publication Data Baxter, Mary K.
A divine revelation of hell! Mary K. Baxter. ISBN 0-88368-
279-6 (trade paper)

1. Hell-Christianity. 2. Private revelations.
4. Baxter, Mary K. I. Title. BT838.B35 1997 236'.25-dc21

96-49171